


IREO VOAHSOTRA AMIN'NY

ANDRO FARANY

 Manao ahoana, ry mpanatrika. Ndao isika hiresaka amin'ny Tompontsika ankehitriny. Andriamanitra lehibe, Mpanao ny lanitra sy ny tany, Izay nanendry ho anay tamin'ny Fahamasinana an'izao fotoanan'ity maraina ity izao, ho fanompoana Anao. Ary enga anie izahay, Tompo, ao amin'ny fonay hahafoy ny tenanay tanteraka ho an'ny Sitraponao Masina sy ny fiasan'ny Fanahy Masina ao anatinay, mba hitondra an'izay Tianao ho fantatray. Ny fanirianay dia ny ho Kristiana tsara sy Solontenanao tsara. Hanaiky an'izany ho anay anie Ianao izao maraina izao, raha miandry Anao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Mahazoa toerana. [Misy olona manao hoe, “Hesorina ve ireo lambam-bavaka ireo?”—Mpand.] Eny.

² Tena faly izahay fa eto indray izao maraina izao, ao amin'ny—ao amin'ny asan'ilay Mpanjaka lehibe. Ary miala tsiny izahay, izahay, indray, fa tsy manana efitrano ho an'ny olona izahay, saingy izahay dia manana fotsiny. . . Hiezaka izahay ary hanao izay tsara indrindra azonay atao, arakaraka ny zava-misy.

³ Ankehitriny, maro ireo mosara sy fangatahana mipetraka eto ambony eto mba hivavahana. Ary apetrako fotsiny eto amin'ny ilany anankiray eto izy ireo; tsy hoe hodiako tsy fantatra izy ireo, fa hivavaka ho azy ireo aho indrindra rehefa izaho. . . tahaka ny, ary rahariva. Hanao aho izao maraina izao, ary rahariva indray koa, rehefa. . . Amin'izay fotoana izay dia hivavaka aho ary hiandry ny Fanahin'Andriamanitra ho an'ny fanasitranana, ary amin'izay no tiako hivavahana ho an'ireo—ireo mosara sy ny sisa.

⁴ Ary ho an'ireo fangatahana manokana, i Billy no nanome azy ireo, ny tsirairay, ho ahy. Misy eo amin'ny telon-jato eo izany, ary izaho dia, vao avy nandao ny efitra teo. Hitanareo, nalaiko haingakaingana fotsiny izy ireo, ary ny tsirairay, arak'izay tratrako. Ary haka azy ireo fotsiny aho haingana arak'izay azoko atao. Tsy ho vitako ny haka azy rehetra ireo. Takariko fotsiny, tsy maintsy mahazo anankiray aho, ary manao hoe, “Tompo, *ity* anankiray ity ve, ary *ity* anankiray ity?” Tahaka an'izany fotsiny, satria izy ireo dia, ny tsirairay, zavatra ilaina, tena fangatahana; zavatra, tsy isalasalana, fa tokony ho resahantsika miaraka. Ary izaho. . . Raha tsy hoe, fantatrareo, indraindray dia mety miteny amin'ny anankiray izay vakiako ny Fanahy Masina, izany no mihazona ny

foko; miverina eo amin'izay indray aho, ary mikaroka mandra-pahitako an'ilay izy. Raha tsy izany, dia alaiko kisendrasendra fotsiny izy ireo.

⁵ Ankehitriny, tianay koa ny milaza, izao maraina izao, sy miarahaba an'ireo izay any amin'ny ampahany hafa eto amin'ny firenena. Tianay ny miarahaba an'ireo olona izao maraina izao amin'ny alàlan'ny fifandraisana an-telefona, any New York City; Beaumont, Texas; Prescott, Arizona; Tucson, Arizona; San Jose, California; Connecticut; Gainesville, Georgia; ary New Albany, Indiana; manerana ny firenena. Miarahaba anareo amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy izahay.

⁶ Izao maraina izao, any Indiana, dia maraina tena mahafinaritra anankiray. Nahazo orana izahay omy alina izay nampangatsiatsiaka ny toetr'andro. Ary izahay dia... Ary hipoka ny tabernakla, ary miandry ny olona rehetra, miaraka amin'ny fanantenana lehibe, ho an'ny leson'ny sekoly Alahady. Ary matoky aho fa ireo harena be indrindra an'ny fitahian'Andriamanitra no hitoetra eo aminareo any.

⁷ Ary manantena izahay, vantany vao azo atao, ny hanao ny—ny fomba anankiray izay hahafahantsika manana, izay hahafahantsika manangona antsika rehetra miaraka, angamba ao anaty trano lay lehibe, izay tena hahatsapako mazava ho voatarika hitory an'ireo Lovia Fito farany ao amin'ny Baiboly.

⁸ Koa ankehitriny, mba tsy haha-ela loatra antsika eo amin'ny lesona lehibe anankiray izao maraina izao... Nitady ny Tompo aho, nieritreritra hoe, "Inona no azoko ho lazaina?" amin'ny fahafantarana fa ity no mety ho fivoriantika farany izay hany hananantsika. Tena efa antomotra loatra ny Fihavian'ny Tompo!

⁹ Hitako, taorian'ilay toriteny natao tao California, fa misy ireo trano any, sy toerana, izay milentika eo amin'ny telopolo inches [Enina amby fitopolo sentimetatra] isan'ora, ireo hazobe mitresaka dia tapaka. Ary tsy fantatr'izy ireo hoe inona no mahatonga an'izany. Eo amin'ny farany isika. Trano an'hetsiny dolara, milentika. Manana matoan-dahatsoratra lehibe eo amin'ny gazety aho, sary, izay antenaiko fa ho entiko rahariva, satria te-hiresaka zavatra ny amin'izany aho rahariva.

¹⁰ Ary, avy eo, rahariva izahay dia hivavaka ho an'ny marary. Tongava anio tolak'andro, amin'ny dimy, amin'ny enina, na amin'ny firy ilay izy. Hanomboka aloha isika, heveriko, mba hahafahan'ny olona miala aloha, ary alaivo ny karatra fangataham-bavakareo. Ary hivavaka ho an'ny marary izahay rahariva, raha sitraky ny Tompo.

¹¹ Ankehitriny, rehefa feno vavaka ka nieritreritra hoe, "Inona no tsy maintsy hataoko?" amin'ny fahafantarana fa indray andro any dia tsy maintsy hamaly ny amin'izay

lazaiko eto aho... Ary nanapa-kevitra aho, na nahatsapa ho voatariky ny Fanahy Masina mba hiresaka izao maraina izao ny amin'ny faminaniana, karazana fampahafantarana antsika. Hitanareo? Izany dia zavatra anankiray izay isika... Raha tsy nampahafantarina isika, ka misy zavatra miseho kisendrasendra fotsiny, dia tokony ho fantatsika ny mikasika an'izany. Ny Fanahy Masina no nanome an'izany ho antsika, mba hampitandrina ny olona ny amin'izay ho avy. Fantatrareo, ny Baiboly no milaza, fa, "Tsy hanao na inona na inona Andriamanitra raha tsy mampiseho amin'ireo Mpanompony aloha Izy, dia ireo mpaminany." Ary—ary toy ny ahoana no nampitandreman'i Jesosy ny olona, hoe inona no hitranga; toy ny ahoana no nampitandreman'ireo mpaminany ny olona, fa hitranga izany. Ary anjarantsika ankehitriny, ao amin'ilay ora lehibe izay iainantsika, ny mahita hoe taona inona no iainantsika, ary inona no miseho, inona no hiseho ao amin'izao taona izao. Koa anankiray amin'ireo lohahevitra tsy mahazatra izay efa novakiantsika matetika angamba, tonga tato am-poko ny—ny hiresaka amin'ny olona ny mikasika an'izany izao maraina izao.

¹² Ankehitriny ndao isika hamadika ny Baibolintsika ao amin'ny Matio ny toko faha-24 ka hamaky ampahany iray amin'ny Teny. [Mampahazava ny feony Rahalahy Branham—Mpand.] Miala tsiny aho. Ho fomba iray mba—mba hahazoana tsoa-kevitra anankiray ho an'ny lahatenintsika sy lohahevitra.

¹³ Ankehitriny, tsarovy fa hampianatra an'ity tahaka ny fianarana Baiboly isika, miadana. Raiso ny pensilinareo sy ny taratasy. Manana Soratra betsaka voasoratra aho eto ambany eto, mba—mba hahafahanareo mandray azy ireo. Avy eo dia modia ka ianaro izy ireo, fa ity dia tahaka ny fianarana sekoly Alahady anankiray fotsiny, mba hahatonga antsika hahafantatra, sy nampitandremana ary voaomana ho an'ireo ora izay iainantsika.

¹⁴ Ao amin'ny Bokin'i Masindahy Matio. [Mampahazava ny feony Rahalahy Branham—Mpand.] Miala tsiny aho. Andininy faha-24... Na, toko faha-24, raha ny marina, manomboka amin'ny andininy faha-15, iriako ny hamaky ampahany iray amin'ny Teniny.

Koa rehefa hitanareo ny fahavetavetan'ny fandravana, izay nampilazaina an'i Daniela mpaminany, fa mitsangana eo amin'ny fitoerana masina, (izay mamaky, aoka izy hisaina:)

Dia aoka ireo izay any Jodia handositra ho any an-tendrombohitra:

Aoka izay ao an-tampon-trano—an-tampon-trano tsy hidina haka ny ao an-tranony:

Na aoka izay any an-tsaha tsy hiverina haka ny lambany.

Ary lozan'ireo manan'anaka, sy ireo mampinono amin'ireo andro ireo!

Fa mivavaha ianareo mba tsy ho amin'ny ririnina no handosiranareo, na amin'ny andro sabata:

Fa hisy fahoriana lehibe amin'izany, izay tsy mbola nisy toa azy hatrizay niandohan'izao tontolo izao ka mandraka ankehitriny, tsia, sady tsy hisy intsony.

Ary raha tsy efa nohahohezina izany andro izany, dia tsy nisy nofo hovorjena: fa noho ny olom-boafidy dia hohahohezina izany andro izany.

Koa raha misy olona hanao aminareo hoe, Indro, aty Kristy, na ary; aza mino an'izany.

Fa hisy ireo Kristy sandoka izay hitsangana, sy ireo mpaminany sandoka, ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana; noho izany, raha azo atao, dia hamitaka an'ireo tena olom-boafidy izy ireo.

Indro, efa Nolazaiko anareo izany taloha.

Ary amin'izany raha manao aminareo izy ireo hoe, Indro, any an-efitra izy; aza mankany: indro, ao amin'ny efi-trano miafina izy; aza mino an'izany.

Fa tahaka ny tselatra avy any atsinanana, ka mamiratra hatrany andrefana; dia ho tahaka an'izany koa ny fihavian'ny Zanak'olona.

Fa izay itoeran'ny faty, dia any no hiangonan'ny voromahery...

¹⁵ Ankehitriny, ho an'ny lohahevitra anankiray, dia tiako ny haka ny andininy faha-24, mba hanamafisana an'io andininy io ho an'ny leson'ny sekoly Alahadintsika izao maraina izao. Ary henoy tsara raha izaho kosa hamerina mamaky an'ity, indray.

Fa hisy ireo Kristy sandoka izay hitsangana, sy ireo mpaminany sandoka, ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana; noho izany, raha azo atao, dia hamitaka an'ireo tena olom-boafidy izy ireo.

¹⁶ Ankehitriny ho an'ny lohahevitra izao maraina izao, na lahateny, raha ny marina, dia tiako ny haka: *Ireo Voahosotra Amin'Ny Andro Farany*. Io no lohahevitra izay iriako ho resahana, na ny lahateny: *Ireo Voahosotra Amin'Ny Andro Farany*.

¹⁷ Mino aho fa miaina ao amin'ny andro farany isika. Heveriko fa saiky ny olona rehetra izay...Ny mpamaky ny Soratra, na dia ny—ny mpino aza, dia mahafantatra fa eo amin'ny fiafaran'ny tantaran'izao tontolo izao isika

ankehitriny. Tsy ilaina akory ny manoratra an'izany, satria tsy hisy olona hamaky an'izany. Eo amin'ny faran'ny andro izao. Rahoviana marina, tsy fantatro. Haharitra hafiriana marina izany, na dia ireo Anjelin'ny Lanitra aza tsy mahafantatra an'ilay minitra na ora. Fa isika dia nilazan'ny Tompo Jesosy, fa, rehefa manomboka miseho ireo zavatra izay hitantsika ankehitriny ireo, dia atraka ny lohantsika fa manakaiky ny fanavotana antsika. Ankehitriny, inona no dikan'ny hoe "manakaiky," tsy fantatro. Angamba midika...

¹⁸ Tahaka ny nolazain'ireo siantifika indray andro, tao amin'ny televiziona, niresaka an'ireo fitresahana lehibe an'arivony mailly eto ambonin'ny tany izay hilentika. Nametrahana fanontaniana izy hoe, "Mety hilentika ve any?" Los Angeles izany, ny Morontsiraka Andrefana. Ary maro aminareo no nahita hoe ahoana no nanarahan'izy ireo an'izany niaraka tamin'ny radara, ary niakatra nandalo... nitresaka tao ambanin'i San Jose, niampita hatrany Alaska, nandalo teo amin'ny Nosy Aleutian, eo amin'ny roanjato mailly no ao anatin'ny ranomasina, ary niverina indray tao San Diego, nandeha nanodidina tao ambadik'i Los Angeles, ary niakatra teo, paosy be anankiray.

Ary ireo horohoron-tany rehetra izay azontsika ireo dia avy amin'ny volokano izay midona amin'ilay lempona lalina lehibe, toy izany, ao anatin'ny ao. Tsy haiko ny miantso an'ilay anarana izay iantsoany—iantsoany an'ilay izy. Kanefa, rehefa manozongozona izany, dia izany no manome an'ireo horohoron-tany izay nananantsika nandritry ny taona maro any amin'ny Morontsiraka Andrefana ireo. Ankehitriny dia triatra ny manodidina rehetra. Ary ireo siantifika dia nilaza, anankiray...

¹⁹ Hoy ilay lehilahy tamin'ny anankiray hafa hoe, "Mety hilentika ve io?"

Hoy izy hoe, "Tsy hoe 'mety,' fa hilentika izany."

Hoy izy, "Fa tsy ao amin'ny taranaka misy antsika, angamba?"

Hoy izy, "Ao anatin'ny dimy minitra manaraka, na ny dimy taona manaraka. Tsy fantatsika hoe rahoviana marina."

²⁰ Tamin'ity herinandro ity, dia nalefa ho ahy ny matoan-dahatsoratra anankiray tao amin'ny gazety, ny amin'ireo trano lehibe an'hetsiny dolara izay vaky sy mitriatra, mifindra monina ny olona. Ary tsy hain'izy ireo hoe ahoana no hanakanana an'izany. Tsy misy fomba hanakanana an'izany. Hitanareo, Andriamanitra dia afaka manao izay Tiany hatao, ary tsy misy olona afaka hiteny Aminy hoe ahoana no fanaovana azy.

²¹ Manorina tranobe ianareo, afaka manao zavatra siantifika ianareo, ary Andriamanitra no Mpamorona ny siansa. Ahoana no hanakananareo Azy? Afaka mandrava ny tany Izy izao

maraina izao amin'ny alàlan'ny parasy raha Tiany izany. Mba fantatrareo ve, fa afaka miantso parasy hisy Izy, ary hisy efapolo maily ny hateviny ao anatin'ny antsasak'adiny, hitanareo, tsy misy...ka hihinana ny olona eto an-tany avy hatrany. Andriamanitra Izy. Manao fotsiny arak'izay Tiany Izy. Masi-mandidy Izy, ao amin'ny Tenany.

²² Ankehitriny, eo am-pahitana an'izao fanangonana porofo izao, ilay ora izay iainantsika ankehitriny, dia mieritreritra aho fa zavatra tsara anankiray ny mitantara an'ireo zavatra ireo sy manao sary azy ireo, hatramin'ny nisokafan'ireo Tombokase, ka mahita ny fahamarinan'ireo zavatra ireo, satria mahatoky loatra amintsika Andriamanitra, miaraka amin'ny Fahasoavany, mba haneho amintsika an'ireo zavatra ireo.

²³ Tiako ianareo hanamarika eto amin'ny Matio 24, Jesosy dia nampiasa ny teny hoe “ireo Kristy,” ireo K-r-i-s-t-y, “ireo Kristy.” Tsy hoe Kristy, fa “ireo Kristy,” maro, fa tsy tokana. “Ireo Kristy.” Noho izany, ny teny hoe *Kristy* dia midika “ilay Voahosotra.” Ary noho izany raha “voahosotra,” ilay izy dia tsy ho anankiray fotsiny ihany, fa maro, no ho voahosotra, “ireo voahosotra.” Hitanareo?

²⁴ Amin'ny fomba hafa, raha Tiany ny hamahavaha azy mba mety hahazoantsika azy tsaratsara kokoa, dia hilaza Izy hoe, “Amin'ny andro farany dia hitsangana ireo sandoka, voahosotra.” Ankehitriny, toa tahaka ny saiky tsy hety izany, hitanareo, ilay teny hoe “voahosotra.” Saingy mariho ireo teny manaraka avy hatrany, “sy ireo mpaminany sandoka,” ireo m-p-a-m-i-n-a-n-y, maro.

²⁵ Ankehitriny, *ilay voahosotra*, dia, “anankiray miaraka amin'ny hafatra iray.” Ary ny fomba tokana izay hahafahan'ilay hafatra ho azo entina dia amin'ny alàlan'ny anankiray izay *voahosotra*, ary izany dia ho mpaminany anankiray, voahosotra. “Hitsangana ireo mpampianatra sandoka, voahosotra.” Ny mpaminany anankiray dia mpampianatra hoe inona ilay hafany. Ireo mpampianatra voahosotra, saingy olona voahosotry ny fampianarana sandoka. Ireo voahosotra, “ireo Kristy,” maro; “ireo mpaminany,” maro. Ary raha misy zavatra anankiray toy ny—ny hoe Kristy, tokana, dia tsy maintsy hisy izany ny hoe “ireo voahosotra,” ka ny faminiana avy amin'izay ampianarin'izy ireo no fahasamihafana, satria voahosotra izy ireo, voahosotra.

²⁶ Ankehitriny, lesona sekoly Alahady ity, tiantsika ny—ny hiezaka hitondra an'izao ho tena fanehoana anankiray, amin'ny alàlan'ny Soratra, fa tsy amin'ny alàlan'izay ilazan'ny olon-kafa azy, fa eo am-pamakiana ny Soratra fotsiny.

Mety hilaza ianareo hoe, “Ahoana no hahamety an'izany? Ireo voahosotra ve dia ho...”

²⁷ Inona izy ireo tamin'izany? “Ireo Kristy,” ireo K-r-i-s-t-y, voahosotra. “Ireo Kristy, sy mpaminany sandoka.” Ireo voahosotra, saingy mpaminany sandoka!

Nilaza Jesosy, fa, “Ny ranonorana dia milatsaka amin'ny marina sy ny tsy marina.”

²⁸ Ankehitriny, mety hisy olona hiteny amiko hoe, “Mino ve ianao fa ilay fanosorana eo ambonin'ireo olona ireo dia midika fa fanosoran'ny Fanahy Masina izany?” Eny, tompoko, ilay Fanahy Masin'Andriamanitra tena izy eo ambonin'ny olona anankiray, kanefa dia mbola sandoka ihany izy ireo.

Ankehitriny henoy tsara ka jereo izay Nolazainy. “Ary haneho famantarana sy fahagagana izy ireo, noho izany dia hamitaka ny tena Olom-boafidy izany raha azo atao.” Ary izy ireo dia voahosotr'ilay Fanahy Masina tena izy. Fantatro fa toa tahaka ny tena fahadalana izany, saingy haka fotoana isika ka hanazava an'izany amin'ny alàlan'ny Teny, fa izany tanteraka tokoa ny HOY NY TOMPO HOE, ny Fahamarinana.

²⁹ Ankehitriny ndao isika hamadika ny Baibolintsika, iray minitra fotsiny, ao amin'ny Matio ny toko faha-5, ka manomboka eo amin'ny—ny andininy faha-45, dia hahita ankehitriny raha mamaky isika mandritry ny fotoana vitsy eo amin'ireo Soratra ireo. Ary avy eo, rehefa tonga eto isika, nahoana, hanome anareo izahay. . . Koa ianareo, raha diso ny famakiansika rehetra azy, dia raiso ny Baibolinareo amin'izay fotoana izay; ary—ary ianareo koa dia afaka mamaky azy ireo rehefa miala eto isika ka mandeha mody ianareo, ary—ary hamaky izay lazain'ny Baiboly mikasika an'izany ianareo.

³⁰ Ankehitriny mba hakàna ny fotoantsika, mba hahazoana ny—ny foto-javatra, satria hanao filazana anankiray aho eto izay mahavariana. Ahoana no ahafahan'ny Fanahy Masina manosotra mpampianatra sandoka anankiray? Fa izany no nolazain'i Jesosy fa hitranga.

Ankehitriny, Matio, ny toko faha-5, ny andininy faha-45, ndao isika hamaky ankehitriny. Ndao alaintsika, hanomboka eo—eo ambony kelin'io, ny faha-44.

Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe, Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'ireo izay manozona anareo, manaova soa ho an'ireo izay mankahala anareo, . . . mivavaha ho an'ireo izay manisy ratsy anareo, sy manenjika anareo;

Mba ho tonga zanaky ny Rainareo izay any an-danitra ianareo: fa izy no mampiposaka ny masoandro amin'ny ratsy fanahy sy . . . ny tsara fanahy, ary mandefa ny ranonorana amin'ny marina sy . . . ny tsy marina. (Ny ranonorana dia samy tonga eo amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy.)

³¹ Ankehitriny mba hanohizana an'izany, amin'ny faminiana hafa anankiray mifandraika amin'izany, aoka isika hamadika ao amin'ny Hebreo ny toko faha-6, ho an'ny tohin'ny andininy manaraka eo amin'izany, izay namerenan'i Paoly mba hitadidiana an'ilay zavatra mitovy izay nolazain'i Jesosy. Paoly, miteny ankehitriny. Raha eo am-pikarohana an'izany ianareo... Ary ianareo ao amin'ny onjam-peo, raiso ny Baibolinareo sy taratasy anankiray, ary jereo ity ankehitriny. Hebreo, ny toko faha-6, Paoly no manoratra ho an'ireo Hebreo, maneho amin'izy ireo ny aloka sy ny tandindona, mitondra azy ireo avy teo ambanin'ny Jodaisma mankao amin'ny Kristianisma, maneho amin'izy ireo fa ireo zavatra fahiny rehetra dia aloka mialoha an'ireo zavatra izay ho avy. Paoly no miteny ankehitriny, Hebreo 6.

Koa aoka hilaozantsika ireo abidim-pianarana ny amin'i Kristy (K-r-i-s-t-y, tokana), ndao isika handroso ho amin'ny fahatanterahana; tsy hanao fanorenana indray ny amin'ny fibebahana... asa maty, sy finoana an'Andriamanitra.

Ny...fampianarana ny amin'ireo batista, sy ny fametrahana-tanana, ary ny fitsanganan'ny maty, sy ny fitsarana mandrakizay.

Ary izany no hataontsika, raha avelan'Andriamanitra.

Fa tsy mety ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra, sy efa natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina,

Te-hitarika ny fifantohanareo iray minitra fotsiny aho. Efa voamarikareo ve, ilay izy dia “fanomezana”; fa tsy “ireo fanomezana,” mpandray anjara amin'ny “ireo fanomezana avy any an-danitra”? Fa, “ny fanomezana avy any an-danitra,” tokana; “Kristy,” tokana; “fanomezana,” tokana.

...fanomezana avy any an-danitra, sy...efa natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina,

Sady efa nanandrana avy amin'ny... tenin'Andriamanitra,...(nanandrana avy amin'ny inona?)...ny tenin'Andriamanitra, sy ny herin'ny fiainana ho avy,

Raha nihemotra izy ireo, ka manavao ny tenany indray ho amin'ny fibebahana; dia hita fa manombo amin'ny tenany ny Zanak'Andriamanitra indray, ary manao azy ho fahamenarana miharihary.

Fa, (henoy) ny tany...izay mifoka ranonorana milatsaka eo aminy, mba hitondra anana tsara ho an'ireo izay iasana azy, dia mahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra:

Fa izay maniry tsilo...songosongo dia lavina, sady akaikin'ny ozona; ka ny hiafarany dia ny hodorana.

³² Ankehitriny ampitahao amin'ny Matio 5:24 indray io. Mariho, Jesosy no nilaza fa ny ranonorana sy ny masoandro dia tonga eto an-tany, izay Andriamanitra no mandefa azy mba hikarakara ny sakafo sy ny sisa ho an'ny olona ambonin'ny tany. Ary ny ranonorana dia nalefa ho an'ny sakafo, ireo anana. Fa ireo tsimparifary, ahi-dratsy, izay eo amin'ny saha, dia nahazo ny zavatra mitovy amin'izany. Ilay ranonorana iray izay nampaniry an'ilay varimbazaha ihany no ranonorana izay nampaniry an'ilay ahi-dratsy.

³³ Toy ny ahoana no nahazoako an'izany lesona izany indray andro, rehefa nihaona volohany tamin'ireo olona Pentekotista aho! Ary lesona iray lehibe ho ahy izany. Nahita lehilahy anankiroa aho, ny anankiray...Tsy mbola nandre teny amin'ny fiteny tsy fantatra mihitsy aho taloha. Ny anankiray niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, ny anankiray hafa nandika an'ilay izy, nifamadika. Ary niteny ny fahamarinana izy, nilaza fa, "Misy maro eto no tokony hibebaka izao hariva izao. Misy vehivavy sy lehilahy, miaraka." Dia nitsangana ny olona ka nandeha teny amin'ny alitara.

Nieritreritra aho hoe, "Tena be voninahitra!"

³⁴ Ary tamin'izany niaraka tamin'ilay fanomezana kely avy tamin'ny Fanahy Masina, dia niresaka tamin'ireo lehilahy ireo aho, mba, fantatrareo hoe ahoana, amin'ny fanavahana, fomba kely ahitana fotsiny. Ary ny iray tamin'izy ireo dia Kristiana tena izy, ary tena mpanompon'i Kristy tokoa izy, fa ilay iray hafa dia mpihatsaravelatsihy anankiray. Ary ny iray tamin'izy ireo, ilay iray izay mpihatsaravelatsihy, dia niaina niaraka tamin'ny vehivavy mainty volo anankiray, mivoaka miaraka amin'ny mena volo anankiray sady nanan-janaka taminy. Eny, tena tao amin'ilay fahitana mihitsy izany teo; tsy azo nolavina. Ary niresaka taminy mikasika an'izany aho. Nijery ahy izy ary nandeha nanodidina an'ilay tranobe.

³⁵ Ankehitriny dia nisavoritaka aho, tena azo antoka. Nihevitra aho fa tonga teo amin'ny anjely, avy eo aho dia nanontany tena raha toa ka tsy teo anivon'ny devoly aho. Ahoana no haha-mety an'izany? Tsy nety azoko ilay izy. Ary tsy napetrako teo amin'izany intsony ny tanako nandritry ny taona maro, mandra-pahatongan'ny andro anankiray izay... .

George Smith, ilay zazalahy izay miaraka amin'ny zanako vavy, nandeha izahay omaly, tany amin'ilay toerana fitotoana tranainy izay andehanako mivavaka.

Ary rehefa avy tany izahay nandritry ny andro vitsivitsy, dia naverin'ny Fanahy Masina tamiko ity Soratra ity. "Fa ny ranonorana dia milatsaka matetika amin'ny tany mba hitondra anana, saingy ny tsilo sy ny songosongo kosa dia

mivelona amin'io ranonorana io ihany koa, ary ny hiafarany dia ny hodorana.” Mivelona amin'ilay loharano mpanome aina anankiray an'Andriamanitra. Tamin'izay dia azoko ilay izy. “Ny. . .” Hoy Jesosy hoe, “Ny voany no hahafantarana azy.”

³⁶ Ankehitriny, noho izany, ilay ranonorana izay milatsaka eo amin'ny zava-maniry ara-nofy an'ny tany, dia tandindon'ny ranonorana Ara-panahy izay manome ny Fiainana Mandrakizay, milatsaka eo amin'ny Fiangonana, fa isika dia miantso an'izany hoe ilay loha-orana sy fara-orana. Ary izany dia ranonorana anankiray, izay miraraka avy ao amin'ny Fanahin'Andriamanitra, ho eo amin'ny Fiangonany.

³⁷ Mariho, tena zavatra anankiray mahagaga izany eto. Hitanareo? Rehefa niditra tao anatin'ny tany ireo voa ireo, na ahoana na ahoana no nahatongavany tao, dia efa tsilo izy ireo tany am-piandohana. Fa teo ny varimbazaha izay niditra tao anatin'ny tany, sy ny anana, dia efa anana tany am-piandohana. Ary ny anana tsirairay namokatra ny tenany, teo indray, dia naneho fa izany no voalohany tany am-piandohana.

³⁸ “Ary hamitaka ny Voafidy izy ireo raha azo atao,” satria nahazo an'ilay orana iray ihany izy ireo, fitahiana iray ihany, maneho famantarana iray ihany, fahagagana iray ihany. Hitanareo? “Hamitaka izy ireo, na ho fitahiny ny Voafidy raha azo atao.” Ankehitriny, ny tsilo anankiray dia tsy mety afa-tsy ny ho tsilo, na ny varimbazaha dia tsy mety afa-tsy ny ho varimbazaha; izany no fanapahan-kevitry'ilay Mpamorona azy tsirairay avy tany am-piandohana. Izany ilay Voafidy. Ilay ranonorana iray ihany!

³⁹ Ny masoandro dia miposaka amin'ny maraina ary mandrakotra ny tany, tahaka an'izay ataony amin'izao tany sy andro izay iainantsika izao. Ary ny masoandro, masoandro iray ihany izay miposaka any Atsinanana no masoandro iray ihany izay milentika any Andrefana. Ary izany masoandro izany dia nalefa mba hanamasaka ny voa eto ambonin'ny tany, izay nanaovana ny vatantsika.

⁴⁰ Isika dia mivelona amin'ny zavatra maty. Izany ihany no fomba tokana hahafahanareo ho velona. Ary raha misy zavatra tsy maintsy maty isan'andro mba hahavelona anareo, ara-nofy, dia tsy marina ve raha ny. . .Ny vatanareo dia tsy maintsy mivelona amin'ny zavatra maty, ho an'ny fiainana ara-nofy, noho izany dia tsy maintsy manana Zavatra anankiray maty ianareo, ara-panahy, mba hamonjy ny fiainanareo ara-panahy. Ary Andriamanitra, dia lasa vaingana, nofo, ary maty mba hahafahantsika ho velona. Tsy misy fiangonana, na zavatra hafa eto amin'izao tontolo izao afaka mamonjy anareo afa-tsy Andriamanitra. Izany ihany no zavatra tokana izay hiveloman'izy ireo.

⁴¹ Ankehitriny araho ny Soratra. Jesosy no Teny. “Tamin’ny voalohany ny Teny. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika. Tamin’ny voalohany ny Teny, ary ny Teny dia tao amin’Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo, dia Izay velona, nonina teo anivontsika.” “Ary tsy ny mofo ihany no hiveloman’ny olona,” ho an’ny ara-batana, “fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan’Andriamanitra.” Noho izany, hitanareo, mivelona amin’ny Teny isika, ary Andriamanitra izany.

⁴² Ankehitriny tonga ny masoandro ka manamasaka ny voa. Ankehitriny, tsy afaka manamasaka an’izany eo no ho eo izy. Arakarakana ny hanohizany, miha-masaka, tonga masaka hatrany izy mandra-pahatongany ho salohy feno anankiray.

Dia toy izany koa, amin’izao andro izao, ny Fiangonana. Nanomboka teo amin’ny fahazazany izy, tany amin’ny taonan’ny fahamaizinana, tamin’izy tao ambanin’ny tany. Mitombo ao amin’ny fahamasahana izy ankehitriny. Ary hitantsika izany, tanteraka mihitsy, hoe ahoana ilay Andriamanitra fa amin’ny alàlan’ny natiora foana . . .

⁴³ Tsy afaka manakorontana ny natiora ianareo. Izany no olana amin’izao andro izao. Mandefa baomba isika, ary any amin’ny ranomasimbe any, dia manapotika an’izany sy manapoaka an’izany amin’ny baomba atomika. Manapotika misimisy kokoa an’ily tany hatrany foana ianareo, eo am-pandatsahana an’izany. Manapaka ny hazo ianareo; dia ho azon’ny varatra ianareo. Asio toho-drano ny renirano; fa ho tondraka izy.

Tokony hahita ny fomban’Andriamanitra amin’ny fanaovan-javatra ianareo ka mijanona amin’izany. Anaovantsika anaram-piangonana ny olona ao amin’ny fiangonana sy rafi-pandaminana; jereo hoe inona no azontsika! Mijanona eo amin’ny fomba efa nomanin’Andriamanitra ho an’izany.

⁴⁴ Fa, hitanareo, “Mandefa ny ranonorana Izy,” miverina eo amin’ny lohahevitsika, “amin’ny marina sy ny tsy marina.” Miteny aminareo Jesosy eto ankehitriny, ao amin’ny Matio 24, fa izany no famantarana anankiray amin’ny andro farany.

Ankehitriny, raha amin’ny andro farany ihany vao ho fantatra io famantarana io, dia tsy maintsy ho aorian’ny fanokafana an’ireo Tombokase izany. Hitanareo? Izany no famantarana ny andro farany. Izany dia ho, rehefa miseho ireo zavatra ireo, izany dia ho amin’ny andro farany. Ary ho famantarana anankiray izany, ankehitriny, mba tsy hampikorontana ny Voafidy amin’ireo zavatra ireo. Hitanareo ve izany? Koa, tsy maintsy ho voambara izany, hiharihary.

⁴⁵ Mariho, ny vary sy ny ahi-dratsy dia mivelona amin’ily Hosotra iray ihany avy any An-danitra. Izy roa ireo dia mifaly amin’izany.

Tsaroako izany, miverina amin'izay niseho indray mandeha tamin'izany andro izany tany Green's Mill. Izaho—izaho dia nahita an'ilay fahitana tonga. Ary nisy tany iray lehibe, ary voaasa izy rehetra. Ary indro nandroso ny Mpamafy anankiray, voalohany. Tiako aseho eto anatrehanareo izany. Jereo izay nivoaka voalohany, avy eo dia izay nanaraka azy. Ary rehefa nandroso ity Lehilahy miakanjo fotsy ity nanodidina an'ilay tany, namafy voa, dia tonga Taoriany ny lehilahy anankiray, miakanjo mainty, tahaka ny tena nisokosoko, nitsofoka moramora Taoriany, namafy ahi-dratsy. Ary rehefa avy niseho izany, dia hitako nitsiry ireo voa anankiroa ireo. Ary rehefa nitsiry izy ireo, ny anankiray dia vary ary ilay anankiray hafa dia ahi-dratsy.

Ary indro tonga ny hain-tany anankiray, tamin'izany, tahaka ny hoe, samy nanondrika ny lohany izy roa niantsoantso ranonorana. Avy eo dia tonga teo ambonin'ilay tany ny rahona lehibe anankiray, dia avy ny orana. Dia nitsangana ilay vary ka nanao hoe, “Deraina ny Tompo! Deraina ny Tompo!” Ary nitsangana ireo ahi-dratsy ka nihorakoraka hoe, “Deraina ny Tompo! Deraina ny Tompo!” Valiny mitovy. Samy teo an-dàlam-pahafatesana izy roa, samy ho faty izy roa. Ary dia nivoaka ny vary ka nangetaheta. Ary satria teo amin'ilay saha iray ihany izany, ilay zaridaina iray ihany, ilay toerana iray ihany, ilay fantsona iray ihany, dia indro nivoaka ny vary ary indro nivoaka ny tsimparifary avy tamin'ny alàlan'ilay tena zavatra anankiray ihany. Mariho, ilay hosotry ny rano iray ihany no nampitsiry an'ilay vary, nampitsiry an'ilay ahi-dratsy.

⁴⁶ Ilay Fanahy Masina iray ihany izay manosotra ny Fiangonana, izay manome azy ireo ny faniriana hamonjy fanahy, izay manome azy ireo ny hery hanao fahagagana, dia Izany no milatsaka eo amin'ny tsy marina mitovy amin'ny eo amin'ny marina. Ilay tena Fanahy iray ihany! Ankehitriny, tsy vitanareo ny hanao an'izany ho fomba hafa ka hahazo ny Matio 24:24. Hoy Izy hoe, “Hisy ireo Kristy sandoka hitsangana,” sandoka, voahosotra. Voahosotr'ilay Zavatra tena izy, saingy mpaminany sandoka an'Izany, mpampianatra sandoka an'Izany.

Inona no hitiavan'ny olona anankiray ny ho mpampianatra sandoka ny zavatra anankiray izay Fahamarinana? Ankehitriny ho tonga eo amin'ny mariky ny bibi-dia isika afaka minitra vitsy, ary ho hitanareo fa anaram-piangonana izany. Hitanareo? Mpampianatra sandoka; sandoka, voahosotra. Ireo Kristy voahosotra, saingy mpampianatra sandoka. Izany ihany no fomba tokana hahitanareo azy.

⁴⁷ Tahaka ny teto fotoana vitsy lasa izay, efa nolazaiko izany. Azoko lazaina izany satria mifandray manerana ny firenena

isika. Indray andro dia niresaka tamin'ny sakaizako anankiray aho, izay miditra mihitsy izany amin'izao maraina izao, any Arizona. Ary izy dia nanana to—toeram-pambolena voankazo anankiray. Ary nanana hazo anankiray izy tany dia hazo voasary izay nitondra pampilemosy, sy voasary makirana, mandarina, voasary ala. Ary adinoko hoe firy ireo karazana voankazo samihafa izay teo amin'io hazo anankiray io. Ary hoy aho tamin'ilay—ilay—ilay lehilahy, hoy aho hoe, “Ahoana izao? Karazana hazo inona ity?”

Hoy izy hoe, “Ilay hazo, ny tenany, dia hazo voasary.”

Hoy aho hoe, “Ahoana izy no manana pampelimosy eo aminy? Nahoana izy no manana voasary makirana eo aminy?”

Hoy izy hoe, “Natao grefy teo aminy izy ireo.”

Hoy aho hoe, “Hitako. Eny, ankehitriny,” hoy aho hoe, “ankehitriny, amin'ny taona ho avy rehefa hitondra karazam-boankazo hafa io hazo io,” fa izy rehetra dia saiky masaka amin'ny fotoana iray ihany, hoy aho hoe, “amin'izay fotoana izay dia hamokatra voasary izy rehetra. Raha tena karazana hazo voasary anankiray io, dia hamokatra tena karazana voasary, sa tsy izany, tompoko?”

Hoy izy hoe, “Tsia, tompoko. Ny sampany rehetra natao grefy dia hamokatra ny karazany avy.”

Hoy aho hoe, “Ny tianao ho lazaina ve dia hoe io tahom-boasary makirana io dia hamokatra voasary makirana avy ao amin'io hazo voasary io?”

Hoy izy hoe, “Eny, tompoko.”

“Ny pampelimosy ve hamokatra pampelimosy avy ao amin'io hazo voasary io?”

Hoy izy hoe, “Eny, tompoko. Izany no natioran'ilay taho izay natao grefy teo aminy.”

Hoy aho hoe, “Deraina Andriamanitra!”

Hoy izy hoe, “Inona no tianao ho lazaina?”

Hoy aho hoe, “Fanontaniana anankiray farany. Ankehitriny, mbola hamokatra voasary ihany indray ve io hazo voasary io?”

Hoy izy hoe, “Rehefa mamoaaka sampany anankiray hafa izy.” Rehefa mamoaaka sampany anankiray hafa izy, tsy hoe rehefa misy anankiray atao grefy aminy. Fa, izy rehetra ireo dia voam-boasary avokoa, ary miaina avy amin'ny aim-boasary izay ao anatin'ilay hazom-boasary.

⁴⁸ Hoy aho hoe, “Eo ianareo izao! Ny Metodista dia hamokatra Metodista, isan'andro. Ny Batista dia hamokatra Batista, isan'andro. Ny Katolika dia hamokatra Katolika, isan'andro. Fa ny Fiangonan'Andriamanitra velona kosa

dia hamokatra an'i Kristy hatrany amin'ny fotony, ny Teny isan'andro, raha mbola hamoaka taho anankiray hafa izy avy ao amin'ny Azy manokana.”

⁴⁹ Ankehitriny, afaka manao grefy eo amin'izany ianareo, hitanareo. Ny pampilemosy rehetra, voasary makirana, voasary ala, mandarina, na voam-boasary inona na inona izy ireo, ny tsirairay amin'izy ireo dia afaka mivelona ao amin'io hazo io; saingy mitondra filazana sandoka an'ilay hazo, mivelona amin'ilay hazo. Hitanareo ve izany? Izy ireo dia mivelona sy miroborobo eo amin'ilay aina tena izy izay ao amin'ilay hazo.

Ankehitriny, eto amin'ny Matio 24:24, miaina amin'ilay Aina iray ihany, saingy tsy marina izy ireo, tany am-piandohana. Mitondra filazana sandoka an'ilay Hazo izy ireo! Hazo voasary anankiray io, kanefa dia hazom-boasary. Ary hoy izy ireo hoe, “Ity fiangonana ity, ity anaram-piangonana ity no mijoro vavolombelon'i Kristy,” nefa manao batisa sandoka, filazana sandoka ny Teny, miezaka milaza fa ny herin'Andriamanitra dia ho an'ireo mpianatra irery ihany.

Jesosy, Tenany, dia nanao hoe, “Mandehana any amin'izao tontolo izao ka mitoria ny Filazantsara amin'ny sampany rehetra izay mbola . . . hazo izay mbola hamokatra, ny sampany rehetra izay ho eo amin'ny hazo. Ary izao famantarana izao no hanaraka ny sampany tena izy.” Aiza? Raha mbola Hazo foana izany, raha mbola mamoka sampany foana Izany, hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao. “Handroaka devoly amin'ny Anarako izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao; handray menarana; hisotro zava-mahafaty; hametraka ny tãany amin'ny marary dia ho sitrana izy ireo.” Hitanareo ve ilay ora izay iainantsika? Hitanareo ve izy nolazain'i Jesosy?

⁵⁰ Tsarovy, tamin'ny andro farany izany, fa tsy teo amin'ny Wesley sy ny tany aoriana tany. Ankehitriny, amin'ny andro farany, no tsy maintsy hitranga izany.

Ankehitriny diniho ny Soratra; avelao Izy no hanambara. Hoy Jesosy hoe, “Tadiavo ny Soratra, fa ao Aminy no heverinareo, na inoanareo, fa hanananareo ny Fiainana Mandrakizay, ary Izy no hany Tokana izay manambara Ahy.” Amin'ny teny hafa, dia hoe raha mbola hamokatra sampany anankiray ihany io hazo io . . . “Izaho no Voaloboka, ilay Hazo; ianareo no sampany. Izay mino Ahy, dia ny asa izay Ataoko no hataony koa,” Masindahy Jaona 14:12.

⁵¹ Ankehitriny, “Izay mitoetra ao Amiko, izay . . . izy ilay tao amin'ny Fototra tany am-piandohana.”

Izany no antony nahatonga an'i Jesosy sady Fototra no Taranak'i Davida. Talohan'i Davida Izy, tao amin'i Davida, ary aorian'i Davida, sady Fototra no Taranak'i

Davidana; ilay Kintan'ny Maraina, ilay Raozin'i Sarena, ilay Lisin'ny Lohasaha, Alfa sy Omega; Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. "Ao Aminy no itoeran'ny fahafenoan'ny vatan'ny Maha-Andriamanitra." Sady Fototra no Taranak'i Davida!

"Izay Aina voafidy, ilay Aina voafidy mialoha, izay ao Amiko," ary Izy no Teny, "hatrany am-piandohana; rehefa tonga izy, dia izy no hitondra ny Voako." Masindahy Jaona 14:12.

Saingy ny sasany dia hivelona amin'ilay zavatra iray ihany, miantso ny tenany ho Kristiana sy mpino. "Tsy izay rehetra manao hoe, 'Tampo, Tampo,' no hiditra."

Ankehitriny, izao no tsy maintsy hitranga sy ho voaseho amin'ny andro farany, "rehefa hifarana ireo zava-miafin'Andriamanitra," arak'izay ho hitantsika afaka kelikely.

⁵² Ireo hazo ireo, ilay tena voaloboka sy voaloboka sandoka! Efa nandre ahy nitory an'izany ianareo hatry ny ela, taona maro lasa izay, hoe ahoana no niarahan'izy ireo nitombo. Nentiko teo amin'ny isam-batan'olona izy ireo ka nasehoko izany, avy teo amin'i Kaina sy Abela, ireo voaloboka anankiroa izay nihaona teo amin'ny alitara iray; izy roa samy mpivavaka, izy roa samy voahosotra, izy roa samy naniry fiainana, ary nanompo an'ilay Andriamanitra iray ihany. Ary ny iray nolavina fa ny iray hafa noraisina.

Ary ny fomba tokana izay nanao ny fahasamihafana teo amin'ilay anankiray izay voaray sy ny rahalahiny, dia voambara tamin'ny ilay izy. Satria hoy ny Baiboly hoe, "Tamin'ny finoana..." Hebreo, toko faha-11, "Tamin'ny finoana no nanateran'i Abela ho an'Andriamanitra ny fanatitra tsara lavitra noho ilay avy tamin'i Kaina, ka nanambaran'Andriamanitra fa marina izy."

Jesosa, nilaza, ny fanambarana ara-panahy ny amin'ny hoe Iza Izy! "Ataon'ny olona ho iza moa Aho ilay Zanak'olona?"

Hoy izy, hoy i Petera hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona."

"Sambatra ianao, Simona—Simona, zanak'i Jonasy; tsy ny nofo aman-drà mihitsy no naneho an'izany tamin'ny. Ny Raiko izay any An-danitra no naneho an'izany. Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako ny Fiangonako," (inona?) ny fanambarana mariny Teny. Io indray ilay tena Voaloboka. "Abela, tamin'ny finoana!"

Hoy ianareo hoe, "Tsy fanambarana izany."

⁵³ Inona ny finoana? Ny finoana dia zavatra anankiray izay voambara tamin'ny ireo; izay mbola tsy misy, saingy inoanareo fa hisy izany. Ny finoana dia fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra. Noho izany, amin'ny fanambarana!

54 Ary ny fiangonana amin'izao fotoana izao dia tsy mino ny fanambarana ara-panahy akory aza. Mino ny fampianarana dogmatika avy amin'ny rafitra anankiray izy ireo. “Tamin'ny fanambarana no nanateran'i Abela ho an'Andriamanitra ny fanatitra tsara lavitra noho ilay avy tamin'i Kaina, ka nanambaran'Andriamanitra fa marina izy.” Amena. Antenaiko fa hitanareo izany. Hitanareo ve hoe aiza isika no miaina? Hitanareo ve ilay ora?

Niresaka tamin'ny—ny lehilahy mihaja iray aho vao tsy ela akory izay, Kristiana mahay anankiray sady lehilahy mihaja. Hoy izy hoe, “Atoa. Branham, mandà ny fanambarana rehetra izahay.”

55 Hoy aho hoe, “Noho izany dia mandà an'i Jesosy Kristy ianareo, satria Izy no fanambaran'Andriamanitra, Andriamanitra voambara tao amin'ny nofon'olombelona.” Raha tsy hitanareo izany, dia very ianareo.

Hoy Jesosy hoe, “Raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty ao amin'ny fahotanareo ianareo.” Izy no fanambaran'Andriamanitra, ilay Fanahin'Andriamanitra voambara tao amin'ny endrika olombelona. Raha tsy afaka mino an'izany ianareo, dia very ianareo. Raha manao Azy ho olona fahatelo ianareo, olona faharoa, na olona hafa anankiray ankoatran'Andriamanitra, dia very ianareo. “Raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty ao amin'ny fahotanareo ianareo.” Fanambarana iray!

56 Tsy mahagaga raha tsy afaka nahita Azy izy ireo. “Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy notarihan'ny Raiko izy. Ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy,” tao amin'ireo fototra, “no hanatona Ahy.” Hitanareo? Azonareo ve ilay izy? Oh, toy ny ahoana no tokony hitiavantsika Azy, hanompo Azy, hidera Azy; hahita an'ireo vokatry ny Fanahy amin'ny andro farany, sy ilay Hazo Ampakarina miha-masaka any amin'ny tampon'ny fotoana!

57 Ilay tena voaloboka sy ilay voaloboka sandoka, izy roa dia nahazo an'ilay hosotra iray ihany. Ny rano dia nirotsaka teo amin'izy roa ireo. Tsy mahagaga raha nampitandrina antsika Izy hoe, “Hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo atao.”

58 Mariho, mitovy izy ireo. Nitovy ny nanosorana azy ireo. Saingy mariho, “Ny voany...” Ahoana no hahafantaranareo azy?

Ahoana no hahafantaranareo fa tsy voasary io? Satria mitondra pampilemosy anankiray izy. Ilay taho dia tena tsara, mivelona amin'ilay hazo izy, saingy mitondra pampilemosy izy. Tsy mitovy amin'ilay tamin'ny voalohany izy.

Ary raha ny fiangonana no milaza fa izy ireo dia “mino an'i Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay,”

nefa mandà ny Heriny, mandà ny Asany, mandà ny Teniny; raha—raha...Ny Fiangonana izay mino an'i Jesosy Kristy, dia hanao ny asan'i Jesosy Kristy, hanana ny Ain'i Jesosy Kristy izy. Fa raha tsy izany izy, tsy maninona na miraraka ao aminy aza ilay Aina; raha tsy voafidy mialoha izy, avy tao amin'ireo fototra, dia hitondra pampilemosy isan'andro izy, na zavatra samihafa. Fa raha Fiainana voafidy mialoha izany, ao amin'ireo fototra, dia hitondra Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay izany, raha ilay Teny miakatra avy ao amin'ilay Fototra izany. Fa, Izy no Fototra, ilay fiandohan'ny fotoana.

⁵⁹ Mariho, fa izay vokarin'izy ireo no milaza aminareo an'ilay fahasamihafana. “Ny voany,” hoy Jesosy, “no hahafantaranareo azy.” “Ny olona tsy mioty voaloboka avy eo amin'ny songosongo,” na dia tena ao anatin'ilay songosongo aza ny voaloboka. Mety azo atao izany, saingy ny voany no hilaza azy.

Inona ilay voa? Ny Teny, ho voa ho an'ny vanim-potoana. Izany ilay izy, ireo fampianarany. Ny fampianaran'ny inona? Ny fampianaran'ny vanim-potoana, hoe amin'ny firy izao. Foto-pampianaran'olona, foto-pampianaran'ny anaram-piangonana ve, saingy, sa Tenin'Andriamanitra ho an'ny vanim-potoana?

Ankehitriny, mandeha haingana mihitsy ny fotoana, mba hahafahantsika mijanona ela eo amin'izany. Saingy azoko antoka fa ianareo tonga eto ireo, ary azoko antoka fa ianareo izay manerana ny firenena, dia afaka mahita izay ezahako resahana aminareo, fa tsy afaka mijanona ela be eo amin'izany intsony isika.

⁶⁰ Fa afaka mahita ianareo fa tonga eo amin'ny tsy marina ilay Hosotra, ireo mpampianatra sandoka, ary mahatonga azy ireo hanao tanteraka izay nolazain'Andriamanitra fa tsy hatao; saingy hataony izany, na izany aza. Nahoana? Tsy mahasakana an'izany izy ireo. Ahoana no hahafahan'ny songosongo anankiray ho zavatra hafa ankoatry ny songosongo? Tsy mampaninona na firy na firy ny ranonorana nafafy teo aminy, tsy maintsy ho songosongo izy. Izany no antony nilazan'i Jesosy hoe, “Tena hifanakaiky izy ireo ka hamitaka an'ireo tena Voafidy,” izay ao amin'ireo fototra, “raha azo atao,” saingy tsy azo atao izany. Ny vary dia tsy afaka manao na inona na inona afa-tsy ny mitondra vary; izay ihany no azony entina.

⁶¹ Mariho. Tsarovy, fa tsy mpanao rafi-pandaminana Andriamanitra. Ny devoly no mpanao rafi-pandaminana. Efa noporofoko tamin'ny alàlan'ny Teny izany, im-betsaka, ary matetika dia matetika; tsy mila miditra amin'izany isika izao maraina izao. Fantatsika fa Andriamanitra

dia tsy nandamindamina olona miaraka tahaka an'izany mihitsy, nanao rafi-pandaminana anankiray. An-jato taonany taorian'ny nahafatesan'ny mpianatra farany, no nananan'izy ireo ny rafi-pandaminana voalohany. Naneho tsy fahombiazana foana izany. Raha tsy izany, nahoana isika no tsy miaraka ao anatin'ny fitiavana amin'izao fotoana izao, Metodista, Batista, Presbyterana, Katolika sy ny rehetra? Nahoana no tsy misy asan'Andriamanitra manaraka antsika, amin'izany, ny fiangonana rehetra ao amin'ny zavatra iray ihany, ny Teny? Ireo zavatra izay mampisaraka ny olona ireo, ny mpirahalahy... Miha-lavitra an'Andriamanitra kokoa isika noho izay naha-izy antsika hatramin'izay, ireo fiangonana, no resahiko.

⁶² Ankehitriny, nolazaina tamintsika, fa, “Ireo zavatra fahiny rehetra dia niseho ho ohatra, ho fampianarana antsika, fandresen-dahatra, fananarana.” Izany hoe, ireo zavatra fahiny rehetra ao amin'ny Testamenta Taloha dia niseho, nanaloka mialoha, mba hahitana hoe ho inona izany ao amin'ny Testamenta Vaovao, amin'ny androntsika.

Tena tahaka ny hoe mbola tsy nahita ny tãnanareo mihitsy ianareo, ary miandrindra ianareo ka mahita aloka anankiray eo amin'ny rindrina, tahaka ny tãnako avy eo amin'ny hazavana, raha manana rantsana dimy izy eto amin'ny aloka, izay ny porofon-tsary; ary ampanatoninareo ny tãnanareo, dia ilay tena izy, manatona an'ilay—manatona an'ilay porofon-tsary, dia tsy maintsy ho rantsana dimy izany.

Araka ny nolazain'ny Baiboly tamintsika, fa, “Ny Testamenta Taloha izay aloka anankiray, tandindon'ny zavatra vaovao, na ireo zavatra izay tsy maintsy ho tonga; tsy ilay tena zavatra izany, fa aloka anankiray izany, tandindona anankiray an'ireo zavatra izay tsy maintsy ho tonga.”

⁶³ Ndao isika hiverina ka hahita raha efa mba tao amin'ny taona anankiray izany zavatra izany. Sitrakareo ve? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Koa dia ho fantatsika, hanaporofa an'izany, im-betsaka, amin'ny alàlan'ny Teny; tsy amin'ny alàlan'ny hevitr'olona anankiray, foto-kevitra anankiray.

Tsy ahoako na iza izy na iza; na olon-kafa iza, ny tenako na olona hafa anankiray, “Raha miteny tsy araka ny lalàna sy ny mpaminany izy, dia tsy misy Hazavana ao aminy.” Hitanareo? Izany no nolazain'ny Baiboly. “Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho marina,” tsy misy fiheverana hoe iza izy.

⁶⁴ Ankehitriny ndao isika hiverina ka hahita raha efa mba niseho izany, haneho antsika ohatra anankiray.

Afaka miverina isika ankehitriny ao amin'ny Bokin'ny Eksodosy ka hiresaka toetra anankiray antsoina hoe

Mosesy, izay mpaminany voahosotra anankiray nirahina avy tamin'Andriamanitra, niaraka tamin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny taranany. Satria dia mandeha amin'ny fitohizany foana ny Tenin'Andriamanitra, dia hoy Izy hoe, “Tsy manao na inona na inona Izy raha tsy manambara an'Izany amin'ireo Mpaminaniny aloha.” Avy eo vao Ataony izany. Ah-hah.

Ankehitriny, tsy afaka mandainga Izy. Tsy afaka mandainga Izy no sady ho Andriamanitra. Tsia, tompoko. Tsy maintsy mitoetra ho marina Izy. Tsy misy lainga ao Aminy. Izy dia . . .

Ary tsy afaka manova an'Izany Izy. Raha manova Izy, dia tsy Andriamanitra Izy izany; nanao fahadisoana Izy. Tsy maintsy ho tsy manam-pahataperana Izy. Ary ny tsy manam-pahataperana dia tsy afaka manao fahadisoana. Hitanareo? Koa izay hany lazain'Andriamanitra, dia tena Mandrakizay mihitsy. Hitanareo? Ary Izy no nampanantena an'izany. Koa, diniho, tsy misy na aiza na aiza ao amin'ny Baiboly fihatahan'ny fitohizan'izany mihitsy.

⁶⁵ Ankehitriny, Andriamanitra dia nampanantena an'i Abrahama fa ny taranany dia ho vahiny ao amin'ny—ao amin'ny firenen-kafa mandritry ny efajato taona, avy eo Izy dia hitondra azy hivoaka amin'ny tàmana lehiben'ny tanjaka sy hery, haneho aminy ny Famantarany sy fahagagany eo anivon'ny olona izay iarahany mitoetra. Niha-nanakaiky ilay fotoan'ny teny fikasana. Adinon'ny olona ny momba an'ily izy. Nanana an'ireo Fariseo sy Sadoseo izy ireo, sy ny sisa, anaram-piangonana. Saingy, tampotampoka teo, tonga irery Andriamanitra ka nisintaka, tany ivelany, lavitra an'izy rehetra ireo.

Andriamanitra tsy mbola, na tamin'ny andro inona na tamin'ny fotoana inona, niantso mpaminany anankiray mihitsy avy tao amin'ny anaram-piangonana iray. Tsia, tompoko. Miolakolaka loatra izy, tsy ho vitany izany; tsy maintsy hijanona miaraka amin'io anaram-piangonana io izy.

⁶⁶ Mosesy, lehilahy iray nirahina avy tamin'Andriamanitra, niaraka tamin'ny Tenin'Andriamanitra, ary tamin'ny diany dia nampiditra an'Isiraely tao amin'ily tany nampanantenaina, sarotiny tamin'ny didin'Andriamanitra, nihaona tamin'ny mpaminany hafa anankiray izy, voahosotra hafa anankiray izay nanana ny hosotra tena izy avy amin'ily Fanahy Masina iray ihany izay teo amin'i Mosesy. Marina izany. Mpaminany anankiray izy. Teo amin'io lehilahy io ilay Fanahy Masina. Ny anarany dia Balama. Isika rehetra dia mahalala azy tsara. Eny, ireo tena zavatra, mitovy, ireo zavatra—ireo zavatra izay nolazain'ily lehilahy, dia mbola miseho foana, efa ho valonjato sy roa arivo taona lasa izao. “Tahaka ny ombimanga

iray ianao, O ry Isiraely. Izay mitahy anao dia ho tahiana. Izay manozona anao dia ho voaozona. Ny herinao, sy ny tanjakao, endrey ny hatsaran'ny lainao, O ry Jakoba!” Hitanareo, tsy afaka nanakana ny tenany izy. Tonga teo izy nikasa tao am-pony mba hanozona an'ilay vahoaka.

⁶⁷ Oh, ianareo mpampianatra sandoka ireo izay nihaino an'ireo horonam-peo ireo nandritr'ireo taona rehetra ireo, sy nahita an'Andriamanitra nanamarina tanteraka izay Nolazainy, ary dia mipetraka ao amin'ny biraonareo ianareo ka mahafantatra fa izany no Fahamarinana; nefa noho ireo fahasamihafana ara-anaram-piangonanareo, dia lavinareo izy ireny ka teneninareo ny olonareo fa tsy tahaka an'izany ireo. Lozanareo! Efa antomotra ny andronareo.

⁶⁸ Balama, voahosotr'ilay Fanahy iray ihany izay teo amin'i Mosesy. Inona ilay fahasamihafana? Ny fampianaran'i Mosesy dia tanteraka. Nilaza ny Baiboly eto amin'ny Petera Faharoa, fa izany dia “ny fampianaran'i Balama” no noraisin'Isiraely, izay tsy navelan'Andriamanitra mihitsy. Fahotana tsy voavela! Tsy nisy na dia ny anankiray tamin'izy ireo aza voavonjy, na dia nivoaka avy teo ambanin'ny tso-dranon'Andriamanitra aza izy ireo, ka nahita ny tanaan'Andriamanitra niasa teo amin'io mpaminany mahery io, ary nahita an'izany voamarin'Andriamanitra tanteraka tokoa. Ary, satria, niditra ny mpaminany anankiray hafa niaraka tamin'ny fampianarana iray, nifanohitra, ka nifanditra tamin'i Mosesy, ary niezaka nanaporofa tamin'ny olona fa diso i Mosesy. Ary Datana, Kora, sy ny maro tamin'izy ireo, dia nifanaraka taminy ka nampianatra ny zanak'Isiraely hijangajanga, hanaraka ny rafi-pandaminany, hoe, “Iray ihany isika rehetra.”

“Na Metodista isika, Batista, Presbyterana, na Pentekotista, na inona koa, dia iray ihany isika rehetra.”

⁶⁹ Tsy iray ihany isika! Olona voasaraka anankiray ianareo, masina ho an'ny Tompo, voatokana ho an'ny Teny sy ny Fanahin'Andriamanitra, mba hitondra ny voan'ny Fampanantenany an'izao andro farany izao. Tsy anisan'izy ireo ianareo! Fantatro fa tena mahery loatra izany, saingy izany no Fahamarinana tsy miova mihitsy. Voatokana ho an'ny asa anankiray ao amin'izao andro farany izao! “Mivoaha eo anivon'izany.”

⁷⁰ Ankehitriny, “ny fampianaran'i Balama,” tsy hoe ny faminanian'i Balama. Tsara daholo izany. Andriamanitra izany. Firy no mino an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Ny faminanian'i Balama dia marina tanteraka tokoa, satria tsy afaka niteny zavatra hafa izy. Ny hosotr'Andriamanitra dia tsy hiteny zavatra hafa, ary Andriamanitra no manamarina an'izany amin'ny alàlan'ny fanaporofaana fa izany no Fahamarinana. Fa ilay izy dia “ny fampianaran'i Balama.”

⁷¹ Ankehitriny dia ampitahao amin'ny Matio 24:24 izany. Ireo voahosotra, saingy ny fampianaran'izy ireo no sandoka. Ireo trinite, sy ireo zavatra rehetra tahaka an'izany; diso, antikristy!

Antenaiko fa tsy haratra ny fihetsem-ponareo. Ary aza tapahina izany, ireo telefona ireo. Ary aza mitsangana ka mivoaka. Mipetraha tsara fotsiny, ary aoka isika hahita raha tsy ny Fanahy Masina no manambara an'izany amintsika, sy manaporofa an'izany amintsika. Hoy ianareo hoe, "Saingy izany..." Na inona na inona fotsiny no inoanareo, dia mipetraha tsara fotsiny ary henoy. Ary angataho Andriamanitra hanokatra ny fonareo, dia ho hitanareo na tsilo ianareo, na songosongo, na aiza no ijoroanareo. Hitanareo?

⁷² Ankehitriny, na dia i Jodasy aza, "voatendry mialoha ho any amin'ny fanamelohana izy," nipetraka teo anoloan'i Jesosy. Ary niteny taminy Jesosy hoe, "Ianao no izy. Izay hataonao, sy izay tsy maintsy hataonao, dia ataovy haingana." Izy dia nahafantatra izay nataony, saingy, ho an'ireo volafotsy madinika telopolo, sy ny laza, dia nivarotra an'i Jesosy Kristy Tompo. Anankiray tamin'ireo Mpianany, ilay mpitahiry volan'ny fiangonana, nantsoin'i Jesosy izy hoe "Sakaizany." Hitanareo? Hoy ny Baiboly hoe, "Nateraka ho zanaky ny fahaverezana izy," mitovy mihitsy amin'i Jesosy izay nateraka ho Zanak'Andriamanitra. "Hamitaka an'ilay tena Voafidy raha azo atao."

⁷³ Mariho tsara raha manohy mianatra isika. Haka ohatra hafa anankiray isika, any amin'ny Bokin'ny Mpanjaka. Nisy ny—ny mpaminany anankiray, ary ny anarany dia Mikaia. Zanak'i Jimla izy, ary mpaminany anankiray izy. Izany izy.

Ary nisy mpaminany anankiray hafa, ilay lohan'ny rafi-pandaminan'ireo mpaminany, ireo voahosotra. Ny Baiboly dia nilaza fa izy ireo dia "mpaminany," tena mitovy amin'izay Nilazany mihitsy fa Balama dia mpaminany, ireo voahosotra.

Ary nisy anankiray tamin'izy ireo tamin'ny anarana hoe Mikaia, izay voahosotr'Andriamanitra sy nirahin'Andriamanitra, niaraka tamin'ny Tenin'Andriamanitra.

Nisy anankiray, Zedekia, izay nihevitra fa nirahin'Andriamanitra izy. Voahosotr'Andriamanitra izy, saingy ny fampianarany kosa dia nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra. "Hitsangana, ireo Kristy sandoka, haneho famantarana lehibe, hamitaka ny Voafidy raha azo atao."

⁷⁴ Mariho, izy roa ireo, izy roa ireo dia voahosotra. Ankehitriny, ahoana no hahafahanareo hilaza hoe iza no marina, sy diso? Diniho izay nampanantenain'ny Teny an'i Ahaba. Ilay mpaminany izay teo alohany, izay Elia, anankiray tamin'ireo mpaminany lehibe indrindra tamin'ilay taona, izay mpaminany iray voamarina. Io mpaminany voamarina io dia nilaza, fa, "Satria nanao an'io zava-dratsy io i Ahaba,

dia ny alika no hilelaka ny ràny; nanala ny ain'i Nabota. Ary dia ny alika no hihinana an'i Jezebelà, ary ny...ny tenany dia ho zezika eny an-tsaha." Ankehitriny, ahoana no hahafahanareo hitahy izay nozonin'Andriamanitra? Na ahoana no hahafahanareo hanozona, araka ny nolazain'i Balama, izay notahian'Andriamanitra? Hitanareo?

Saingy ireo mpaminany ireo dia tso-po. Tsy nisy fisalasalana fa tena olona tsara izy ireo, olona mendri-kaja. Satria, mba ho lasa mpaminany anankiray tao Isiraely, dia tsy maintsy mendri-kaja ianareo, na dia ny ho lasa Isiraelita anankiray aza. Voatora-bato ianareo, raha tsy izany. Olona mendri-kaja izy ireo. Olona mahay izy ireo. Olona nianatra izy ireo. Izy ireo no voafantin'i Ahaba, avy tao amin'ny firenena. (Hitanao ve izany, Ranabavy Wright?) Ireo voafantina avy tao amin'ny firenena, nety tsara ho par-...

⁷⁵ Ary ankehitriny, rehefa nahita ny fahitany i Mikaia, dia fantany tao am-pony izay nolazain'ny Teny, saingy tiany ho hita izay ho lazain'ilay Fanahy izay tao anatiny.

Koa niteny taminy izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Zavatra mitovy amin'izay nolazain'ireo mpaminany hafa ireo ihany no ho lazainao. Ary rehefa milaza ianao, nahoana, ianao dia ho, izahay dia handray anao ao amin'ny fiombonana, tsy isalasalana, indray. Hitanao? Hataonay ho isanay ianao. Haverinay ao amin'ilay anaram-piangonanay ianao. Ianao dia...Fantatray fa mpaminany ianao, saingy ianao dia milaza zava-doza foana. Manozona an'i Ahaba foana ianao. Ankehitriny, Zedekia, ilay lehilahy filoha, ilay papa, na ilay..." na inona izy na inona. "Ankehitriny izy dia nitso-drano an'i Ahaba, ka nanao hoe, 'Mandehana ataovy ilay izy.' Ankehitriny mitenena ianao zavatra mitovy amin'izany, ry Jimla. Nahoana, ianao dia lehilahy mahantra anankiray fotsiny. Ianao tsy manana fikambanana, saiky, mihitsy. Fa ireo lehilahy ireo dia manana an-tapitrisany. Momba azy ireo ny firenena manontolo. Ankehitriny milazà ianao tahaka an'izay lazainy, hitanao izay hataonao, ianao dia—ianao dia hihinana ny haren'ny tany." Niresaka tamin'ny lehilahy ratsy izy teo!

⁷⁶ Ahoana raha nilaza izy hoe, "Mahita fahadisoana eo amin'i Zedekia ve ianao, ry Mikaia?" "Tsia." "Efa mba nahatratra azy nanota ve ianao?" "Tsia." "Efa mba nandre azy nifamaly tamin'ny olona ve ianao?" "Tsia." "Efa mba nahatratra azy mambo ve ianao?" "Tsia." "Lavinay ve ny fianarany?" "Tsia." "Mino ve ianao fa sandoka ny diploma man'ny dokoterany?" "Tsia." "Mino ve ianao fa ny—ny Ph.D.—ny dia marina?"

"Azo antoka. Araka ny filan-kevitra ny Synedriona; ataoko fa ny filan-kevitra rehetra izany, ataoko fa marina izany."

"Eny, noho izany, nahoana ianao no tsy mikambana aminy?"

“Satria niala tamin’ny Teny izy!”

⁷⁷ Eny, hanana fanehoan-kery iray an’izany isika, amin’izay fotoana izay, tahaka an’i Elia mpaminany talohan’izany. Ary raha zanak’Andriamanitra anankiray ianareo, dia hijanona miaraka amin’ny mpaminanin’ity Baiboly ity ianareo. Ity no Teny. Mariho ilay ora, ilay vanim-potoana.

⁷⁸ Eny, ahoana moa raha nilaza i Zedekia hoe, “Oh, fantatro fa nilaza an’izany ny mpaminany, saingy izany dia ho an’ny taranaka manaraka. Mbola ho an’ny fotoana ela izany raha amin’izao?”

Hoy izy hoe, “Miandrasa mandra-pahitako fahitana iray avy amin’Andriamanitra, ary avy eo vao hiteny aminareo aho.”

Hoy izy ireo, “Avy eo dia hilaza an’ily zavatra iray ihany ianao?”

Hoy izy hoe, “Izay lazain’Andriamanitra no ho lazaiko; tsy zavatra hafa, tsy zavatra miampy. Tsy afaka manampy teny anankiray amin’izany aho, na manaisotra Teny anankiray avy amin’izany.”

Koa tamin’io alina io, teo am-pivavahana, dia tonga taminy tamin’ny fahitana ny Tompo. Nandeha izy ny ampitso maraina, hoy izy hoe. . .

Indreo ny mpaminany anankiroa!

⁷⁹ Ny lehilahy lehibe tao amin’ny firenena, raha ny fijery ara-miaramila sy ara-pirenena, dia Zedekia. Izy no lohan’ny mpaminany, an’ily mpanjaka. Izy no lohan’ny mpaminany hafa rehetra, an’ily rafi-pandaminana. Izy dia natao, tamin’ny alàlan’ny rafi-pandaminany, ho lohan’izy rehetra ireo; mety ho ny mahiratra indrindra, ny nianatra indrindra, mahavita tsara an’ily asa. Ary voahosotry ny Fanahy Masina izy, satria izy dia nantsoina hoe “mpaminany.” Azo antoka, tsy hoe mpaminany tsotra anankiray fotsiny, fa mpaminany Hebreo izy. Ankehitriny diniho izy.

⁸⁰ Hoy Zedekia hoe, “Niteny tamiko ny Tompo hoe, ‘Manaova tandroka vy anankiroa ho Ahy,’ mari-pamantarana anankiray.” Ny mpaminany anankiray dia manome mari-pamantarana mazàna. “Hoy Izy hoe, ‘Manaova an’ireo tandroka vy ireo.’ Ny Fanahy Masina no nilaza tamiko hoe, ‘Alaivo ireo,’ ilay Hosotra izay nitso-drano ahy.” Aza mihevitra an’izany ho toy ny ara-pisoronana, fa mba hahatongavana eo amin’ny toerana anankiray. “Ilay Fanahy Masina izay miteny amin’ny fiteny tsy fantatra tamin’ny alàlako, ilay Tokana izay nanamarina ahy, hoy Izy hoe, ‘Alaivo ireo tandroka ireo, ary, amin’ny alàlan’izany, dia mitenena amin’ny mpanjaka fa izy no handroaka ny Syria tanteraka hiala amin’ny firenena. Ary Izaho no hamerina aminy ny tany izay an’Isiraely ara-dalàna, ilay fiangonana.’”

Rahalahy, tena ara-pototra tokoa izany, tena saiky tahaka an'i Balama eto. Balama dia niteny ara-pototra mihitsy tahaka an'i Mosesy. Mosesy...Ny isa marina an'Andriamanitra dia fito. Ary hoy Balama hoe, "Anaovy alitara fito aho; fanatitra madio fito, ombilahy, ary osilahy fito." Miresaka ny fihavian'ny Zanak'Andriamanitra izany. Ara-pototra, dia tena marina tahaka azy rehetra ireo izy.

⁸¹ Ary indro i Zedekia, tena marina ara-pototra, "Satria ity tany ity dia antsika. Nahoana, ireo Syriaana sy Filistina eo ireo dia nameno ny kibony, ny an'ireo zanany sy ny sisa, ny fahavalontsika, tamin'ny sakafy izay tsy azon'ny zanatsika! Nefa, Andriamanitra no nanome antsika an'io tany io!"

Rahalahy, tena hevitra tsara anankiray izany. Ataoko fa azony natao ny nikiakiaka an'izany teo anatrehan'ny Isiraely, ka afaka niantsoantso mafy arak'izay tratrany izy ireo. Ankehitriny, miresaka ny amin'izao fotoana izao aho ankehitriny. Antenaiko fa maharaka ahy ianareo. Ireo hiakiaka rehetra, horakoraka!

⁸² Tsaroanareo ve i Davida tamin'ny Alahady lasa teo? Hitanareo? Ianareo any amin'ny firenen'ny radio, na ny firenen'ity fifandraisana ara-telefona ity; ianareo izay tsy nahazo ny Hafatry ny Alahady lasa teo, aoka hanana antoka hahazo azy. *Miezaka Ny Manao Fanompoana Iray Ho An'Andriamanitra Nefa Tsy Voatendry Hanao An'Izany*, na tso-po toy ny ahoana, tsara, tsy noraisin'Andriamanitra tanteraka izany. Hitanareo?

Ankehitriny, indro i Zedekia, nihevitra izy fa marina.

⁸³ Hoy i Mikaia hoe, "Avelao aho hanontany an'Andriamanitra." Koa dia tonga izy ny ampitso maraina niaraka tamin'ny HOY NY TOMPO HOE. Nanamarina ny fahitany tamin'ny Teny izy.

⁸⁴ Ankehitriny raha toa izy ka niteny tamin'i Zedekia hoe, "Fantatrao ve izay nolazain'ny mpaminanin'ny Baiboly eto fa hiseho amin'io lehilahy io?"

⁸⁵ "Fa tsy ho amin'izao andro izao, satria io lehilahy io dia lehilahy mendri-kaja. Miezaka izy." Aza diso an'ity. "Miezaka izy ny hamerina amin'ny fiangonana ireo zavatra izy an'ny fiangonana. Miezaka izy ny hamerina ny fananany," tsy ilay zavatra Ara-panahy; raha izany ilay izy, dia ho nanozongozona ny firenena manontolo tahaka ny nataon'i Elia izy. Saingy, niezaka ny hanome azy ireo ny zavatra materialy, "Manana fananana isika. Rafi-pandaminana lehibe isika. An'izany isika. Isika rehetra, ianareo vahoaka rehetra, ianareo Protestanta, tokony hikambana aminay." Ah-hah.

Ho tonga eo amin'izany isika afaka kelikely. "Rahalahy sy anabavy avokoa izany, na izany aza." Tsy izany io! Tsy izany mihitsy ary tsy ho izany mihitsy, ny miaraka amin'ilay Fiangonan'Andriamanitra tena izy. Tsy mety izany!

⁸⁶ Mariho, fa nahita fahitana izy. Ary noho izany dia hoy izy hoe, “Niteny tamiko Andriamanitra.” Ankehitriny, jereo, tso-po ilay lehilahy. Hoy izy hoe, “Hoy Izy hoe, ‘Ataovy ireo tandroka ireo, ary mandehana eo anatrehan’ny mpanjaka ka manoseha mankany andrefana,’” na any amin’izay lâlana misy ny tany avy eo amin’izay nijoroan’izy ireo. “Manoseha, fa izany no HOY NY TOMPO HOE, fa hahazo ny fandresena izy ka hiverina, fandresena iray ho an’ny fiangonana.’ Ho roahintsika izy ireo!” Tena mifanakaiky izany, sa tsy izany? Inona ilay olana?

Indro tonga i Mikaia. Hoy izy, “Ankehitriny omeo ny faminaniana.”

⁸⁷ “Miakara! Saingy izaho nahita ny Isiraely tahaka ny ondry, niahaka, tsy nanana mpiandry.” Fioo! Tena nifamadika tanteraka.

⁸⁸ Ankehitriny, ianareo no fiangonana. Ankehitriny iza no marina? Izy roa ireo, dia mpaminany. Ny fomba tokana hahafahanareo hiteny ny fahasamihafana eo amin’izy ireo, dia, ny manamarina an’ily izy amin’ny alàlan’ny Teny.

Hoy izy ireo, “Ahoana no nahazoanao an’izany?”

Hoy izy hoe, “Nahita an’Andriamanitra nipetraka teo amin’ny Seza fiandrianana aho.” Hoy izy, “Nahita ny mpanolo-tsaina rehetra nanodidina Azy aho.”

⁸⁹ Ankehitriny tsarovy, Zedekia dia nilaza fa izy dia nahita an’Andriamanitra mihitsy, ihany koa, sy ilay Fanahy iray ihany. “Nahita an’Andriamanitra aho. Nilaza tamiko Izy mba hanao an’ireto tandroka avy amin’ny—avy amin’ny vy ireto. Handeha ho any ka hanosika an’ireo firenena hiala eto, satria antsika izany. Ireo hafa dia tsy manana zo amin’izany.” Tokony ho nanana izy ireo raha toa ka nitoetra tsara niaraka tamin’Andriamanitra izy ireo. Tokony ho nanana an’izany izy ireo, saingy nanalavitra an’Andriamanitra izy ireo.

Izany no fomban’ily rafi-pandaminana, ilay fiangonana. Nanana zo tamin’ireo zavatra ireo izy, saingy nambakaina tamin’izany ianareo, satria nanalavitra ny Tenin’Andriamanitra sy ny Fanahin’Andriamanitra ianareo, ny hosotra, manamarina an’ily Tenin’ny vanim-potoana. Aza diso amin’ny fahazoana an’ity Hafatra ity ianareo.

⁹⁰ Mariho izay miseho ankehitriny. Hoy izy hoe, “Nahita an’Andriamanitra aho,” nahita i Mikaia, “nipetraka teo amin’ny Seza fiandrianana tany An-danitra. Nivory nanodidina Azy ny Mpanolo-tsainy. Hoy Izy hoe, ‘Iza no afaka handeha hidina ka hamitaka an’i Ahaba, hahatonga an’ireo tenin’i Elia ho marina; ny Mpaminaniko izay voamarina. Izaho no niteny fa ho tonga izy. Ary Elia dia nanana ny Teniko. Fa ny lanitra sy ny tany dia ho levona, fa ny Teniko tsy ho diso.

Tsy ahoako na moderina toy ny inona aza izy ireo, na tsara toy ny inona izy ireo, na nianatra toy ny inona izy ireo, na lehibe toy ny inona izy ireo, ny Teniko tsy ho diso mihitsy.’

“Ary fanahy mandainga anankiray no niakatra avy tao amin’ny helo, niankohoka tamin’ny lohaliny, ka nanao hoe, ‘Raha Avelanao fotsiny aho, dia afaka manome azy ireo ny hosotro aho, asaiko manao karazana famantarana sy fahagagana izy ireo, raha mbola azoko entina miala amin’ny Teny foana izy ireo. Tsy ho fantany akory aza fa Izany no Teninao. Tsy hahalala an’Izany izy, noho ny laza.’” Rahalahy, tsy niova ny fotoana. Rahalahy Neville, marina izany. Tsarovinareo, marina izany. “‘Ho eo aminy aho, hampanao azy an’ireo zavatra mitovy amin’izay ataon’ireo sisa amin’izy ireo. Hasaiko maminany izy, ka hiteny lainga.’” Ahoana no naha-lainga an’ily izy? Satria nifanohitra tamin’ny Teny izany.

⁹¹ Alaivo ireo batisa sandoka rehetra, ireo *izao-sy-izao-sy-izao* sandoka, tsy ahoako na toa marina toy ny inona aza ilay izy, na impiry no hiezahan’izy ireo haka tahaka, fa lainga anankiray izany raha mifanohitra amin’ny Tenin’Andriamanitra an’izao ora izao. Tena marina tokoa izany.

Hoy ianareo hoe, “Eny, ny anay, eny, izahay nanao an’*ity*, ary izahay manao an’*ity*, ary ny fiangonanay dia tahaka an’*ity* sy *itsy*.”

Tsy ahoako na inona izy na inona. Raha mifanohitra amin’ily Teny voasoratra ho an’izao ora izao izany, dia lainga anankiray izany. Tsy hisy hilan’Andriamanitra an’izany, na tso-po toy ny ahoana, na nianatra toy ny ahoana, na mahay toy ny ahoana, na toa marina toy ny ahoana izany, na toa tsara lahatra toy ny ahoana izany, raha mifanohitra amin’ny Teny an’izao ora izao izany. Hiditra amin’izany lalindalina kely isika afaka minitra vitsy, raha mamela antsika ny fotoana. Raha tsy vitantsika, dia halantsika indray izany anio hariva.

⁹² Mariho, tso-po izy, lehilahy tsara, tsy isalasalana. Ary nilaza izy... Avy eo, amin’ny fomba hafa, dia nilaza taminy i Mikaia, tsy avy dia nivantana taminy, fa amin’ny teny hafa hoe, “Ianao dia voahosotry ny fanahy mandainga anankiray.” Tsy ho zavatra anankiray ve ny hiteny an’izany amin’ny eveka iray? Saingy nataony izany.

⁹³ Ary dia nandroso ity eveka ity ka nanao hoe, “Tsy hahazo fiombonana intsony mihitsy ianao,” sady nofelahany teo amin’ny tarehiny. Hoy izy, “Fantatrao fa izaho dia lehilahy voamarina anankiray. Ny fiangonako no nanao ahy ho lohan’izany, ity zavatra ity. Ny fifidianam-bahoaka an’ny vahoakan’Andriamanitra no nanao ahy an’izany. Ny rafi-pandaminako no nanao ahy an’izany. Ary Andriamanitra

no nanome antsika an'ity tany ity, ary Izy no mikasa mba ho antsika izany. Ary izaho manana ny HOY NY TOMPO HOE.” Nofelahany izy, ka hoy izy, “Làlana aiza no nalehan'ny Fanahin'Andriamanitra rehefa niala tamiko Izy?”

⁹⁴ Hoy i Mikaia hoe, “Ho hitanao, indray andro any,” rehefa any ambanin'ny ranomasina any i California, sy ireo zavatra ireo. Hitanareo? “Ho hitanao hoe hoe làlana aiza no Nalehany, rehefa hipetraka ao amin'ny tranomaizina lalina ianao.”

⁹⁵ Ankehitriny, Ahaba, inona no ho lazainao? “Mino ny mpaminaniko aho,” hoy izy. Maninona raha mba nitady ny Teny fotsiny izy? Hitanareo, tsy te-hahita ny tenany ho voaozona izy. Henoy aho! Tsy te-hahita ny tenany ho voaozona izy. Tsy misy olona tia an'izany.

Ary ry ara-rafi-...ry rahalahiko ara-rafi-pandaminana, izany ilay olana eo aminao. Te-hihevitra ianao fa ianao no marina, nefa, fantatrao ao amin'ny fonao, fa rehefa manao batisa ianao ka mampiasa ny anaran'ny “Ray, Zanaka, Fanahy Masina,” dia mandainga ianao izay. Fantatrao fa rehefa ianao no mila-...milaza an'ireny zavatra izay ataonao ireny, ka maka an'ireo porofo voalohany, ary ireo zavatra rehetra tahaka an'izany, dia diso ianao. Ahoana no haha-porofo voalohany ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, nefa avy eo dia milaza zavatra mifanohitra amin'ny teny fikasan'Andriamanitra anankiray ao amin'izao ora izao? Ahoana no haha-mety an'izany? Tsy mila ozona ianao, sa tsy izany? Saingy voasoratra *Eto* izany, ka dia hisy izany. Izany no mariky ny bibi-dia, tena mifanakaiky ka hamitaka ny Voafidy izany raha azo atao.

⁹⁶ Ny famantarana rehetra, ny fahagagana rehetra, ny olom-boahosotra, faminaniana, ireo karazan-javatra rehetra izay miseho; ireo karazana famantarana rehetra, ireo karazana fahagagana rehetra, ahoana no hilazanareo an'ilay fahasamihafana? Diniho ny Teny ho an'izao ora izao. Tahaka an'izany no andraisanareo...

⁹⁷ Diniho i Mosesy, ahoana no nahafahany niteny tamin'i Balama. Diniho i Mikaia eto, ahoana no nahafantarantsika fa marina izy? Ny Teny, teo anoloany, no naminany an'izany ho an'i Ahaba.

Ary ny Teny, eo anoloantsika, no naminany an'ireo rafi-pandaminana ireo ho an'izao andro izao, ary io ozona eo amboniny io. Ary ireo zavatra izay hitranga amin'ny alàlan'ilay Fiangonany voahosotra marina, dia hahazo ny Teny, Teny Ampakarina anankiray. Eo isika izao. Eto izany, androany, tahaka ny naha-izy azy tamin'izany.

⁹⁸ Hoy ny Baiboly hoe, “Amin'ny vavan'ny vavolombelona roa na telo no hanorenana ny teny rehetra.” Niresaka an'i Balama aho, niresaka an'i Balama sy Mosesy aho. Ary

niresaka an'i Mikaia sy Zedekia aho ankehitriny. Ankehitriny dia hanome anareo anankiray hafa aho. Sady, misy an-jatony maro izy ireo, fa anankiray hafa, mba hahazoana vavolombelona telo. Manana antontany iray manontolo an'izy ireo aho voasoratra eto; fa mba hananana fotoana.

⁹⁹ Jeremia izay voamarina anankiray, noroahina, nefa mpaminanin'Andriamanitra anankiray voamarina. Nankahalain'izy ireo ilay lehilahy. Notorahin'izy ireo man-...voankazo masaka loatra izy, sy zavatra hafa. Ary napetrany teo amin'izy ireo ny ozona. Ary ireo zavatra izay nataony, ka nandry tamin'ireo rirany izy tany, sy ny sisa, ary nanome famantarana fa diso i Isiraely.

Ny mpaminany rehetra, mpaminany marina izay nitsangana teto amin'izao tontolo izao, dia nanozona an'ireo rafi-pandaminana anaram-piangonana an'ny fiangonana ireo. Ahoana no hahafahan'izany hiova, miaraka amin'ilay Andriamanitra tsy miova?

¹⁰⁰ Ny Fanahy Masina no Mpaminanin'izao ora izao; manamarina ny Teniny Izy, manaporofa Azy. Ny Fanahy Masina no Mpaminanin'ny oran'i Mosesy. Ny Fanahy Masina no Mpaminanin'ny oran'i Mikaia. Ny Fanahy Masina, izay nanoratra ny Teny, no tonga sy manamarina ny Teny.

¹⁰¹ Ankehitriny inona no niseho tamin'ny andron'i Mikaia? Novonoina i Ahaba, ka ny alika no nilelaka ny ràny, araka ny Tenin'Andriamanitra.

Ianareo mpampianatra sandoka rehetra ireo, araka ny nolazain'Andriamanitra, indray andro any dia hijinja izay afafinareo, ianareo jamba mpitarika ny jamba! Tsy tezitra aho. Miteny aminareo ny Fahamarinana fotsiny aho. Ary tsy ho niteny an'izao aho raha tany, tao amin'ilay efitra, raha tsy nilaza ny Fanahy Masina hoe, "Lazao amin'izany fomba izany ilay izy." Efa mba niteny zavatra diso taminareo ve aho afa-tsy izay noporofoin'Andriamanitra fa marina? Mifohaza, ry rahalahiko, alohan'ny haha-tara loatra an'ilay izy!

¹⁰² Fa avelao aho hilaza an'izao. Ahoana moa no hahafahan'ny tsilo anankiray hifoha ka ho lasa songosongo anankiray, rehefa voafidy mialoha ho amin'izany izy? Ahoana moa no hahasakana ny Voafidy tsy hahita an'izany? Satria, voafidy mba hahita an'izany ianareo. "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy dia hanatona," hoy Jesosy, "fa tsy misy afaka manatona izy ireo raha tsy efa Nomeny Ahy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa natao tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaran'izy ireo," tsy ao amin'ny bokim-piangonana, fa ao amin'ny Boky, Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry.

¹⁰³ Mariho, nitsangana i Jeremia, voamarina teo anatrehan'ny olona, kanefa dia nankahalain'izy ireo izy.

¹⁰⁴ Ary dia nandeha izy ireo ka nanamboatra zioga anankiray, nandeha izy, ary napetrany teo amin'ny hatony izany, ary nandeha teo anatrehan'ny olona izy. Hoy izy ireo hoe, “Oh, isika no vahoaka lehibe an'Andriamanitra. Nahoana, isika no Isiraely. Isika tena tso-po tokoa ao amin'ny synagogantsika! Isika manatrika foana isan'Alahady, isika, isika manolotra fanatitra, ary mandoa ny volantsika ao. Ahoana no hahafahan'i Nebokadnezara mihazona ny zava-masin'Andriamanitra?” Hah! Ny fahotanareo no nanao an'izany.

Hoy Andriamanitra hoe, “Raha hitandrina ny Didiko ianareo, dia tsy hanao an'izao Aho. Saingy, raha tsy mitandrina ianareo, dia ho tonga aminareo izany.” Tena marina izany. Mbola mitovy ihany. Tandremo ny Didiny, ny Teniny ho an'ilay ora, izay Nampanantenainy.

¹⁰⁵ Ankehitriny mariho. Ankehitriny, Jeremia, noho ny sitrapon'Andriamanitra, mpaminany voamarina, na dia nankahalaina aza...Ny tsirairay tamin'izy ireo dia nankahalaina tamin'ny androny. Nanao zavatra tena hafahafa izy ireo izay nifanohitra tamin'ilay anaram-piangonana tamin'izany andro izany, ny tsirairay dia nankahala azy, na dia ireo mpanjaka aza sy ny sisa hafa. Koa dia nasiany zi—zioga teo amin'ny hatony, ka hoy izy, “HOY NY TOMPO HOE. Ho lasa any ianareo mandritry ny fitopolo taona,” satria nanana fahalalana iray izy avy tamin'ny Tenin'Andriamanitra. “Fitopolo taona!”

¹⁰⁶ Avy eo i Hanania, Hanania, ataoko fa izany no anononanareo azy, H-a-n-a-n-i-a. Hanania, mpaminany iray teo anivon'ny olona, tonga, nanala an'ilay zioga teo amin'ny hatok'i Jeremia, ka nanapaka an'izany. Ary hoy izy, mba hahatonga azy ho malaza be teo anivon'ny vahoaka, hitanareo, rehefa niteny nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra izy. Ary hoy izy hoe, “Roa taona dia hiverina izy ireo. HOY NY TOMPO HOE.”

Mpaminany voahosotra anankiroa. Inona ilay fahasamihafana teo amin'izy ireo? Ny anankiray nanana ny filazana ny Teny, ary ilay anankiray hafa tsy nanana. Hoy Jeremia hoe, “Amena.”

¹⁰⁷ Teo anatrehan'ireo loholona sy ny fiangonana, ny Isiraely rehetra, hitanareo, dia te-haneho izy fa mety ho lehibe mihitsy tahaka an'i Jeremia izy. “Fantatrao fa tsy tia anao izy ireo, na izany aza. Koa izaho dia mpaminany, ihany koa. Izaho dia mbola mpaminany lavitra noho ianao, satria ianao dia maminany lainga. Ianao no miteny amiko fa ny vahoakan'Andriamanitra dia ho eo ambanin'ny zavatra toy *izao-sy-izao*?”

Izany no lazain'izy ireo amin'izao fotoana izao, saingy ho eo ianareo hitovy amin'izany, amin'ny maha-fiangonana. Voazona amin'ny ozona anankiray ianareo. Ianareo

fiangonana rehetra ireo, ireo anaram-piangonana dia mifikitra amin'ny fanaon'ny olona raha tokony ho ny Tenin'Andriamanitra, ozonin'Andriamanitra ianareo.

¹⁰⁸ Ankehitriny mariho, indro tonga izy. Hanania no nisintona an'io zioga io niala tamin'ny hatony, famantaran'Andriamanitra, nanapaka an'izany, ka nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Roa taona dia hiverina izy ireo." Mba ho fampisehoana fotsiny hoe, "Izaho no *Ranona-sy-ranona*." Satria niditra teo izy, izy dia mpaminany ara-rafi-pandaminana iray.

¹⁰⁹ Jeremia dia olon'ny an-efitra izay niaina irery. Naminany ratsy nanohitra azy ireo foana izy, satria ratsy izy ireo.

Ary ity lehilahy ity dia nilaza tamin'izy ireo hoe, "Oh, mety tsara daholo ianareo rehetra raha mbola mikambana foana ianareo. Raha mbola Isiraely foana ianareo, dia izany ihany no ilaina. Hitanareo, ianareo, isika...Tsy hanao an'izany Andriamanitra. Fantatro fa misy zavatra kely miseho eto, saingy aza taitra, aza matahotra."

Oh, rahalahy, mbola velona izy ireo amin'izao fotoana izao. "Aza manahy, mety tsara ny zavatra rehetra. Ny zavatra rehetra dia eo ambanin'ny fifehezany. Izahay no Fiangonana." Aza mieritreritra an'izany ianareo. Hia.

¹¹⁰ Koa hoy izy hoe, "Mety tsara ny zavatra rehetra. Hiverina izy ireo afaka roa taona. Izany dia zavatra kely anankiray izay niseho. Tsy misy zavatra hafa. Manjo antsika izany. Nebokadnezara fotsiny no tonga teto, fa ny Andriamanintsika no hiandraikitra an'izany rehetra izany."

Saingy ny Teny no nilaza fa fitopolo taona izy ireo no ho any; mandra-pahafoanan'io taranaka io, sy taranaka hafa anankiray. Efaolo taona ny taranaka anankiray. "Misy eo amin'ny taranaka anankiroa eo no hijanonanareo any." Ary nilaza an'izany i Jeremia araka ny Tenin'Andriamanitra.

¹¹¹ Notapahan'i Hanania izany! Hoy Jeremia hoe, "Eny àry. Amena. Saingy, ry Hanania, aoka ho tsaroantsika izao, isika roa dia samy mpaminany. Mpitoriteny isika."

Ary izao no lazaiko aminareo, ry rahalahiko. Aoka ho tsaroantsika fa efa nisy mpaminany talohantsika, ary naminany nanohitra fanjakana izy ireo, ary naminany nanohitra zavatra maro izy ireo. Saingy, tsarovy, rehefa niteny zavatra anankiray ny mpaminany, dia tsy maintsy maminany araka ny Teny izy. Tahaka an'i Mikaia, sy Mosesy, ary ny sisa tamin'izy ireo. Tsy maintsy araka ny Teny ilay izy. Raha tsy izany ilay izy, dia tsarovy izay niseho.

¹¹² Tamin'izay fotoana izay, Hanania, nipoitra ilay tena fahosorany marina. "Izaho no Hanania" (tsy isalasalana), "mpaminanin'ny Tompo, ary hoy aho hoe, 'Roa taona.'" Amin'ny teny hafa dia, "Tsy ahoako izay lazain'ny Teny." Ilay hosony, "Hoy aho hoe, 'Roa taona, dia hiverina izy ireo.'"

113 Niala teo anatrehany i Jeremia, lasa izy, hoy izy, “Tompo, tsy ahoako izay nolazainy, mbola hino aho ary hahafantatra fa izany no lazain’ny Teny. Hijanona hatoky Anao aho. Tsy ho voafitany aho.”

114 Hoy Andriamanitra hoe, “Mandehana miteny amin’i Hanania hoe, ‘Hataoko vy izany, ilay zioga manaraka.’” Satria nanao an’izany izy, dia nesorina niala tamin’ny tany izy, izany i Hanania, tamin’io taona io ihany.

Ireo no ohatra ho antsika, samy mpaminany izy roa. Mbola betsaka ny azo lazaina sy resahana amin’izao fotoana izao.

115 Saingy diniho. Jesosy no nilaza, fa, amin’izao andro farany izao, indray, dia tena hiaraka hifanakaiky indray ilay fanahy anankiroa. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Ankehitriny mariho. Hifanakaiky kokoa noho ny tamin’izany ilay izy. Iza no andro farany. Oh, rankizy! Hamindra fo amintsika anie Andriamanitra! Mbola, “Tena hisy mihitsy aza izany hany ka hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo atao.” Ankehitriny ahoana no hataonareo, ahoana no nilazantsika an’izany tamin’ireo andro ireo? Ahoana no hilazantsika an’izany amin’izao andro izao? Fomba mitovy, mijanona amin’ny Teny, “Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.”

Ankehitriny tandremo tsara izao Hafatra izao. Ary rehefa mihaino ny horonam-peo ianareo, na dia ho lasa aza aho angamba indray andro any rehefa tapitra ny ilain’ny Tompo ahy eto an-tany eto, dia hitodika amin’ity ianareo. Henoy ny feoko, izay lazaiko aminareo. Raha Alainy alohan’ny Fihaviany aho, dia tsarovy fotsiny, fa niteny taminareo tamin’ny Anaran’ny Tompo aho, tamin’ny alàlan’ny Tenin’ny Tompo. Eny.

116 Mariho, “Hifanakaiky ka hamitaka ny Voafidy raha azo natao,” hanao an’ireo famantarana iray ihany, fahagagana iray ihany, amin’ny alàlan’ily Fanahy iray ihany. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Tena tahaka an’ireo mpaminany izay vao avy noresahantsika mihitsy, ireo mpaminany. Ankehitriny, izao ihany koa no voasoratra. . .

117 Ndao isika hivadika amin’izany, ho amin’ity anankiray ity, raha tianareo, Timoty Faharoa 3. Ndao tsy avelantsika ity anankiray ity. Ary tsy tiako ny. . .

118 Mijery an’io famantaranandro ery io aho, ary izaho—izaho te-hanajanona betsaka amin’ily izy, saingy heveriko fa tsy tokony hanao an’izany isika ankehitriny. Hitanareo? Mariho. Izao fotsiny. . . Raha mijoro eto aho, dia tsemboka tahaka ahy izao, hitanareo, saingy faly aho. Ary fantatro fa marina izany. Timoty Faharoa 3:8.

119 Paoly, ilay lehilahy izay nilaza hoe, “Raha misy Anjely anankiray avy any An-danitra ka milaza teny hafa

aminareo ankoatr'izay nolazaiko, dia aoka izy ho voaozona," ankehitriny, Anjely anankiray izay midina. Izany dia ny Tesaloniana Faharoa . . . Oh, miala tsiny aho.

¹²⁰ Mariho ao amin'ny Timoty Faharoa 3:8. Diniho i Paoly no miteny ankehitriny. Ndao isika hanomboka eo amin'ny . . . Ndao isika hanomboka amin'ny andininy voalohany, ary henoy tsara mihitsy ankehitriny. Ianareo izay manana ny Baibolinareo, miaraha mamaky amiko. Ianareo izay tsy manana ny Baibolinareo, dia henoy tsara. Ny . . .

Fantaro koa izao, fa amin'ny andro farany . . .

Tsipiho izany, "andro farany." Eo no hitranga izany.

. . . hisy andro mahory. (Ao amin'izany isika.)

Fa ny olona ho tia tena, tia vola, mpandoka tena, mpiavonavona, mpiteny ratsy, tsy manoa raiamandreny, tsy misaotra, tsy masina,

¹²¹ Jereo io andiany izay ananantsika amin'izao fotoana izao io, lo. Na dia ireo lehilahy eny an-dàlam-be aza, tovolahy, izay mampidina ny volony eo amin'ny handriny, miaraka amin'ny sanga tahaka ny vehivavy anankiray. Fahasimbana! Sodomita!

¹²² Efa namaky ve ianareo tamin'ity taona ity, ny *Reader's Digest* an'ity volana ity? Hoy izy, "Ny vahoaka Amerikana eo amin'ny taona," heveriko fa ilay izy dia, "eo anelanelan'ny roapolo sy dimy amby roapolo taona, dia efa tonga sahady eo amin'ny taonan'ny fahamatorany." Vita ny amin'izy ireo! Lo izy ireo! Ny siansa no milaza an'izany, fa ny lehilahy anankiray dia ao amin'ny taona fahamatorany, sy ny vehivavy anankiray, raha mbola vao manomboka eo amin'ny faha-roapolo taonany. Ny vatan'izy ireo dia tena lo sy voatolotra ho an'ny fahalovana.

¹²³ Oh, Amerika, impiry moa Andriamanitra no te-hanomba anareo, saingy ankehitriny dia tonga ny oranareo! Mitarika an'izao tontolo izao ao anatin'ny fahalovana ianareo.

. . . mpiteny ratsy, tsy manoa raiamandreny, tsy misaotra, tsy masina,

Tsy manana fitiavana marina, . . .

Tsy ny tena fitiavana ny hafa akory aza, ny lehilahy amin'ny vehivavy, ny vehivavy amin'ny lehilahy. "Tsy fitiavana marina akory aza." Fahalovana, ara-panambadiana!

. . . mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, ary tsy tia izay tsara,

Amin'ny teny hafa, hoy izy ireo, "Ianareo andiana holy rollers ireo." Olona anankiray nanontany indray andro ny amin'ny fankanesana eto amin'ny fiangonana eto. Hoy izy, "Aza mandeha any. Ny rehetra ao dia andiana tabataba be sy fahataitairana."

Hitanareo, “tsy tia an'izany ireo.”

Mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an'Andriamanitra;

Hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, ireo kaominista izany.” Inona no lazain'ny andininy manaraka?

Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa (inona?) mandà ny heriny: (ny Teny, Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, voaseho, ilay teny fikasana ho an'ilay andro)...

Tena tahaka an'i Hanania tanteraka mihitsy, tena tahaka an'i Zedekia tanteraka mihitsy, tena tahaka an'i Balama tanteraka mihitsy, sy ny sisa, ireo mpaminany sandoka hafa.

Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, voahosotra...Hitanareo?

Manana ny endrika, voahosotra, mpitoriteny voatendry...

Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà fa Izy no tsy miova omaly, anio...Mandà ny Teniny!

Ahoana no nandavan'izy ireo an'i Jesosy tamin'izany andro izany? Iza no nolavin'izy ireo rehefa nandà an'i Jesosy izy ireo? Ny Teny. Mpivavaka izy ireo. Nampianatra avy tao amin'ny Baiboliny izy ireo, nefa nandà ny Tenin'ilay andro nisy.

Inona izy ireo amin'izao fotoana izao? Zavatra iray ihany, voahosotra, mitory ny Filazantsaran'ny pentekosta, nefa mandà ny teny fikasan'ny Teny an'ilay andro nisy izay voamarina, “Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.” Hitanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

Fa izany no isan'ireo izay misokosoko miditra any an-trano, ka mitarika...ny vehivavy adaladala vesaran'ny fahotana, entin'ny filàna maro,

“Ny fetim-panjairanay sy ny izao-sy-izao anay.” Tonga eo ny olona anankiray ka miezaka manao fandikana diso ny Teny, ka milaza an'izao, “Mety tsara ho anao, ranabavy, ny manana volo fohy. Aza miraharaha an'io vendrana io. Hitanareo? Na, raha ianareo—ianareo no mitondra an'izany; tsy izany ilay izy, ‘izay mivoaka avy ao am-pon'ny olona no mampaloto azy.’” Hitanareo? Fa mba fantatrareo ve fa voahosotry ny fanahy ratsy, feno filàna, maloto ianareo? Tsy mampaninona, afaka mihira ao anatin'ilay antokom-pihira ianareo, miaraka amin'ny volo fohy, saingy nahazo fanahy ratsy anankiray ianareo. Mifanohitra amin'ny Teny izany. Marina izany. Izany no nolazain'ny Baiboly. Dia hoy ianareo hoe, “Eny, manao sorta aho. Tsy manameloka ahy izany.”

“Na iza na iza, raha ny vehivavy anankiray no manao fitafian-dehilahy, dia fahavetavetana eo imason’Andriamanitra izany.” Ilay Andriamanitra tsy miova no nilaza an’izany.

¹²⁴ Oh, zavatra betsaka, ahoana no tena hahafahantsika mandinika an’izany; ho lasa ny fotoantsika. Fa ianareo dia tena mahalala ny hahafantarana an’izay tsara sy ratsy. Ary ahoana no hahafahako manery azy ireo hanao an’izany? Ahoana no hanaovako an’izany? Hoy ianareo, “Eny, nahoana ianao no mikiakiaka amin’izany?” Vavolombelona anankiray manohitra anareo aho. Indray andro any, amin’ny Andron’ny Fitsarana, tsy hanana zorony anankiray haleha ianareo.

¹²⁵ Ahoana no hahafahan’i Mikaia hisakana an’izany? Ahoana no hahafahan’i Mosesy; nikiakiaka, nanandrana nisakana an’izany, sy Josoa ary ireo izay nihazakazaka teo anivon’ny olona, ary Levy ka namoaka ny sabany ka namono azy ireo, mihitsy aza? Nanohy fotsiny ihany izy ireo.

Efa voalaza mialoha izany fa hanao an’izany izy ireo. Ary hanao an’izany izy ireo, satria izany no HOY NY TOMPO HOE hanao an’izany izy ireo. Mihevitra ve ianareo fa ho tapaka ireo anaram-piangonany, hiverina amin’ny Teny ve ireo anaram-piangonany? Izany no HOY NY TOMPO HOE, tsy hanao izy ireo! Hiditra ao amin’ily antikristy ve izy ireo? Izany tokoa. Izany no HOY NY TOMPO HOE, hiditra izy ireo! “Koa inona no ilazanao an’izany?” Tsy maintsy ho vavolombelona anankiray aho, ary ianareo koa, ny mpino rehetra. Diniho.

...vehivavy adaladala vesaran’ny...filàna maro,

¹²⁶ “Eny, ny vehivavy sisa rehetra manao.” Ireo mpaminany sandoka! Ankehitriny henoy. Ireo mpaminany sandoka, no resahako. Ankehitriny inona no hataon’izy ireo amin’ny andro farany?

...mitarika vehivavy adaladala...entin’ny filàna maro,

“Eny, fantatro fa ny vehivavy sisa rehetra...” Eny àry, mandehana.

¹²⁷ Inona no nolazaiko talohan’ny nitrangan’io zava-niseho lehibe io teto California? “Ianareo vahoaka eto Los Angeles ireo, isan-taona rehefa miverina aho dia miha-betsaka kokoa ireo vehivavy manapa-bolo sy lehilahy sarimbavy noho ny tany amin’ny voalohany, betsaka ireo mpitory teny hiditra ao amin’ny rafi-pandaminana. Tsy manana fialan-tsiny ianareo! Raha natao teto aminareo ireo asa mahery izay natao tany Sodoma sy Gomora, dia ho nitoetra izy amin’izao andro izao. Oh, ry Kapernaomy, ianao izay miantso ny tenanao ho anaran’anjely, Los Angeles!” Jereo izay mitranga? Handeha

avy hatrany any amin'ny fanambanin'ny ranomasina izy. Rahoviana? Tsy fantatro hoe rahoviana izy no handeha, fa handeha izy. Ianareo olona tanora ireo, raha tsy hitako amin'ny androko izany, dia dinihonareo. Vita ny aminy!

Mianatra mandrakariva, . . . tsy mahatratra mihitsy ny fahalalana ny marina.

Ankehitriny ity no manaitra, ity no ampahany manaitra. Henoy ity.

Ankehitriny tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy, dia toy izany koa no hanoheran'ireo ny fahamarinana: olona maloto saina, nihemotra amin'ny finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ny olo-masina, mazava ho azy.

“Amin'ny Finoana.” “Fa izy no hamerina ny Finoan'ny ray, na ny zanaka, ho amin'ny ray.”

¹²⁸ “Nihemotra amin'ny Finoana.” Ah! Fantatrareo ve inona no dikan'ny hoe *nihemotra*? Raha manana Baiboly Scofield ianareo, dia misy “h” anankiray eo. Eo ambony eo mihitsy, manao hoe, “apostazy.” Apostazy anankiray, izany izy io.

¹²⁹ Ankehitriny, iray minitra fotsiny. Te-hanamarina zavatra anankiray aho eto. Heveriko fa nosoratako eto mihitsy izany. Tsy azoko antoka, saingy tiako ny hilaza azy, sy hanamarina azy alohan'ny—ny hilazako azy. Ankehitriny, iray minitra fotsiny. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] “Mpihemotra amin'ny Fahamarinana, ny amin'ny Finoana.” “Ny Finoana,” tokana ihany ny Finoana misy. Marina izany. “Amin'ny Finoana, mpihemotra!”

Ankehitriny tiako ny hamaky ny Lioka 18. Iray minitra fotsiny. Ianareo tsy...Azonareo raisina izany; tsy mila mamaky ianareo.

Ary nilaza fanoharana taminy izy tamin'ny farany, fa ny olona dia tokony hivavaka mandrakariva, ka tsy . . . reraka;

Nanao—nanao hoe, Nisy mpitsara tao amin'ny tanàna anankiray, izay tsy natahotra an'Andriamanitra, sy tsy mena-maso olona:

Ary nisy mpitondratena tao amin'izany tanàna izany; ary nankao aminy izy, nanao hoe, Omeo rariny aho amin'ilay manana ady amiko.

Ary izy tsy—ary izy tsy nanaiky aloha teo: fa avy eo dia hoy izy anakampo hoe, Na dia tsy matahotra an'Andriamanitra aza aho, sady tsy mena-maso olona;

Fa satria manahirana ahy io mpitondratena io, dia hanome rariny azy aho, fandrao ho . . . avy hampahasosotra ahy izy.

Ary hoy ny Tompo, Henoy izay lazain'ily mpitsara tsy marina.

Fa Andriamanitra ve tsy hanome rariny ny... olom-boafidiny, izay mitaraina aminy andro aman'alina, moa hitaredretra amin'izy ireo ve izy?

Lazaiko aminareo fa hanome rariny faingana izy. Kanefa raha avy ny Zanak'olona, hahita finoana ety ambonin'ny tany ve izy?

¹³⁰ Ankehitriny izay ilay fanontaniana. Eto no tiako hahatongavana, ao amin'ny Apokalypsy 10. Ho tonga eo isika afaka minitra vitsy, amin'ny andinin-tSoratra iray hafa. Hoy Izy hoe, “Amin'ny andron'ny Hafatry ny anjely fahafito, dia ho tanteraka ny zava-miafin'Andriamanitra.” Izaio ilay fanontaniana, dia, raha manaraka an'ily filaharana ao amin'izao ora izao ianareo, ho tanteraka ve izy io? “Hahita Finoana ve Aho?” Ho tanteraka amin'izao andro izao ve ny Malakia 4, “Hamerina ny Finoan'ny zanaka, ho amin'ny Finoan'ny ray, ilay tany am-piandohana, ilay Teny?” Hitanareo?

¹³¹ “Mpihemotra, Jambra sy Jana, tahaka an'izany no anoheran'izy ireo.” Ankehitriny, ihany koa, dia henoy, Timoty Faharoa 3:8. “Tahaka an'i Jan...nanohitra an'i Mosesy, ihany koa amin'ny andro farany no hahatongavan'ireo mpihemotra ireo ihany,” ankehitriny hitanareo izay Lazainy eto, “manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra,” ireo voahosotra. Ankehitriny ndao fotsiny isika...Miverena ianareo dia—dia vakio izany rehefa tonga any an-trano ianareo, mba hahafahako mamarana an'ity, izao maraina izao, raha vitako. “Mpihemotra amin'ny...” Tsy mpihemotra ao amin'ny—ao amin'ny—ao amin'ny fiainana; mahafinaritra izy ireo, olona voaofana.

¹³² Ankehitriny mariho rehefa nidina nankany Egypta i Mosesy, niaraka tamin'ny hafatry ny HOY NY TOMPO HOE, sady voamarina; niantso an'Isiraely, izay vahoaka anankiray, fa tsy fiangonana anankiray. Vahoaka anankiray Isiraely; tsy fiangonana anankiray mihitsy izy ireo. Satria, ny teny hoe *fiangonana* dia midika hoe “ireo nantsoina hivoaka.” Vahoakan'Andriamanitra izy ireo. Avy eo rehefa lasa voahosotra teo ambanin'ny Teny izy ireo, ka nantsoina hivoaka, vao lasa fiangonan'Andriamanitra izy ireo. Ary avy eo niverin-dàlana, satria tsy nino ny Tenin'Andriamanitra izy ireo, fa nihaino mpaminany sandoka anankiray. Antenaiko fa milentika lalina izany.

Isiraely, amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra, dia nivoaka teo ambanin'ny tanaan'Andriamanitra, voahosotry ny Teny...niaraka tamin'ny Herin'Andriamanitra, nahita an'ireo famantarana sy fahagagan'Andriamanitra. Ary avy eo rehefa

nandroso niaraka tamin'izy ireo Andriamanitra, dia niditra ny mpaminany sandoka anankiray, voahosotra, ka nampianatra zavatra nifanohitra tamin'ny Tenin'Andriamanitra tany am-piandohana izay henon'izy ireo; ary izy rehetra dia maty tany an-efitra, ankoatry ny olona anankitelo. Ankehitriny hazony izany.

¹³³ “Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, izay fanahy valo ihany no novonjena tamin'ny rano, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona.” “Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, izay anankitelo ihany no nivoaka avy tao Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny andro izay hisehoan'ny Zanak'olona.” Manonona fotsiny ny Soratra aho, ny Tenin'ny Tompo, fa, “Ny lanitra sy ny tany ho levona . . .” Ho vitsy izany!

¹³⁴ Mariho eto. Mankeo amin'i Arona i Mosesy. Tsy maintsy ho Andriamanitra i Mosesy. Andriamanitra no niteny taminy mba ho Andriamanitra, nanao hoe, “Ho Andriamanitra ianao, ary aoka i Arona rahalahinao no ho mpaminaninao. Ianao no hametraka ny teny ao am-bavany raha tsy mahay miteny tsara ianao.” Hoy Izy, “Fa iza no nanao ny olona ho moana? Iza no nanao ny olona hiteny?” Ny Tompo izany.

Dia nidina tany izy. Inona no nataony? Nanao fahagagana marina sy tena izy izay nolazain'Andriamanitra taminy mba hataony izy. Andriamanitra no niteny taminy hoe, “Mandehana atsipazo ny tehinao.” Noraisiny ilay izy, dia lasa menarana. Noraisiny ilay izy, dia niverina ho tehina. Hoy Izy, “Mandehana ataovy eo anatrehan'i Farao izany, ka manaova hoe, ‘HOY NY TOMPO HOE.’”

¹³⁵ Ary rehefa nahita an'izany i Farao, hoy isika hoe, “Nahoana, fitaka mora kelin'ny mpanao ody.” Hoy izy, “Tsy misy dikany io. Fifandraisana ara-tsaina io na zavatra anankiray, fantatrarao. Manana lehilahy izahay ao amin'ny rafi-pandaminanay izay afaka manao zavatra mitovy amin'io. ‘Avia aty, ry Eveka *Ranona-sy-ranona*. Ary, ianareo, mivoaha aty ianareo.’ Manana an'ireo izay afaka manao zavatra mitovy amin'io izahay.” Izany no Satana niteny tamin'ny alàlan'i Farao.

Izany no Andriamanitra niteny tamin'ny alàlan'i Mosesy.

¹³⁶ Fa diniho ilay namana nivoaka. Jana sy Jambra no niseho teo anatrehan'i Mosesy, ary teo anatrehan'ny olona mivantana, ka naneho an'ilay tena fahagagana izay vitan'i Mosesy. “Hamitaka ny tena Voafidy izy ireo raha azo atao.” Marina ve izany? Nanao an'ilay zavatra nitovy tamin'izay nataon'i Mosesy. Azonareo ve ilay izy? Ankehitriny tsarovy, izany no HOY NY SORATRA HOE, fa hiverina indray izany amin'ny andro farany.

Inona ilay fahasamihafana teo amin'i Mosesy sy Jambra?

Hoy Mosesy hoe, “Aoka hisy rà eo amin'ny rano.”

Dia hoy ireo mpaminany sandoka ireo hoe, “Azo antoka, izahay dia manisy rà eo amin’ny rano, ihany koa.” Ary dia nitranga izany.

¹³⁷ Dia hoy Mosesy hoe, “Aoka ho tonga ny parasy.” Taiza no nahazoany an’izany? Avy tamin’Andriamanitra avy hatrany. Hitanareo?

Ary inona no nataony? Hoy izy hoe, “Eny, azo antoka, izahay dia afaka mitondra parasy, ihany koa.” Dia nataony izany. Izay fahagagana rehetra vitan’i Mosesy, dia vitan’izy ireo, ihany koa!

Tsarovy, ataovy ao an-tsaina izany, ho tonga eo amin’izany isika, afaka kelikely. Vitan’izy ireo ny zavatra rehetra izay vitan’ny sisa rehetra tamin’izy ireo, saingy tsy vitan’izy ireo ny nijanona tamin’ny Teny. Tsy vitan’izy ireo ny nijanona tamin’ny Teny.

¹³⁸ Ankehitriny mariho, fa nataon’izy ireo izany. Fa i Mosesy kosa, ilay tena mpaminany nirahina avy tamin’Andriamanitra, nirahin’Andriamanitra, izy dia tsy nifamaly tamin’izy ireo mihitsy, nanao hoe, “Indro, tsy vitanareo izany! Tsy vitanareo!” Navelany nipetraka tsara fotsiny izy ireo, navelany nanohy fotsiny izy ireo. Mpaminany ara-rafi-pandaminana izy ireo, saingy mandehana.

Nanohy fotsiny i Mosesy, nihaino an’Andriamanitra. Na inona na inona nolazain’Andriamanitra, “Ankehitriny ataovinao *ity*,” dia nandeha i Mosesy ary nanao an’ilay izy. Nanao zava-baovao anankiray izy. Rehefa nanao izy ireo, dia ny tsirairay avy tamin’izy ireo no nanana fihetseham-po na zavatra hafa, indro fa tonga izy ireo. Izy ireo dia nanao an’ilay izy, ihany koa, tena tahaka ny nataon’i Mosesy mihitsy tokoa.

¹³⁹ Ankehitriny mariho. Nipoitra ireto lehilahy ireto... Oh, ianareo olona ireo, aza diso an’ity! Ireo mpisandoka, mpaka tahaka ireo, dia niseho taorian’ny nivoahan’ilay tena marina aloha. Hitanareo? Tonga mba haka tahaka izy ireo. Hitanareo, tsy maintsy izany izy ireo. Tsy afaka mamorona na inona na inona ny devoly; mpanimba an’ilay tany am-boalohany fotsiny izy.

Ary inona ny ota? Ny fahamarinana nosimbaina izany. Inona ny fijangajangana? Ny fihetsika marina nosimbaina. Inona ny lainga? Ny marina diso fandika. Fanimbana anankiray!

Jereo i Hanania, fanimbana anankiray an’ilay Teny tany am-boalohany. Jereo i Balama, fanimbana anankiray an’ilay Teny tany am-boalohany. Jereo i Zedekia, ilay fanimbana an’ilay Teny tany am-boalohany.

Ary ny Baiboly no nilaza fa hivoaka ireo lehilahy ireo, aorian’ilay manimba... na hanimba an’ilay Teny tany am-boalohany voamarina ary voaporofa ho ny Fahamarinana.

¹⁴⁰ “Ataovy ny asan’ny evanjelista,” ao amin’ilay vato fehizoro, “tanteraho ny fanompoanao. Fa ho avy ny andro izay

tsy hahazakan'izy ireo ny Fampianarana tsy misy kilema, fa araka ny filàn'izy ireo manokana dia hamory mpampianatra ho an'ny tenany izy ireo, hangidihidy sofina; ary dia handeha ka hanao izay zavatra rehetra tiany hatao, ary, "Tsara daholo izany, manana ny famantarana sy fahagagana iray ihany isika." Ary hiala amin'ny Fahamarinana, ka miditra ao anatin'ny anganongano, ireo dogma."

¹⁴¹ Oh, ilay fitandreman'ny Fanahy Masina, ilay fatahorana izay mandona ny fanahin'ny olona rehefa mijanona izy mba hieritreritra hoe toy ny inona no maha-tena misy sy feno an'ilay izy eo anatrehantsika! Angadio ilay vato fehizoro eto ka vakio ny singa-taratasy izay natao ao anatiny ao, telo amby telopolo taona lasa izay. Jereo izay Nolazainy tany amin'ny—ny Làlambe Fahafito, ilay maraina rehefa napetraka io vato fehizoro io. Ankehitriny diniho izany. Diniho eto amin'ny renirano eto, rehefa nidina ilay Anjelin'ny Tompo tamin'ny endrika Andry Afo anankiray, fiangonana an-jatony, na olona avy amin'ny fiangonana, nitsangana nanodidina ny moron-drano; izay Nolazainy, jereo raha miseho izany. Jereo izay nitranga.

Tena mafy ilay izy. Fantatro fa toa mafy ilay izy, ry rahalahy, any. Saingy izany no . . . Ny Baiboly no nilaza, Jesosy Tenany no nilaza hoe, "Hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo natao." Tsy misy làlana intsony amin'izany. Tsy afaka hahita an'Izany intsony izy ireo. Raha azo natao, dia ho voafitak'izany ireo tena Voafidy.

¹⁴² Mariho, ireo lehilahy ireo dia nipoitra taorian'ny nanirahana an'ilay tena voahosotr'Andriamanitra; tamin'ny alàlan'ilay tena Mpaminaniny, Mosesy. Ary rehefa nanao zavatra anankiray i Mosesy, dia naka tahaka an'izany izy ireo.

¹⁴³ Ankehitriny, rahalahy, ranabavy, izaho. . . Fiangonako manokana ity. Manana zo aho ny hitory izay tiako toriana, raha mbola avy amin'ny Tenin'Andriamanitra foana izany. Ary tsy manameloka anareo olona aho, fa ndao isika handinika an'izany ho an'ny andro sy ny ora izay iainantsika ankehitriny.

Miarahaba an-dRahalahy Ruddell, an'i Junior Jackson, ary ireo izay eto, ireo fiangonana rahalahintsika. Adinoko izy ireo, teo aloha teo. Heveriko fa izy ireo dia mifandray izao maraina izao, ihany koa, noho ny tsy—tsy fisian'ny efitra ao am-piangonana.

¹⁴⁴ Eritrereto fotsiny izany ankehitriny, mandritry ny iray minitra fotsiny. Nanao ny fahagagana mitovy tamin'izay nataon'i Mosesy izy ireo. Nitondra parasy i Mosesy; naka tahaka an'izany izy ireo ary nitondra parasy. Hitanareo?

Hoy Andriamanitra hoe, "Amin'ny andro hihinanareo an'izany, amin'izany andro izany dia ho faty ianareo."

¹⁴⁵ Tonga teo i Satana ka nanao hoe, "Azo antoka, fa tsy ho faty ianareo. Ho hendry fotsiny ianareo. Hanana

rafi-pandaminana anankiray tsara ianareo, anankiray tsara . . .” Fantatrareo. “Fantatrareo, ny zavatra rehetra dia ho tsara daholo aminareo, hanana Hazavana betsaka.” Hitanareo, fanimbana anankiray fotsiny. Tokony . . .

Ary tsarovy, HOY NY TOMPO HOE, araka ny Timoty Faharoa 3:18, fa, “Amin’ny andro farany, io Jambra sy Jana io dia ho eny ambonin’ny tany.” Ankehitriny, tiako ianareo hahamarika fa nisy anankiroa tamin’izy ireo, hitanareo, mpaka tahaka.

¹⁴⁶ Ankehitriny dia hiverina any Sodoma isika, afaka kelikely, ireo anankitelo, hahita an’ireo Anjely anankitelo izay nidina, ka hahita ny fakan-tahaka, sy ny sisa, hitanareo, hahita hoe iza no marina sy diso. Hitanareo? Hitanareo?

¹⁴⁷ Mariho, nanao an’ireo fahagagana iray ihany izy ireo. Saingy, mariho, naka tahaka izy ireo taorian’ny naha-voahosotra an’ily Teny marina, tamin’ny alàlan’ily marina izay nirahin’Andriamanitra; nanaraka, faharoa.

Manontany tena aho raha afaka hieritreritra isika mandritry ny iray minitra. Mandray ny olona amin’ny tàmàna, vao tsy ela akory izay, eo amin’ny roapolo taona lasa eo izay, ary famantarana iray no niseho. Ry tovolahy, nisy famantarana betsaka teo amin’ny zavatra rehetra, ary ny olona rehetra . . . Ny anankiray nanana an’ily izy teo amin’ny tàmàny havanana; ny anankiray nanana an’ily izy teo amin’ny tàmàny havia; ny hafa nanimbolo an’ily izy. Hitanareo, ny karazany rehetra . . . Ary manontany tena aho . . . Andriamanitra tsy hamela ahy hiteny aminareo amin’ity fotoana ity hoe inona marina ilay fahamarinana, fa indray andro any dia hahita ianareo. Izany dia ny mba hahatonga ny fahadalan’izy ireo ho voaseho fotsiny. Tsy marina ilay izy, hatrany am-piandohana. Ho lazaiko aminareo, indray andro any, raha avelan’ny Tompo.

¹⁴⁸ Mariho, nanao an’ireo fahagagana iray ihany izy ireo, saingy izy ireo tsy . . . Mariho, fa izy ireo dia tsy nanao an’ily izy raha tsy taorian’ny nisehoan’ily Teny tany am-boalohany, aloha. Izany no fomba nataon’i Satana tao amin’ny sahan’i Edena. Izany no fomba nataony hatramin’ny farany. Iza no naminany voalohany? Mosesy. Iza no niseho teo amin’ny sehatra voalohany, Mosesy sa Balama? Mosesy. Iza no niseho teo amin’ny sehatra voalohany, Jeremia sa Hanania? Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

¹⁴⁹ Mariho, fa nandika izy ireo. Mpaka tahaka ara-nofo, tso-po, mihevitra fa izy ireo dia “manao fanompoana iray an’Andriamanitra,” tahaka ny nataon’i Davida, tamin’ny herinandro lasa, saingy fakan-tahaka ara-nofo. Miandry iray minitra fotsiny aho. Tiako ianareo hieritreritra ny

manelanelana an'ireo toerana ireo. Raha tsy izaho no miteny an'ilay izy, dia azo antoka fa ny Fanahy Masina no hanambara azy, indrindra ho an'ny Voafidy. Hitanareo?

¹⁵⁰ Hoy ny anaram-piangonan'i Farao hoe, “Manana olona izay mahavita zavatra mitovy amin'io izahay,” ary dia nataon'izy ireo izany. Hitanareo? Nahoana no nanao an'izany i Farao? Nahoana no navelan'Andriamanitra izany? Nahoana Andriamanitra no naniraka mpaminany marina, voahosotra nidina teo mba hanao famantarana iray teo anatrehan'i Farao, nefa avy eo dia mamela dika ara-anaram-piangonana ho tonga eo ka handika an'ilay izy teo anatrehan'ny olona? Nahoana Izy no mamela mpaka tahaka anankiray hitsangana hanao an'ilay izy, ary hanao an'ilay zavatra mitovy tanteraka amin'izay nataon'ilay Fanahin'Andriamanitra tena izy? Hitanareo, tsy maintsy tanteraka ny Soratra.

¹⁵¹ Mariho, nanao an'izany Izy mba Hanamafiany ny fon'i Farao sy ireo Egyptiana, mba hanaporofa fa tsy Mosesy irery ihany no hany nanana an'ilay Teny. Afaka nanao ny zavatra rehetra mitovy tamin'izay nataon'i Mosesy mihitsy izy ireo.

Ary nahoana Andriamanitra no namela an'io zavatra io hitranga amin'ny andro farany? Noho izany, ilay zavatra iray ihany tahaka an'ilay fanahy mandainga izay niteny tamin'i Zedekia hoe, “Ahoana no hahazoanay an'i Ahaba handeha ho any, hahatonga an'ireo zavatra ireo hiseho?” Ahoana no Hahazoany an'ireto olona ireto, hahatoky ny fiangonany, hivoaka eto mba hamela an'io zavatra io hiseho, dia izay Nolazainy mialoha? Izy ireo, ao amin'io Taom-piangonan'i Laodikia io, “Satria milaza ianao fa ianao dia ‘manan-karena, ary tsy manan-java-mahory. Mipetraka ho mpanjaka vavy aho.’ Tsy manana na inona na inona ianao! Tsy fantatrao ve fa ianao ilay ory, mahantra, jamba? Fa manoro hevitra anao Aho mba hividy Amiko,” hoy Izy, “diloilo sy volamena.” Nahoana Izy no nanao an'izany?

¹⁵² Nahoana Izy no namela an'io fakan-tahaka io hipoitra amin'izao andro farany izao, raha tsy maintsy hiseho amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra marina ireo zavatra ireo; sy namela mpaka tahaka ho tonga ka hanao an'ilay zavatra mitovy, nefa mandà ny Tenin'Andriamanitra marina? Nataony tamin'i Mosesy izany. Ary Farao nanao an'izany nanohitra an'i Mosesy; ary izy ireo, Jana sy Jambra, nanao an'izany nanohitra an'i Mosesy. Ary ny Baiboly no nilaza fa hiverina indray izany amin'ny andro farany. Eo isika izao. Ankehitriny, raha tsy izany no Soratra izay tanteraka, dia inona ilay izy?

¹⁵³ Nifamaly tamin'izy ireo ve i Mosesy ka nanao hoe, “Eto! Eto! Tsy afaka manao an'io ianareo. Izaho irery ihany no hany voatendry hanao an'io. Eto! Ajanony io, izao ankehitriny izao”? Navelany nandeha fotsiny izy ireo.

Avelao izy ireo hanohy. Tsarovy, hoy ny Baiboly hoe, “Tahaka ny naha-voaseho ny fahadalan’izy ireo, dia ho voaseho toy izany koa ireo zavatra ireo amin’ny andro farany,” rehefa hakarina ny Ampakarina ka ho entina any an-danitra. Mariho.

¹⁵⁴ Mosesy, ilay Teny marina voaseho, dia tsy niteny na inona na inona mihitsy, namela an’ily izy handeha fotsiny. Fa Izy no nanao an’izany mba Hahafahany manamafy ny fon’i Farao, hamitaka an’i Farao.

Izy no nanao an’ily zavatra tena mitovy io mba Hahafahany mamitaka an’i Ahaba. Ary io tovolahy kely nitsangana irery teo io, Mikaia kely, no niteny tamin’izy ireo hoe, “HOY NY TOMPO HOE.” Indro nisy anankiray hafa nitsangana, voahosotra, “HOY NY TOMPO HOE.” Nefa nifanohitra, izy roa.

¹⁵⁵ Mitsangana isika amin’izao fotoana izao miaraka amin’ny HOY NY TOMPO HOE, fa ny batisan’ny rano amin’ny andro farany dia tsy maintsy amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy. Ary hitsangana ny lehilahy anankiray ka hanao fahagagana, sady, trinitrana anankiray.

Asehoy ahy ny teny hoe *trinite* ao amin’ny Baiboly. Asehoy ahy hoe aiza no misy Andriamanitra telo. Asehoy ahy hoe aiza ho aiza no misy zavatra tahaka an’izany. Tsy ao anatin’ny Tenin’Andriamanitra izany. Tsy misy mihitsy zavatra toy ny hoe olona anankiray mba natao batisa tamin’ny anaran’ny “Ray, Zanaka, Fanahy Masina,” nampiasa titra telo. Ireo zavatra rehetra ireo, “Oh, mety tsara daholo izany, ranabavy. Mety tsara daholo izany, tazony fotsiny ny lava... ny volonareo fohy. Mety tsara daholo izany, tsy mila manao an’ity ianareo, *itsy*, na ny *hafa*. Oh, fahadalana izany, fanao tranainy.”

Saingy ny Baiboly no nilaza! Ary Izy no nampanantena hoe, “Amin’ny andro farany, dia handefa ny Fanahin’i Elia Izy, ka hiantso ny olona, ireo zanak’Andriamanitra, hiverina amin’ily Finoana tany am-boalohany tahaka ny tany amin’ny fiandohana, an’ny Teny.” Nohamarinina ny Teny, ny Zanak’olona amin’ny andro farany, mitovy amin’izay tany Sodoma; omaly, anio, ary mandrakizay. Nampanantena ny hanao an’izany Izy. Fampanantenan’Andriamanitra izany. Izany no HOY NY TOMPO HOE.

¹⁵⁶ Mariho, nanao an’ily zavatra mitovy izy ireo, tahaka ny nataon’i Mosesy mihitsy, mandra-pahatofoka an’Andriamanitra amin’ily izy.

Ankehitriny tsarovy, izany no HOY NY TOMPO HOE, hiseho izany amin’izao andro farany izao. Ankehitriny, mitadiava eran’izao tontolo izao; alaivo ny fombam-pivavahana rehetra, alaivo ny antoko rehetra, alaivo ny olona rehetra, alaivo

ny fiangonana rehetra! Miantso anareo aho, amin'ny Anaran'i Kristy, hanao an'izany, ianareo mpitory teny ireo. Miantso anareo aho hamaky ny gazety na handinika tsara na aiza na aiza tianareo haleha, ka hijery raha tsy efa eto ambonin'ny tany izany amin'izao ankehitriny izao. Hitanareo?

Noho izany, Matio 24:24 dia tena marina tokoa. “Sandoka, ireo voahosotra dia hitsangana amin'ny andro farany, ary ho mpaminany sandoka, ka hamitaka ny maro.” Diniho izany ao amin'ny tandindona ankehitriny, fa tonga izany ankehitriny, hitanareo, “Hamitaka ny maro.” “Ireo mpaminany,” maro; “ireo Kristy,” ireo voahosotra, maro; ireo maro samihafa, ny Metodista, fantatrareo, sy Batista, sy ny Pentekotista, sy ny sisa. Hitanareo?

Saingy misy Kristy tokana tena izy, Fanahy, ary izany dia ny Teny tonga nofo araka ny Nampanantenainy fa hataony.

Ankehitriny dia handroso lavidavitra kely fotsiny isika, ho amin'ny Soratra hafa.

¹⁵⁷ Rehefa, tofoka tamin'ilay izy Andriamanitra, dia tamin'izay fotoana izay no nifarana izany. Voaseho ny fahadalan'izy ireo.

¹⁵⁸ Mariho. Tsarovy, fa ilay akofa dia toy ny tena voam-bary mihitsy. Hitanareo? Ankehitriny, ianareo tsy afaka niteny, tany amin'ny taonan'ny Loterana tany hoe, “ilay taho no vary,” nefa nanana an'ilay Aina tao anatin'ny izy. Tsara ilay taho, ilay Aina tao anatin'ilay taho dia tsara, saingy, tsarovy, nandeha nandroso ilay Aina; nandroso avy tao amin'i Elisa nankao amin'i Elia. Nitohy nandroso ilay Aina. Saingy, tsarovy, ao amin'ny ambaratonga anankiray hafa izy. Tsy afaka mijanona ao amin'io ambaratonga io izy. Tsy afaka mihinana ny fatim-bibin'ny taona hafa anankiray isika. Tsy afaka mihinana fatim-biby Pentekotista isika, Metodista, na Batista. Hitanareo, lasa fatim-biby ilay izy. Manana Sakafy vaovao isika, ny Tenin'izao ora izao, sy ny sisa.

¹⁵⁹ Tsarovy, ilay akofa dia tena tahaka an'ilay voam-bary mihitsy. Ianareo tsy afaka...Tsy nitovy tamin'io izy tao amin'ilay ravina, tsy nitovy tamin'io izy tao amin'ilay felana, saingy azo antoka fa tahaka an'io izy tao amin'ilay akofa. Tsy nitovy tao amin'ilay...Jesosy Kristy no tsy miova omaly, tao amin'i Lotera; tsy nitovy tamin'izany tao amin'i Wesley; saingy azo antoka fa nitovy tao amin'ny Pentekosta, ilay “hamitaka ny tena Voafidy raha azo natao.” Hitanareo? Io ny taonanareo.

¹⁶⁰ Fa tsarovy, io fiangonana Pentekotista io, amin'ny andro farany, dia ny Laodikia; ary noroahina Kristy, ilay Vihy, ilay Vary, Izy tenany. Rehefa niezaka Izy...Tsarovy, rehefa niezaka Izy ny haneho ny Tenany tao amin'ny fiangonana, dia navoaka Izy. Mbola fiangonana foana izy tamin'izany, nilaza tena ho izany; voahosotra.

Saingy *ity* ny Teny, Kristy Tenany, izany no Teny voahosotra izay ho tonga ho an'ireo ambin'ny Vatany, ny Ampakarina. Ilay voahosotra, avy amin'ilay rano iray ihany izay nanondraka ny vary, araka ny noresahantsika, ka manondraka ihany koa an'ireo tsimparifary, ireo voahosotra. Ny Voafidy irery ihany, na voafidy mialoha, no afaka hitily ny fahasamihafana eo amin'izy ireo. Ankehitriny, Efesiana 5:1 dia miteny aminareo an'izany koa, sy ny hoe ahoana ilay izy.

¹⁶¹ Voahosotra izy ireo. Ny olona rehetra dia manao hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Manana fahalalahana izahay eto. Haleloia! Izahay... Oh, haleloia! Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izahay, sady mitsambikina. Manana fahalalahana ho an'ny vehivavy izahay; ianareo olona ireo dia miezaka ny hametraka azy ireo eo ambanin'ireo karazan-javatra rehetra ireo." Hitanareo? Mandehana. Tsy misy na inona na inona azonareo atao. Hoy ianareo, "Eny, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izahay. Mihiakiaka izahay. Mandihy ao amin'ny Fanahy izahay. Mitory ny Teny izahay." Tena izany tokoa. Tsy misy zavatra azo lazaina hanoherana an'izany. Ireto lehilahy ato amin'ny Baiboly ireto koa mba nanao an'izany.

Hoy Jesosy hoe, "Hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo natao, ny tena Voafidy."

¹⁶² Ankehitriny mariho ilay akofa. Avy tao amin'ilay Voa tany am-boalohany, Voa izay niditra tao anatin'ny tany, tsy rafi-pandaminana velively Izany. Voa anankiray Izany, ao amin'ny Tenany. Saingy rehefa nitsiry ilay izy, dia tsy Voa anankiray izany; rafi-pandaminana anankiray ilay izy, hitanareo, ravina, fonony.

Avy eo rehefa miditra ao anatin'ny ambaratonga anankiray hafa Izy, dia ny felana. Fa mbola tsy tahaka an'ilay fiandohana foana izy. Rafi-pandaminana anankiray izy.

Miditra ao amin'ilay akofa Izy, ravina maro, Pentekosta, saiky efa naka endrika ankehitriny. Jereo izy. Miha-maka endrika hatrany izy, saiky tena mitovy tanteraka mihitsy, mitovy tanteraka amin'ny Voan'ny vary rehefa mijery an'ilay hodiny kely eo ianareo.

Fa ny hiafarany dia voaseho Izy, ary tsy misy rafi-pandaminana. Tsy misy mpitondra intsony. Ny rafi-pandaminana dia mpitondra anankiray fotsiny. Tsy misy mpitondra intsony; tsy maintsy maty ilay taho, tsy maintsy maty ilay akofa, ny zavatra hafa rehetra dia tsy maintsy maty, fa ny vary kosa no mitohy velona. Izany no vatan'ny fitsanganana, midina avy hatrany ary maka azy ireo. "Ireo farany no ho voalohany, ary ireo voalohany no ho farany." Hitanareo, maka azy ireo avy hatrany ao amin'ny fitsanganana. Arakareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Mariho, ilay voa dia... .

¹⁶³ Ilay akofa dia tena mitovy amin'ilay voa mihitsy. Ary ny olona anankiray manao fambolem-bary, na zavatra anankiray hafa, dia hijery ka hanao hoe, "Deraina Andriamanitra, nahavokatra vary aho," nefa tsy manana potim-bary anankiray akory izy. Tena mitovy amin'ny vary tanteraka mihitsy ilay izy, saingy akofa izany.

¹⁶⁴ Ankehitriny, ry sakaiza, miverena any aoriana miaraka amiko. Taiza no nahatongavan'ny fifohazana voalohany, taorian'ny (fahafatesana) ireo andro izay tsy maintsy nilatsahan'ilay voam-bary tamin'ny tany, ilay Vatana, ilay Ampakarin'i Kristy? Kristy no nandrafitra ny Ampakariny, marina ve izany, ny Fiangonany? Tsy nandrafitra an'izany mihitsy Izy; nametraka an'ireo apostoly fotsiny Izy, sy ireo mpaminany, sy ny sisa, tao amin'ilay Fiangonana, mba hihazona Azy ho madio. Saingy tany Nise, Roma, enina amby telonjato taona taty aoriana, dia izy ireo no nandrafitra an'izany ary nanao rafi-pandaminana anankiray avy tamin'izany. Marina ve izany? Ary maty izy. Ny zavatra rehetra izay tsy nifanaraka tamin'io fiangonana io dia novonoina ho faty. Ary natory tsara izy, nandritry ny taon-jato maro, tao anatin'ilay tany.

Saingy, afaka kelikely, dia nipoitra izy tao amin'i Lotera. Ireo rantsana kelin'ny fonony voalohany no nipoitra. Ny faharoa, dia nitsimoka avy tao izy. Nanohy izy ireo, nanana an'i Zwingli sy ny sisa, ary ireo rafi-pandaminana hafa sy ny sisa. Avy eo, afaka kelikely, tonga ny Anglikana.

Ary avy eo inona no nitranga? Indro tonga i Wesley niaraka tamin'ny fifohazana vaovao, ilay felana, izay mitovy kokoa amin'ilay Vary. Avy eo inona no nitranga tamin'io? Lasa rafi-pandaminana izany, dia maina ary maty.

Niditra tao amin'ny akofa avy hatrany ilay Aina, ary ilay akofa dia nivoaka saiky nitovy tanteraka mihitsy amin'ilay Vary. Saingy, ny niafarany, dia voaseho ny fahadalany tao anatin'ny valo na folo taona farany, indrindra tao anatin'ny telo taona farany. Ankehitriny inona no ataony? Manalavitra an'ilay Vary.

¹⁶⁵ Ankehitriny nahoana no tsy nisy rafi-pandaminana anankiray mihitsy nitsangana tao amin'ireo roapolo taona farany an'io fifohazana lehibe io; mpaminany voahosotra ireo, mpampianatra voahosotra, sy ny sisa, saingy nahoana no tsy nisy teo? Tsy misy na inona na inona aorian'ilay Voa. Hitanareo, miverina indray Izy, tsy misy rafi-pandaminana. Oh, oadray, ny olona jamba dia afaka mahita an'izany. Tsy afaka manao rafi-pandaminana Izy; tena manohitra mafy an'izany Izy. Izany ilay voam-Bary, Izy tenany. Ho voaseho ilay Zanak'olona. Ilay voam-Bary dia hiverina amin'ny Tenany indray, ny Zanak'olona amin'ny andro farany.

“Ary ho tonga ireo sandoka, fakan-tahaka an’Izany, amin’ny andro farany, izay saiky hamitaka ny Voafidy raha azo atao.” Jereo ireo akofa ara-rafi-pandaminan’izy ireo izay manalavitra ankehitriny.

¹⁶⁶ Mamelana an’ilay Vary ho fantatra fotsiny Izany, amin’ilay Voafidy, izay ampahan’Izany. Mariho hoe mahafinaritra toy ny inona no nitondrana an’izany eto ankehitriny. Tsy misy afa-tsy ny... Mariho, ireo voahosotra no afaka; ilay marina, Voafidy, voafidy mialoha, Efesiana 5:1, na 1:5, raha ny marina, no ho voatendry, voafidy. Tsy misy afa-tsy ireo ihany no tsy ho fitahin’izany.

Mariho, ireo mpaminany voahosotra dia ho sandoka, ary hisy voahosotra marina eo anivon’izany. Ahoana no hilazanareo an’ilay izy? Amin’ny alàlan’ny Teny. Tahaka ny, nananantsika azy tao amin’ny tandindona. Hitanareo ve ilay izy? Manaova, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Hitanareo?

¹⁶⁷ Mariho, ireo voahosotra, ny Teny irery ihany ho hanavaka azy ireo, tsy ireo famantarana. Oh, tsia. Hanao famantarana mitovy izy ireo, saingy ny Teny no nanavaka azy ireo. Azo antoka. Izy rehetra dia naminany. Izy rehetra dia nanao an’*ity*, *itsy*, ary ny *hafa*, azo antoka, fa tena mitovy. Jesosy no nilaza fa hanao zavatra mitovy izy ireo. Saingy ny Teny no nanavaka azy ireo, mariho, fa tsy ireo famantarana.

¹⁶⁸ Efa voamarikareo ve? Jesosy no nilaza eto, ao amin’ny Matio 24. Tsy nilaza Izy hoe, “Hisy an’ireo Jesosy sandoka amin’ny andro farany.” Oh, tsia, tsy hahatanty an’izany mihitsy izy ireo. Tsia. Alaivo ny Pentekotista anankiray izay tena Pentekotista, hilaza, ny tenany, hoe izy no “Jesosy”? Hitanareo? Alaivo ny Metodista sandoka anankiray, na Batista anankiray, na olona tahaka an’izany, na ny anankiray amin’ireo rafi-pandaminana, hilaza hoe, “Izahay no Jesosy”? Mahafantatra tsaratsara kokoa noho izany izy ireo. Tsy hanao an’izany izy ireo. Saingy ny Baiboly no nilaza fa izy ireo dia ho “ireo Kristy sandoka,” tsy ireo Jesosy, fa, “ireo Kristy sandoka.” Tsy hanaiky mihitsy izy ireo, ny hilaza hoe, “Izaho no Jesosy.” Oh, tsia.

¹⁶⁹ Fa izy ireo dia “ireo Kristy sandoka,” nefa tsy fantany izany, satria mifanohitra amin’ny Teny izy ireo. Ary Andriamanitra no manamarina an’ilay izy. Ankehitriny, dia mitondra an’izany mihitsy eo amin’ny fanehoan-kery anankiray aho ankehitriny, satria ianareo dia nahita an’ilay zavatra nataon’ireo olona mitovy amin’izay nataon’ireo tena izy. Ary Jesosy no niteny an’izany.

¹⁷⁰ Ankehitriny, araka ny nolazaiko, ankehitriny ho anareo olona any ivelany any, ao amin’ny firenena misy telefaona any, izaho—izaho tsy manameloka anareo, fa fiangonako ity

ary—ary antokon'oloko izay nametrahan'ny Fanahy Masina ahy, ary tsy maintsy milaza amin'izy ireo ny Fahamarinana aho. Efa tara ny ora.

¹⁷¹ Ankehitriny, tsy hahatanty an'izany izy ireo, saingy, “ireo Kristy sandoka,” sandoka, ireo voahosotra, saiky miaraka amin'ny famantarana tsirairay sy ny litera tsirairay an'ny Teny. “Mino ny batisan'ny Fanahy Masina ve izy ireo?” Tena izany tokoa. “Mino an'ity rehetra ity?” Eny. “Mino ny teny amin'ny fiteny tsy fantatra?” Eny. “Mino fa ireo famantarana sy fahagagana no manaraka, ireo famantarana sy fahagagana no hanaraka azy ireo?” Eny. Tsy ireo Metodista izany, tsy ireo Batista izany. Tsia, tsia. Ireo Pentekotista izany. Hitanareo, izao no andro farany.

Ankehitriny, ilay taom-piangonana voalohany dia tsy nahamarika an'izany mihitsy. Ny taom-piangonana Metodista tsy nahamarika an'izany mihitsy; ny taom-piangonana Batista, tsy nahamarika an'izany mihitsy izy ireo; ny taom-piangonana Presbyterana, tsy nahamarika an'izany mihitsy izy ireo. Fa, ny Pentekotista, tena mifanakaiky toy ilay tena Zavatra mihitsy! Eo amin'izany, ilay Vary, ilay akofa dia saiky mitovy amin'ilay Vary. Tsy ho voamarik'izy ireo mihitsy izany. Hitanareo? Tsy nahamarika izy ireo. Fa ny andro farany izany, izao andro izao. Eny, tompoko.

¹⁷² Mariho, tena tahaka ny tany am-piandohana mihitsy, dia ho toy izany koa amin'ny fiafarana. Tahaka an'i Eva nanao fandikana diso ny Teny anankiray, nataon'i Satana tamin'i Eva, ka nino an'izany izy. Izy, fa tsy izy; ilay fiangonana, fa tsy Izy. Hitanareo? Ny fiangonana no hany nandray an'ilay teny sandoka. Hitanareo? Tsy Adama; Eva. Tsy ilay Kristy; ilay fiangonana, ilay ampakarina, ilay voahosotra, nihambo ho izany, miantso ny tenany ho Ampakarina, hitanareo, izy no nandray an'ilay teny sandoka.

Tsy hitanareo ve izany? Nahoana, mifamatotra tahaka ny tadin-kiraro ilay izy, tahaka ny volomaso eo ambonin'ny masonareo. Nahoana, ny zavatra rehetra izay avadikareo, ny Baiboly, dia mampiraikitra an'ilay izy miaraka izany. Eva, fa tsy Adama; Eva no nino an'izany, fa tsy Adama. Ny ampakarina amin'izao fotoana izao, ilay noheverina ho, no nino an'izany; fa tsy ilay Kristy. Nanana ny karazany rehetra ilay ampakarina, ilay noheverina ho ampakarina; famantarana mitovy, fahagagana mitovy, ny zavatra rehetra mitovy; saingy tsy ilay Hany marina. “Hamitaka ny Voafidy raha azo natao izany.”

Ankehitriny haingakaingana, raha afaka hahavita an'ity ao anatin'ny dimy ambin'ny folo minitra isika, dia ho marim-potoana isika. Mariho tsara mihitsy ankehitriny, amin'izay ianareo dia tsy ho—ianareo dia tsy ho diso fahazoana, ho anareo.

¹⁷³ Ankehitriny, tsia, tsy ho tantin'izy ireo ny hantsoina hoe “Jesosy sandoka.” Tsy hahavita izy ireo, hahatanty ny hantsoina hoe, “Jesosy.” Tsia tokoa. Tsotra loatra izany. Ny olona rehetra dia hahafantatra an'izany. Na iza na iza dia hahafantatra fa tsy Jesosy izy ireo. Tsy ahoako na manana diloilo izy ireo ao an-damosiny, sy rà eny amin'ny tãnany sy eo ambony sy ambanin'ny masonry, fantatr'izy ireo foana fa izany dia . . . Izay rehetra manan-tsaina tsara, dia nahafantatra fa tsy Jesosy izany. Hitanareo? Tsy hahatanty an'izany izy ireo. Saingy izy ireo dia miantso ny tenany ho “ny voahosotra.” Ary manao famantarana sy fahagagana izy ireo, “mba saiky hamitaka ny Voafidy.” “Fa ireo Kristy sandoka, ireo voahosotra, dia hitsangana, ary hamitaka ny Voafidy raha azo natao.”

¹⁷⁴ Ankehitriny diniho tsara. Aza diso an'izao filazana izao, satria mendrika ho henoina izany.

Mametraka ribà anankiray fotsiny izy eto amin'ity fanamafisam-peo ity, hihazona azy tsy hihetsiketsika. Tsemboka aho; dia milatsaka eo amin'ilay ribà, hitanareo.

¹⁷⁵ Ary noho izany dia ho toy izany mihitsy Izy, ny Baiboly, no nilaza fa ho toy izany ilay izy. Hitanareo?

¹⁷⁶ Mariho, tsy hoe ireo Jesosy sandoka. “Ireo Kristy sandoka!” Mino izy ireo fa voahosotra izy ireo, saingy fantatr'izy ireo fa tsy Jesosy izy ireo. Hitanareo, tsotra loatra izany. Raha nisy olona tonga ka nilaza hoe, androany, “Jereo ireo holatra amin'ny tãnako. Jereo ny handriko. Izaho no Jesosy.” Eny, ankehitriny, fantatsika fa diso izany. Ary, tsarovy, Jesosy tsy nilaza mihitsy fa izany lehilahy izany no hiseho. Nilaza Izy fa hiseho “ireo Kristy sandoka.” “Ireo Kristy,” maro, anaram-piangonana, sy ny sisa, *ireo voahosotra*; voahosotry ny fanahin'anaram-piangonana, fa tsy ny Teny. Arakareo ve izany? Tsy Jesosy sandoka. “Ireo Kristy sandoka,” sandoka, ireo voahosotra. Hitanareo? Oh, tsotra toy ny inona! Ahoana isika . . . Azo antoka fa tsy ho diso an'izany ianareo!

¹⁷⁷ Ankehitriny, tsarovy, efa nolazaiko anareo foana fa misy sokajin'olona anankitelo. Misy firazanan'olona anankitelo; Hama, Sema, ary Jafeta, firazanana anankitelo. Sokajy anankitelo, ary nolazaiko, fa izany no mpino, mody mpino, ary tsy mpino. Efa izany foana, ary ho izany foana. Hitanareo? Nisy an'i Mosesy, ilay mpino; nisy an'i Jana sy Jambra; ireo tsy mpino. Hitanareo? Nisy an'i Balama; Mosesy . . . Ireo sokajin'olona anankitelo ireo foana, sokajy anankitelo; mpino, mody mpino, ary tsy mpino.

¹⁷⁸ Ankehitriny tsarovy, ilay tsy mpino, ilay fiangonana ara-anaram-piangonana, dia tsy mino ny famantarana mihitsy; mangatsiaka, mpanaraka fombafomba, mavesatra, ilay fiangonana eto amin'izao tontolo izao, ilay anaram-piangonana. Fa ilay mody mpino kosa dia ilay akofa. Io ilay lehilahy izay

mody mino. Ary avy eo dia misy ny tena mpino izay tena marina tokoa. Ankehitriny, diniho izy ireo rehefa mandroso ankehitriny, mandritry ny iray minitra fotsiny.

¹⁷⁹ Ary mariho hoe sahy toy ny inona ireto tsy mpino ireto, na ireto mody mpino sy tsy mpino ireto. Oadray! Sahy izy ireo, jereo, fa na dia i Satana aza dia nijoro teo amin'ny Fanatrehan'ilay Teny marina mihitsy, ka nanao hoe, "Voasoratra hoe!" Marina ve izany?

Nahoana no nanao an'izany i Satana? Satria izy tsy nahafantatra ny Teny ho an'ilay... Fantany fa ilay Teny dia ho an'io ora io, saingy nisalasala izy fa ity Lehilahy manetry tena kely ity no ilay Teny. "Raha Zanak'Andriamanitra Ianao. Fantatro fa ho avy ny Zanak'Andriamanitra, satria Nolazainy fa hanao an'izao Izy. Fa voasoratra hoe, 'Izy handidy ny Anjelyny ny Aminao.' Hitanao? Porofoy amiko izany! Manaova fahagagana anankiray! Avelao aho mba hahita Anao manao an'ilay izy." Hitanareo? Hitanareo?

Hitanareo, ilay tsy mpino, mody mpino, mpaka tahaka. Jereo i Jodasy teo anivon'izy ireo mihitsy, tamin'ny fotoana iray, mody mpino! Hitanareo? Mariho, fa nisy an'ilay Teny marina.

¹⁸⁰ Sahy toy ny inona izy ireo! "Ankehitriny, aza miraharaha an'io fahadalana io. Tsy misy na inona na inona Io. Aza mandeha any. Andiana tabataba fotsiny io. Tsy misy na inona na inona amin'Izany. Angano fotsiny daholo izany. Ilay izy dia ao anatin'ny sainareo." Hitanareo, hitanareo ve izay tiako lazaina? Mitsangana eo amin'ny Fanatrehan'ilay Teny mihitsy dia miteny an'izany.

¹⁸¹ Miditra ao amin'izany mihitsy i Satana. Araka ny nolazain'ny Baiboly eto amin'ny Joda eto hoe, "Na dia ilay Arkanjely aza, rehefa niady tamin'i Satana, dia nanao hoe, 'Ny Tompo anie hananatra anao.'" Nanohitra an'ilay Teny Izy tenany!

Ary indro ilay antikristy, ilay voahosotra, nitsangana teo mihitsy nanohitra an'ilay Teny tena izy an'ilay andro, Jesosy Kristy, ka nanao hoe, "Voasoratra hoe."

¹⁸² Jereo ireo andro farany. "Tena hifanakaiky izany ka hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo natao." Oh, oadray! Ny antony tsy hahavoafitaka ny Voafidy, fantatrareo ve hoe nahoana? Satria izy ireo no Teny. Hitanareo? Tena tahaka an'ilay Aina ao anatin'ilay fototra mihitsy, izay nolazaiko vao tsy ela teo, tsy afaka mandà ny Tenany Izany. Hitanareo, Izany no Teny ary ao amin'ny vanim-potoan'ny Teny. Marina izany.

¹⁸³ Tahaka an'i Jeremia mihitsy, nahafantatra izy. Tsy nampaninona izay nolazain'i Hanania, fantany hoe taiza izy. Tena tahaka ny nataon'i Mosesy mihitsy, sy—sy ny sisa

tamin'izy ireo. Izany hoe, nahafantatra izy, tsy nampaninona izay nolazain'ilay mpaminany sandoka, teo ilay Tenin'Andriamanitra. Voasoratra Izany.

Izany no antony nahafahan'i Mikaia nilaza hoe, “Eny àry, miandrasa fotsiny ianareo dia hahita.”

Hoy i Ahaba hoe, “Mino ny mpaminaniko aho. Marina ny rafi-pandaminako. Rehefa miverina soa aman-tsara aho... Ataovy any an-tranomaizina any io namana io. Izaho no hiandraikitra azy! Omeo mofom-pahoriana izy. Roahy izy, aza manao fiombonana aminy mihitsy. Rehefa tafaverina soa aman-tsara aho, dia isika no hiandraikitra an'io lehilahy io.”

¹⁸⁴ Hoy i Mikaia hoe, “Raha ho tafaverina tokoa ianao, dia tsy niteny tamiko ny Tompo.” Fantany fa nanana ny HOY NY TOMPO HOE izy, ary ilay fahitany dia tena niaraka tamin'ny HOY NY TOMPO HOE; fa tsy ho an'ilay vanim-potoana hafa, fa ho an'io vanim-potoana io. Amena! Haleloia! Ilay vanim-potoana!

¹⁸⁵ Sahy, nitsangana ary niady tamin'ny Arkanjely! Voalaza, fa, “Ny adala dia hanitsaka amin'ny kiraro misy fantsika eo amin'izay atahoran'ny Anjely handehanana.” Marina izany.

¹⁸⁶ Ny anton'ny hoe ny Voafidy, hoy Jesosy, dia tsy ho voafitaka, dia satria izy ireo ilay Teny. Tsy afaka ny ho zavatra hafa izy ireo. Tsy afaka hihaino zavatra hafa izy ireo. Tsy mahafantatra zavatra hafa izy ireo. Marina izany.

Tsarovy, Mosesy dia tsy voatarika niaraka tamin'ireo fakan-tahak'izy ireo. Tsy izany ve? Hoy i Mosesy hoe, “Ankehitriny, andraso iray minitra, ry Farao. Mba fantatrao ve? Ny Tompo no niteny tamiko hanao an'izao, saingy, voninahitra ho an'Andriamanitra, hitako fa ireo zatovonao dia afaka manao an'ilay zavatra mitovy. Koa, lazaiko izay hataoko, hikambana aminareo aho”? Hah! Toa tsy tahaka ny mpaminanin'Andriamanitra izany. Tsia, tokoa! Nihazona mafy arak'izay azony nihazonana izy. Fantany, tanteraka, fa Andriamanitra no hiandraikitra an'izany na manao ahoana na manao ahoana, satria Izy no nampanantena an'izany. “Homba anareo Aho. Tsy handao anareo Aho.”

¹⁸⁷ Nahafantatra izy, hany izy ka tsy nikambana tamin'izy ireo. Oh, tsia. Nijanona teo mihitsy izy niaraka tamin'izy ireo. Tsy nila na dia ny anankiray tamin'ireo anaram-piangonan'izy ireo aza izy. Nijanona niaraka tamin'Andriamanitra mihitsy izy. Tsy voatarik'ireo zavatra rehetra izay azon'izy ireo natao izy. Rehefa nanao zavatra anankiray izy ireo... Nitondra hao izy; nitondra hao izy ireo. Nitondra rà izy; nitondra rà izy ireo. Nitondra ny zavatra rehetra izy; naka tahaka azy izy ireo tamin'ny fomba rehetra, nanaraka mihitsy. Nipetraka tsara fotsiny izy. Fantany tanteraka ilay izy. Andriamanitra no nanao ny asa.

Azonareo ve ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Alainareo ve ny roa ampiana roa, dia manome efatra? [“Amena.”] Tsy mila ny hahamay mafy loatra ianareo. Noho izany, noho izany ianareo—ianareo dia mahazo, hitanareo.

¹⁸⁸ Nahoana? Tsy ho voafitak'izany izy ireo. Ilay tena mpino marina, izy ireo no Voa voafidy mialoha izay hijoro amin'ilay andro.

¹⁸⁹ Iza, ihany koa, Jesosy no nilaza an'izao, “Maro no ho avy amin'izany andro izany, amin'ny Anarako, ka hanao hoe, “Tompo, tsy efa namoaka devoly tamin'ny Anaranao ve aho?” Hoy Jesosy hoe, “Amin'ny andro farany, rehefa hifarana ny fotoana ka ho tonga ilay fitsanganana lehibe, dia maro no ho tonga sy hipetraka ao amin'ny Fanjakana.” Ny Fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo.

Maro, ho avy ireo ahi-dratsy ka hipetraka miaraka amin'ilay Vary mihitsy, hanao hoe, “Ankehitriny, andraso iray minitra, Tompo! Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nihikiaka aho. Nandihy tao amin'ny Fanahy aho. Nandroaka devoly aho. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nanao an'ireto zavatra rehetra ireto aho.”

Inona no Holazainy? Mariho. “Ianareo mpanao meloka, tsy nahafantatra anareo Aho hatrizay hatrizay.”

¹⁹⁰ Inona no *heloka*? Manontania olona anankiray. Izany dia “zavatra izay fantatrareo fa tokony hataonareo, nefa tsy hataonareo ilay izy.” Fantatr'izy ireo izao Teny izao. Mandre an'izany izy ireo. Mihaino an'ity horonam-peo fa ny ianareo. Mihaino an'ity Hafatra ity ianareo. Hitanareo fa ny Tompo Andriamanitra no niteny an'izany; hitanareo Izy manamarina an'izany, manao an'ilay izy ho marina. Ary ianareo dia mahafantatra an'Ity tena tsotra tahaka ny masoandro miposaka ao ivelany ao, saingy ianareo no hifatotra amin'ny anaram-piangonanareo, hifatotra amin'ireo zavatra sandoka ireo; ianareo mpanao meloka!

“Oh, eny, nanana asam-pitoriana lehibe aho. Nanao an'ity aho. Nanao an'itsy aho.”

Hoy Izy, “Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka, tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho.”

¹⁹¹ “Eny, nilatsaka tamiko ny Fanahy Masina.” Tsy misalasala amin'izany aho na kely aza. “Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nihira tao amin'ny Fanahy aho. Izaho nanao. . .” Tsy misalasala amin'izany aho na kely aza. Tsy misy fanontaniana ny amin'izany. Oh, rahalahy, ranabavy, karazana toetra ahoana!

Fotoana mampangovitra izao. Aiza no misy antsika? Ity Teny ity dia eo am-pahazoana Aina ankehitriny. Mariho.

¹⁹² Hia, Izy no nilaza fa hanao an'izany izy ireo. Mariho, "Ianareo mpanao meloka." Manana Soratra anankiray aho voasoratra eto. Tsy fantatro fotsiny hoe aiza ilay izy. Naka fotoana betsaka loatra aho. Ho jereko ilay izy, iray minitra fotsiny, dia ho hitako hoe inona ilay izy. Izaho manana—izaho manana ny Matio 7:21. Izaho—izaho dia tsy mahafantatra fotsiny hoe aiza. Izaho, indraindray dia tsy voaraiko naoty miaraka ilay izy, eny, izaho—izaho dia mitory tahaka an'izao, izaho—izaho dia manadino hoe inona no voatondroko ao amin'ny Soratra. Matio 7:21.

Tsy izay rehetra manao amiko hoe, Tompo, Tompo, no hiditra ny fanjakan'ny lanitra; fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra.

Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe, Tompo, Tompo, tsy efa naminany ve izahay. . .

Mpaminany, ireo voahosotra! Marina izany? "Tsy mpaminany ve izahay? Tsy voahosotra ve izahay, ilay voahosotra? Tsy naminany tamin'ny Anaranao ve aho? Ary tsy tamin'ny Anaranao ve no nandroahako devoly?" Ahoana no hahafahanareo manao an'izany, nefa mandà ny hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy? Hitanareo? Oh, oadray! Hitanareo ve hoe mamitaka toy ny ahoana? Mahitsy eo amin'ilay toerana mihitsy, avy eo dia mihemotra. Mandeha mahitsy eo amin'ilay Teny mihitsy, avy eo dia mihemotra. Ankehitriny diniho izany. Havoakantsika izany, iray minitra fotsiny.

Maro no hanao amiko. . . Tompo, Tompo, tsy efa naminany ve izahay, efa mpaminany izahay? . . .

Hia, niresaka an'izany aho tao amin'ny Matio 24:24.

. . . ary tamin'ny anaranao. . . no nandroahana devoly? ary tamin'ny anaranao no nanaovana betsaka faha- . . . asa betsaka?

Ary dia izaho hanambara amin'izy ireo hoe, tsy nahafantatra anareo mihitsy aho: mialà amiko, ianareo izay mpanao meloka.

"Rehefa napetraka teo anatrehanareo mihitsy Izany ary ianareo no nahita an'Izany, ary nahita an'Izany nihetsika, nahita fa Izany no Teny; ary noho ny anaram-piangonanareo, dia niraikitra tamin'izany fotsiny ianareo. Tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho. Tsy ahoako na devoly firy na firy no noroahanareo, na firy na firy no nanaovanareo an'ity sy itsy; tsy nahafantatra na inona na inona mikasika anareo Aho."

Hoy i Balama hoe, "Naminany marina aho, tamin'ny Anaranao. Tanteraka Izany."

¹⁹³ "Tena marina izany, saingy, rehefa tonga teo amin'ilay Teny ilay izy, dia nolavinareo Izany."

Oh, rahalahy, hitanareo ve ilay ampahany mamitaka? Tsy hoe “mpaminany,” no tena izy; fa miaraka amin'ilay Teny, Teny marina, Teny voamarina tonga voaseho. “Ianareo mpanao meloka!”

¹⁹⁴ Miezaka, i Satana dia niezaka tao amin'ny taona rehetra mba haka tahaka an'ilay Teny marina. Fantatsika izany, sa tsy izany?

¹⁹⁵ Mariho, tonga eo amin'ilay sisin-tany dia miala. Jereo eto, nilaza Izy, ao amin'ny Hebreo ny toko faha-6, ankehitriny, novakiantsika vao tsy ela. Nilaza taminareo aho fa hiverina eo amin'io, ary hataontsika izany mandritry ny minitra vitsy manaraka. Hoy Izy hoe:

..fa *ny tsilo sy ny* songosongo...izay *akaikin'ny* fandavana; *ny hiafarany dia ny hodorana*. (Sisin-tany!)

..ianareo izay *efa nanandrana*...*ny fanomezana avy any an-danitra*,...

“Nanandrana,” amin'ny teny hafa, efa hitanareo Izany! Ianareo tsy afaka [Nampitsamontsamona ny molony Rahalahy Branham—Mpand.] hanandrana Azy amin'ny vavanareo fotsiny. Fa hitanareo Izy, ary fantatrareo fa Izy no Fahamarinana. Fantatrareo fa Izy no Fahamarinana. “Nanandrana ny fanomezana avy any An-danitra.”

...ary *natao mpandray anjaran'ny* Fanahy Masina, rehefa nilatsaka taminareo Izany,

...*nanandrana* avy tamin'ny *teny tsaran'Andriamanitra*,...

“Nanandrana,” hitanareo fa marina Izy. “Ary ny Fanahy Masina no milatsaka eo aminareo,” ilay ahi-dratsy eo amin'ny saha.

...ary avy eo dia mihemotra *indray*,...

“Mandà an'ilay tena Kristy izay nanamasina anareo, sy niantso anareo, ary nametraka an'ilay hosotra teo aminareo.”

...*tsy hisy fanatitra ho an'ny* ota *intsony*, ho an'izany.

Tsy azo avela izany! “Tsy azo atao intsony ho azy ireo ny ho tonga eo amin'ny fahalalana ny Fahamarinana.”

Satria tsy azo atao intsony ho an'ireo izay...*natao ho mpandray anjara tamin'ny* Fanahy Masina,

Nilatsaka teo amin'ireo ahi-dratsy, hitanareo, “Nanomboka niaraka tamin'i Jesosy, ary, “Tompo, handeha hatramin'ny farany aho,” saingy rehefa midona eo amin'ny Teny ianareo, dia mihemotra ianareo. “Natao ho mpandray anjara tamin'ny Fanahy Masina, ary nanandrana aza, na nahita ny Teny Izy tenany voaseho.” Dia mihemotra amin'Izany avy eo, “Tena tsy azo atao tanteraka ho azy ireo ny hijery Azy na ho tonga eo Aminy.”

Izany no HOY NY SORATRA HOE. Ankehitriny, ianareo... “Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Izany tsy ho levona.” Hitanareo ve izany? “Tena tsy azo atao.” Ny Baiboly no niteny an’izany, ary ny Fanahy no manambara an’izany.

¹⁹⁶ Mariho, mamelà ahy hanome anareo ohatra kely anankiray. Jereo ireo olona izay nivoaka teo ambanin’ny faminanian’i Mosesy, nivoaka avy tao amin’ily rafi-pandaminana, ary nivoaka avy tao amin’ny zavatra rehetra, teo ambanin’ily faminania, nahita an’ireo asa lehibe sy fahagagana, ary ireo zavatra tahaka an’izany, ka tonga hatreo amin’ily sisin-tanin’ny fidirana.

Ankehitriny, Lee, io ilay anao hoe “anarana eo amin’ny Boky.” Hitanao? Efa voalaminao ilay izy. Ary ianareo izay tsy eto, fa ao amin’ny—ao amin’ny fifandraisana, dia Dokotera Lee Vayle izay mipetraka eto izany. Eo am-pitsarana ny grameran’ity bokin’ny Taom-Piangonana Fito ity izy. Ary niseho ny olana, na ny fanontaniana, mikasika an’ily anareo hoe “anarana nesorina tao amin’ny Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry.” Hitanareo, nanahiran-tsaina an’ireo mpitoriteny maro izany. Saingy miandrasa mandra-pahazoanareo an’ily boky, dia ho azonareo ilay izy raha manana Fahazavana fotsiny ianareo ao anatinareo. Hitanareo?

¹⁹⁷ Mariho, ankehitriny, hanodina ny lohanareo ianareo ary tsy hijery an’Izany akory aza raha tsy tianareo ny hijery an’Izany. Tahaka ny nolazain’ny reniko fahiny hoe, “Tsy afaka mahazo rà avy ao amin’ny nave anankiray ianao, satria tsy misy rà ao anatin’ny.”

¹⁹⁸ Mariho, tsy maintsy ho tonga ny Hazavana; tsy ao anatin’ny aizina izany. Ny Hazavana dia tonga eo amin’ny aizina, ary ny aizina tsy mandray Azy. Mariho ankehitriny ireo voahosotra amin’izao andro izao.

Tahaka ny namoahan’i Mosesy an’ireo zanak’Isiraely; ary nihaino izy ireo ka lasa nisavoritaka daholo niaraka tamin’ily firenena lehibe tany. Ankehitriny, Isiraely dia tsy anaram-piangonana. Tsy nanana firenena izy, tsy nanana trano. Nandeha ho any amin’ny trano anankiray izy.

Tsy manana fiangonana isika. Isika tsy... Isika dia—isika dia mandeha ho any amin’ny Fiangonana anankiray, ny Fiangonan’ny Lahimatoa, ny Fiangonana izay any amin’ny Voninahitra; tsy ilay fiangonana izay eto an-tany, araka ny olona. Ilay Fiangonana izay any amin’ny Voninahitra, ireo nantsoina hivoaka, voafidy mialoha ho any amin’ny Fiainana Mandrakizay, hitanareo, mandeha mankany an-Tranony.

Ary rehefa tonga eo amin’ny toerana hiampitana izy ireo, dia nialasala tamin’ily Teny izy ireo, ary niverina. Rehefa nandeha tany i Josoa sy Kaleba sy ny sisa ka nitondra

sampam-boaloboka, mba hanaporofoina tamin'izy ireo fa nisy ilay tany, ilay Teny fikasan'Andriamanitra, "Tany tsara izany, ronono sy tantely." Ary nentiny niverina izany, teto ankilany teto, mba hanaporofoina an'izany tamin'izy ireo. Ary nanandrana an'izany izy ireo, ka nanao hoe, "Oh, oh, tsy vitantsika izany, na izany aza." Inona no nitranga? Maty tao an-efitra izy ireo. Nijanona teo mihitsy izy ireo ary nanao rafi-pandaminana ho an'ny tenany, ka maty, ny tsirairay tamin'izy ireo.

Saingy ireo izay nandeha ka nitondra niverina, Josoa sy Kaleba; Mosesy dia nafindra. Tandindona iray an'ny fiandrasan'ilay Fiangonana; sy ny fitsanganana ao amin'ny Testamenta Taloha, Testamenta Vaovao; ary ny Vatana ampakarina. Hitanareo ve ireo anankitelo ireo? Mila mihazona an'ireo anankitelo ireo ao amin'ilay laharana, hitanareo, noho izany, ao amin'ilay mpino sy tsy mpino. Hitanareo?

¹⁹⁹ Mariho hoe ahoana ilay izy "manontolo." Tsarovy, fa tsy namela an'io ota io mihitsy Andriamanitra. Ankehitriny ahoana no hidiran'izy ireo? Raha tsilo ilay izy, tany am-boalohany, dia tsilo ilay izy amin'ny farany. Ny voafidy mialoha irery ihany no hahita an'izany.

²⁰⁰ Mariho tsara ankehitriny. Tahaka ny tamin'ny andron'i Masindahy Martin mihitsy, nialoha mihitsy ny Taona Maizina; lehilahy masina kely anankiray. Firy no mba efa namaky ny soratr'i Masindahy Martin? Maro aminareo no namaky. Nandeha isika mba hahazo ireo soratr'i Masindahy Martin; hoy ilay pretra hoe, "Fa tsy tao anatin'ny lisitra izy." Azo antoka, tsy tao izy; tsy tamin'ny alàlan'izy ireo, fa tao izy tamin'ny alàlan'Andriamanitra. Ny Fanahy Masina no niteny tamintsika fa nametraka azy tao amin'ilay taom-piangonana fahatelo. Hitanareo?

²⁰¹ Jereo hoe lehilahy masina kely anankiray toy ny ahoana izy; nantsoina, voafidy mialoha. Ireo raiamandreniny, mpanompo sampy. Ny rainy, miaramila. Tsy maintsy nanaraka an'io laharana io izy, mba ho lasa miaramila. Ary, rehefa nataony izany, ary nino foana fa nisy Andriamanitra anankiray any ho any; lehilahin'ny ala anankiray, nefa afaka nahita an'Andriamanitra. Indray andro nandalo teo amin'ny tanàna anankiray izy, ary nisy mahantra antitra anankiray nandry teo, teo am-pahafatesana, nangataka tamin'ny olona...Nangatsiaka izy tamin'io alina io. "Oh," hoy izy, "omeo zavatra anankiray aho mba hirakofako; ho faty aho izao hariva izao."

²⁰² Tsy nisy olona nanao an'ilay izy. Fa nihataka tery amin'ny ilany i Martin ka nandinika azy vetivety. Tsy nisy olona nanao an'ilay izy. Akanjo ambony anankiray no nananany. Vonton-katsiaka izy, ny tenany, teo am-perin'asa izy, raha

toa izy—izy ka manome azy an'io akanjo ambony io. Koa nieritreritra izy hoe, “Izahay roa dia samy manana anjara ny ho velona raha hizara aminy aho.” Koa dia nalainy ilay akanjo amboniny manokana, ary notriariny roa tamin'ny sabany ilay izy, ary norakofany tamin'izany ilay mahantra antitra. Nasarony nanodidina ilay akanjo amboniny manokana.

Hoy ny olona rehetra hoe, “Jereo anie itsy santinely mahatsikaiky itsy. Jereo itsy miaramila mahatsikaiky itsy, ny antsasaky ny akanjo ambony no isaronany!”

²⁰³ Ny alina nanaraka, rehefa tsy tam-perin'asa izy ka nandry teo amin'ny fandriany, dia nifoha izy. Nijery, nitsangana teo amin'ilay efitra, ary indro Jesosy Kristy fa nitsangana nisaronana an'ilay ilan'akanjo izay nataony teo aminy. Fantany avy hatrany avy teo, “Izay ataonareo amin'ireny Madiniko ireny, no nataonareo Tamiko koa, tamin'ilay Voahosotro,” izay nandry teo.

Mpanompon'Andriamanitra lehibe anankiray izy. Ny fiangonana no naneso azy, nanenjika azy, nandroaka azy, sy ny zavatra hafa, fa izy dia mpaminanin'Andriamanitra anankiray. Izay nolazainy dia tanteraka. Nisy maro no nino azy tamin'izany taona izany, ihany koa.

²⁰⁴ Te-haneho aminareo aho hoe mamitaka toy ny ahoana moa ilay devoly. Indray andro dia nipetraka tao amin'ny biraony izy. Tonga ny anjely mahery anankiray, nisy satroboninahitra teny amin'ny lohany, nanao kiraro volamena, dantely nanodidina an'ireo akanjo volamenany, ary nanao hoe, “Martin, fantatrao ve aho?” Hoy izy hoe, “Izaho no Tomponao sy Mpamonjinao. Izaho ilay Tokana izay namonjy anao. Manompoa ahy, ry Martin.” Saingy io mpaminany io, izay nahafantatra fa nisy zavatra kely hafahafa teo, dia nijery azy naharitra izy. Hoy izy hoe, “Martin, Izaho no Mpamonjinao, Jesosy Kristy. Manompoa ahy! Tsy fantatrao ve aho, ry Martin?”

²⁰⁵ Nijery azy naharitra i Martin, nitamberina tao an-tsaina ny Soratra. Hoy izy hoe, “Satana, mialà amiko.” Hoy izy hoe, “Ianao dia manana satroboninahitra eo amin'ny lohanao. Fa ny Tenin'Andriamanitra no milaza fa ireo ‘Masiny no hanome Azy satroboninahitra’ amin'ny andro fiafaran'ny taona.”

Tsy izany ve no fandrika ho an'ny Pentekotista? Diniho ilay Teny, rahalahy. Eo no mifandraika amin'izany.

²⁰⁶ Indray andro, koa, tao amin'ny monastera, nanana masindahy antitra anankiray izy ireo tao, andiana relijiozy tanora. Nisy anankiray tamin'izy ireo karazan'ny mora tezitra. Diniho ity, indro ny fanoharana—fanoharana tsara anankiray amin'izao fotoana izao. Te-ho zavatra anankiray izy ambonin'ny sisa amin'izy ireo. Te-haneho ny tenany izy hoe, manam-pahefana, zavatra lehibe, zavatra tsara, ny sokajy

rehetra, fantatrareo, sy zavatra goavana be. Tsy maintsy ho tsara sokajy izy. Tiany foana ireo rahalahy hafa tsy... Fantatrareo, tsy maintsy ho miavaka izy. Hitanareo? Izy, tsy mampaninona na inona ilay izy, tena mpirehareha izy. Izy irery ihany no vato kilonjy teo amin'ilay tora-pasika. Tsy nisy olona afaka nikasika azy. Ankehitriny diniho izay nitranga. Tsy maintsy nanana zavatra lehibe izy. Tsy maintsy nampitaha tamin'ireo—ireo fikambanana lehibe izy. Maharaka ahy ve ianareo? Hitanareo? Koa, nilaza izy, naminy izy. Hoy izy hoe, “Ny Tompo no nanao ahy ho mpaminany, ihany koa. Mpaminany aho.”

Ankehitriny, mpaminany anankiray ihany no voatondro teo amin'ny firenena, ary i Masindahy Martin izany; nateraka ho mpaminany izy.

²⁰⁷ Saingy ity ankizy ity dia nilaza, nilaza ilay namana tanora, relijiozy tanora teo amin'ny dimy amby roapolo taona teo. Hoy izy hoe, “Ny Tompo no nanao ahy ho mpaminany, ary ho porofoiko aminareo izany.” Hoy izy, “Anio alina ny Tompo dia hanome ahy akanjo lava lehibe, tsara anankiray, hametraka an'izany eto amiko, akanjo lava fotsy, ary hipetraka eto anivonareo. Amin'izay fotoana izay dia ho avy eto amiko ianareo rehetra, hitanareo, ary handray baiko avy aty amiko ianareo.”

²⁰⁸ Ankehitriny ampitahao amin'izao fotoana izao izany, hitanareo, “Izaho no ho lohan'ny rafi-pandaminana. Izaho no hiandraikitra anareo, ny sisa aminareo relijiozy.”

Ary tena azo antoka, “Tamin'io alina io, dia tonga tao amin'ilay tranobe ny hazavana,” izany no lazain'ny soratr'i Masindahy Martin. Vakio izany. Fa tena marina izany. Tantara izany. Ary tonga ny hazavana, ary ny sisa rehetra nandinika, ary indro tonga... Nitafy akanjo lava fotsy izy, nijoro teo anivon'izy ireo. Hoy izy hoe, “Hitanareo ve izay nolazaiko taminareo?” Saingy nifanohitra tamin'ny Teny izany.

²⁰⁹ Ary rehefa nandeha izy ka naka ny zokiny indrindra tao amin'ilay kolejy, dia nandeha nandroso sy niverina kely teo izy, nanao hoe, “Zanakolahy, toa tahaka ny tsy marina izao.” Hoy izy hoe, “Fomba tokana ihany no misy.” Izay no izy! “Fomba tokana ihany no misy ho antsika mba hahafantarana. Toa tahaka ny ivelan'ny voajanahary ilay izy.” Ry tovolahy, ireo Pentekosta no nandrombaka an'izany, ny fotony, ny pilao, ny fintana, ny lalam-pintana, sy ny zavatra hafa! Hoy izy hoe, “Mety ho tena marina ilay fahagagana, saingy mety tsy ho marina izy eo amin'ny Teny. Ankehitriny, manana olona anankiray isika, mpaminany voahosotra anankiray, amin'ny anarana hoe Martin. Avia, misehoa eo anatrehany.”

Hoy ilay tovolahy, “Tsia, tsia! Tsy misy idiran'i Martin izao.”

²¹⁰ Dia hoy izy, “Handeha ianao, na izany aza.” Dia norombahan’izy ireo tamin’ny sandriny izy, mba hitondrana azy eo anatrehan’i Martin, ary niala taminy ilay akanjo lava.

²¹¹ Hitanareo. “Hamitaka ny Voafidy raha azo natao.” Hitanareo, fantany izy ireo. Hoy Jesosy hoe, “Ny Ondriko mahalala ny Teniko.”

“Oh,” hoy ianareo hoe, “mandre Ny “Feoko.””

Ny Teniny izany. “Tsy ny mofa ihany no hiveloman’ny olona, fa ny Teny rehetra.” Hitanareo? Ny voafidy mialoha dia mahafantatra an’izany. “Ny teny hafahafa, na ny feo hafahafa, tsy hanaraka izy ireo.”

Izany no fomba niaraka tamin’ireo namana tany ireo; tsy nanaraka izy ireo. Fantatr’izy ireo fa teo i Martin, mpaminanin’io taona io, voatondron’Andriamanitra tamin’ny alàlan’ny Teny, nahafantatra ny Teny. Ary tsy nahajanona teo anatrehan’Izany io lehilahy io.

²¹² Hoy koa Izy hoe, “Any amin’izay misy ny Faty,” na ny Teny, “any, amin’ny vanim-potoana, no hiangonan’ny voromahery.” Ankehitriny izany no Mat-...Raha tianareo ho raisina izany, dia izany no Matio 24:28. Eo aloha kely eo fotsiny, Matio 24:24, andininy efatra ambanin’io, hitanareo, raha tianareo ho azo izany. “Any amin’izay misy ny Faty,” misy ny Mana, misy ny Teny, “any no hiangonan’ny voromahery.”

²¹³ Ankehitriny tsy maintsy mandeha haingana aho. Nijery tery aho ary nahita hoe amin’ny firy... Amin’ny—amin’ny roa ambin’ny folo mahery fito minitra na valo minitra izao. Handeha tena haingana mihitsy aho, raha tsy izany dia azontsika vitaina androany hariva izy, izay anankiray tianareo hanaovana azy. Izao maraina izao sa rahariva? Hah? Firy no tsy maintsy handeha hody androany aorian’ny fivoriana, aoka ho hita ny tanaanareo, hitanareo. Oh, oadray, tsaratsara kokoa ny manohy!

Miala tsiny aho mihazona an’ireo olona eo amin’ny telefoniny any tahaka an’izao, saingy handeha haingana aho. Mihoatra lavitra noho ny volanareo izao. Mino aho fa izany no izy, ho ahy, hitanareo. Ny volanareo ho levona. Ity tsy ho levona; Izany no Teny. Hitanareo?

²¹⁴ “Any amin’izay misy ny Faty, any no hiangonan’ny voromahery.” Any amin’izay misy ny Faty, izay misy ny—ny—ny famonoana, any no hiangonan’ny voromahery. Any amin’izay misy ny Hena vaovao, ny Tenin’ny vanim-potoana, any no hiangona ny voromahery.

Saingy rehefa lo izy, amin’izay fotoana izay ireo voltora vao hifanizina amin’ilay izy. Hia. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Rehefa natao ny famonoana anankiray, dia indro

tonga ireo voromahery; fa rehefa avy mandry eo ilay izy, ka lo, dia indro tonga ireo voltora. Tsy misy hidiran'ny voromahery intsony ilay izy. Hitanareo?

Hoy Jesusy hoe, “Any amin'izay misy ny Faty,” izay hilatsahan'ny Mana, milatsaka vaovao ny Mana amin'ny alina, “any no hiangona ny voromahery ho an'Izany.” Izany no Mana ho an'ilay andro. Hitanareo? Mariho.

²¹⁵ Fa rehefa lo ilay izy, miditra ao anatin'ny ireo olitra, avy eo dia indro tonga ireo voltora. Tsy afaka hanimbolo azy izy ireo raha mbola tsy lo izy. Tsy mahagaga Jesusy raha nitsangana tany ka nanao hoe, “Ry Jerosalema, ianao izay nitora-bato ny mpaminany rehetra!” Mariho io mpanondro tena io, hitanareo, “Ry Jerosalema, ry Jerosalema, impiry moa Aho no te-...” Iza Izy? “Impiry moa Aho no te-hanangona anareo tahaka ny fanangonan'ny akoho ny zanany, ianao izay nitora-bato ny mpaminany rehetra izay Nirahiko ho anao,” ilay fiangonana lehibe, Jerosalema.

²¹⁶ Ilay Jerosalema izay tsy eto an-tany, “fa isika dia avy amin'i Jerosalema any Ambony,” izay nihavian'ny Teny, avy any amin'ny fifidianana mialoha, hitanareo. Tsy Jerosalema tranainy izay levona; ilay Jerosalema Vaovao izay tsy mety levona. Tsy ilay Jerosalema tranainy, izay naorin'olona; fa ilay Jerosalema Vaovao naorin'Andriamanitra, hitanareo, ilay Teny any ambony any tonga voaseho ankehitriny. “Ao an-Tranon'ny Raiko misy efitra maro. Handeha Aho ary hanamboatra an'izany ho anareo,” ilay Mpamorona manao an'ireo lalana volamena, sy ny sisa. Izany no Tokana izay tsy levona.

²¹⁷ “Ry Jerosalema, ry Jerosalema, impiry moa Aho no te,” hatramin'ny fiandohan'ny fotoana; tsy hoe Olona fahatelo, olona anankiray hafa, fa, “Aho no te-hanomba anao tahaka ny fanomban'ny akoho ny zanany, fa ianareo no tsy nety. Fa ankehitriny tonga ny oranao.” Hitanareo?

“Any amin'izay misy ny Faty, no hiangona ny voromahery.” Saingy rehefa lo ilay faty, amin'izay fotoana izay vao miangona ireo voltora. Hitanareo?

²¹⁸ Mariho. Mosesy, izy tsy nanome mihitsy ho an'ireo zanak'Andriamanitra... Mosesy dia voromahery anankiray, ary izy tsy nanome mihitsy ho an'ireo zanak'Andriamanitra ny sisan'i Noa. Hitanareo? Nanana an'ilay Tenin'Andriamanitra vaovao izy. “Ny Tompo Andriamanitra no nihaona tamiko tao an-efitra, sy nanamarina ny Teniny, ary naniraka ahy eto hiantso anareo hivoaka.” Avy eo dia tonga teo ireo mpaka tahaka, naka tahaka an'ilay izy. Hitanareo? Saingy nanana ny Tenin'ilay ora izy.

Satria, Andriamanitra no niteny tamin'i Abrahama, ilay tokana izay nahazo ny teny fikasana, “Ny taranakao dia

hivahiny any amin'ny firenen-kafa, efajato taona, saingy hamangy azy ireo Aho ary hamoaka azy ireo amin'ny tana mahery.”

²¹⁹ Hoy Mosesy hoe, “Ankehitriny, ny Tompo Andriamanitra no hiteny amiko sy haneho amiko, ary nilaza tamiko izay hatao, ka ho lazaiko aminareo.” Hoy Izy, “**IZAHO IZAY IZY!**” no naniraka ahy.”

“**IZAHO IZAY IZY!**” Tsy hoe “Izaho ilay efa izy, na ho izy.” “**IZAHO IZAY IZY,**” fotoana ankehitriny, ilay Teny ankehitriny. Tsy hoe ny Teny ilay efa izy, ny Teny izay ho avy; ny Teny izay ankehitriny. Hitanareo? Azonareo ve ilay izy? “**IZAHO IZAY IZY!**” “**IZAHO IZAY IZY**” dia ny Teny. “Tamin’ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin’Andriamanitra.” Marina ve izany? “**IZAHO IZAY IZY.**” “Andriamanitra no naniraka ahy ho Mpaminaniny, mba hanamarina an’izao ho marina. Izaho no valin’ity Teny ity, izay nilaza tamiko ho tonga eto ka hanao an’izao.”

²²⁰ Ary rehefa nataony izany, dia hoy i Farao hoe, “Eny, manana tovolahy betsaka izahay ao amin’ny vondronay izay mahavita an’io, ihany koa,” mpaka tahaka.

Hoy Jesosy hoe, “Ankehitriny, hiverina indray izany amin’ny andro farany,” hitanareo, hiambo amin’ilay zavatra mitovy. Diniho hoe iza no tonga aloha. Diniho hoe iza no nijanona niaraka tamin’ny Teny. Izany no izy. Izany no hahafantarana an’ilay izy, noho izany dia hitanareo.

²²¹ Mahamarika isika, Mosesy tsy nanome azy ireo mihitsy an’izay tamin’ny fotoan’i Noa, “Hanorina sambo-fiara anankiray isika ankehitriny, satria izany no Teny, fantatrareo. Nanorina sambo-fiara i Noa indray andro.” Tsia, ireo voltora no efa nihinana an’izany. Tsia, tsia. Tsia.

²²² Ity no Teny nampanantenaina. Mariho, ho an’ny hafany izay azony avy tamin’Andriamanitra, dia nanana an’ilay Tenin’Andriamanitra voafidy mialoha tena izy ho an’izany ora izany izy.

Na Jesosy aza tsy nandroso ho azy ireo ny sisan’i Mosesy. Mosesy dia nanana ny Teny ho an’izany ora izany, fa Mosesy dia mpaminany anankiray. Eto dia Andriamanitra Tenany, hitanareo, Izy tsy nandroso ho azy ireo mihitsy ny an’i Mosesy—ny sisan’i Mosesy.

Fa jereo fotsiny ireo voltora ao anatin’ilay rafi-pandaminana ireo, izay manao be am-bosika an’ilay izy. “Izahay mahafantatra! Izahay manana an’i Mosesy! Tsy mila manana Anao izahay.”

²²³ Hoy Izy hoe, “Raha nahafantatra an’i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra Ahy ianareo, satria niresaka ny Amiko i Mosesy.” Oh, oadray! Hitanareo?

“Any amin'izay misy ny Faty, no hiangona ny voromahery.” Voromahery! Ilay famonoana vaovao an'ny Teny, ilay Teny izay nitsangana sy natavezina, ary tonga voaseho ka nozaraina ho Sakafon'ireo zanaka.

Ankehitriny, ilay faty tranainy izay nandry teo nandritry ny an-jato taonany, ho eo izany.

Mitovy ankehitriny! Nanana ny hafatra anankiray an'ny fibebahana i Lotera; saingy, ianareo andiana voltora Loterana! Nanana hafatra anankiray ny Batista; saingy, ianareo voltora Batista! Hitanareo? Nanana hafatra anankiray ny Pentekosta; tonga eo aho izao, voltora Pentekotista!

“Fa any amin'izay misy ny Faty, dia any no hiangona ny voromahery.”

²²⁴ Tsarovy, tsy afaka namahana Loterana anankiray ianareo, tamin'izany andro izany (ankehitriny ianareo dia afaka), tamin'ny fatim-biby Katolika. Tsia, tompoko. Nanana hena vaovao izy. Izany io taom-piangonana io.

Tsy afaka namahana Metodista, tamin'ny hafatra Loterana ianareo. Oh, tsia, tsy nila an'izany fatim-biby izany izy. Lo izany. Hitanareo, efa niala taminy ilay Aina ary niditra tao amin'ny zavatra hafa. Io ilay taho izay maty, tany. Mitohy mandroso ilay Aina.

Ianareo mihitsy koa tsy afaka hamahana ny Ampakarin'i Jesosy Kristy amin'ny Pentekotisma. Tsia, tokoa! Rafi-pandaminana feno olitra; tsy misy azo atao! Tsia, tsia!

Satria ny teny fikasana dia, “Fa mialohan'ny hahatongavan'ilay andro lehibe sady mahatahotra, dia haniraka an'i Elia mpaminany ho aminareo Aho. Izy no hamerina ny fon'ny zanaka ho amin'ny Finoan'ny ray indray.” “Ireo teny fikasana rehetra izay natao tao amin'ny Baiboly, dia Izaho no hanao an'izany, ary eo no hiangona ny voromahery.” “Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy.” Hitanareo?

²²⁵ Tsy nanandrana an'izany mihitsy Jesosy. Fa rehefa tonga Jesosy, dia nahita an'ireo andiam-boltora ireo Izy, “Manana an'i Mosesy sy ny lalàna izahay.” Hitanareo? Eny, izany dia sakafo tsara tamin'ny andro efa lasa rehefa novonoina izany ary nomena ho azy ireo. Hitanareo, tena tsara izany tamin'izany fotoana izany.

Saingy izao no voalaza mialoha tamin'i Mosesy, izy tenany, izay namono an'ilay fanatitra, nanao hoe, “Ny Tompo Andriamanitrao dia hanangana eo anivonao, avy amin'ny rahalahinao manokana, Mpaminany anankiray. Izao no hiseho, fa izay rehetra tsy hifikitra amin'io Mpaminany io sy izay Lazainy, dia hofongorana hiala eo anivon'ny olona.” Dia nisy izany.

²²⁶ Jereo hoe toy ny ahoana no nahatanteraka mihitsy faminiana teo amin'ny eninjato samihafa teo, an'ny Testamenta Taloha, ny amin'i Jesosy Kristy. "Nofantsihan'izy ireo ny Tànako sy ny Tongotro." Teo amin'ny, tsy tadidiko hoe firy no tanteraka teo amin'ny ora fito na valo farany an'ny Fiainany, izay nolazain'ireo mpaminany rehetra ireo, tanteraka tokoa.

²²⁷ Raha maminany aho androany fa hisy zavatra anankiray hitranga afaka taona iray manomboka izao, angamba aho manana—aho manana anjara roapolo isan-jato hitrangan'izany, na marina ilay izy na diso. Ary raha nilaza mialoha aho fa hitranga izany, ka tsy nilaza hoe rahoviana, dia hiha-kely ny isan-jato azoko. Raha nilaza mialoha aho hoe rahoviana izany no hitranga, dia hanome ahy ampahany mihena kely izany. Raha nilaza mialoha aho ny toerana izay nitrangany, dia mbola manome ahy ampahany mihena kely ihany izany. Raha nilaza mialoha aho ny . . . iza no hitrangan'ny, amin'izay fotoana izay dia mbola eo amin'ny ampahany iray amin'ny iray hetsy no mety hisehoan'izany, raha tsy marina ilay izy.

Ary ny Teny rehetra, haleloia, izay voasoratra mikasika an'io Mesia io, dia tanteraka ara-bakiteny. Hany ka indray andro aza, teo am-pamakiana ny Soratra, dia nijanona teo afovoan'ilay fehezan-teny mihitsy Izy, ka nanao hoe, "Ny Fanahin'Andriamanitra no eo Amiko mba hitory ny Filazantsara, sy hanafaka ny..." Ary nijanona teo afovoan'ilay fehezan-teny mihitsy, satria ny ambin'io dia amin'ny Fihaviany faharoa. Amena! "Ny lanitra sy ny tany ho levona; ny Teniko tsy ho levona." Hitanareo?

²²⁸ Izy no Teny tamin'izany, izay namoky azy ireo tamin'izany. Nolazain'i Mosesy tamin'izy ireo ny Fahamarinana; saingy, hitanareo, nanao anaram-piangonana anankiray avy tamin'izany foana izy ireo, ho an'ireo voltora mba . . .

Misy ampahan'Izany tavela taorian'ny nihinanan'ny voromahery ka nodiany any an-trano. Koa dia miandry ny hahita zavatra hafa izy ireo. "Ny Teny," hoy izy ireo, "eto dia natao ho tonga Izy. Nahazo ombimanga izahay omaly; hanana ondry izahay rahampitso." Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? "Misy fatin'ombimanga tranainy ary, dia mifaly, fa hanana ondry ho avy isika androany. Aiza izy izany?" Hitanareo ve izay tiako lazaina? Sakafon'Anjely! Ireo olona izay nihinana ny mana indray andro, raha nanandrana nitahiry an'izany ho an'ny andro manaraka izy ireo, dia efa lo ilay izy. Tsy mahita ny tandindona rehetra ve ianareo, hoe tena tanteraka? Mitovy ankehitriny!

²²⁹ Mariho, ireo voltora tamin'ny andron'i Jesosy dia nandroaka devoly ihany koa; ireo voahosotra teo amin'ilay faty tranainy. Marina ve izany? Nandroaka devoly izy ireo. Jesosy no niteny an'izany.

Ary tsarovy, nanana mpaminany izy ireo tamin'ireo andro ireo. Kaiafa, ilay mpisoronabe, dia naminany. Firy no mahafantatra an'izany? Naminany i Kaiafa. Mariho ny toeran'ilay ahi-dratsy ao amin'ny saha; voatondrak'ilay hosotra iray ihany izy. Nahoana ny Baiboly no nilaza fa naminany izy? "Satria mpisoronabe izy tamin'io taona io." Mpitsindroka lo anankiray, ahi-dratsy anankiray sy songosongo anankiray, nipetraka teo anivon'ilay Vary; saingy teo aminy ny Fanahy, ilay Fanahy Masin'Andriamanitra tena izy. Ilay Fanahy Masin'Andriamanitra no teo aminy, mba hitory teny, haminany, ary hilaza mialoha an'ilay izy fa hiseho; nefa nandà sy nanombo an'ilay tena Tenin'ny ora voamarina.

Oh, mamindrà fo, rahalahy! Mandra-pahoviana no tsy maintsy hilazantsika an'ireo zavatra ireo, hitanareo, mbola ho Soratra firy? Handeha haingana aho. Manana eo amin'ny pejy folo eo aho eto, avy ao amin'ny Soratra, hanaporofoina ny zavatra rehetra. "Ny masoandro eo amin'ny marina sy ny tsy marina, mitovy."

²³⁰ Jesosy no nilaza, mba hanaporofoina an'ity. "Raha ny rantsan-tànan'Andriamanitra no androahako devoly, amin'iza kosa no androahan'ny zanakareo azy ireny?" Ankehitriny, nandroaka devoly izy ireo. Naminany izy ireo. Marina ve izany? Nefa tsy nanaiky Azy ho ny Tenin'ilay ora, (nahoa?) satria tsy nikambana tamin'izy ireo Izy.

Ankehitriny dia raiso ny Matio 24:24, "Ireo Kristy sandoka," ireo voahosotra, "dia hitsangana, ary hisy mpaminany sandoka haminany an'izany," hitanareo, "ary hamitaka ny tena Voafidy raha azo natao." Azonareo ve ilay izy ankehitriny?

²³¹ Mariho ireo zanaka. "Iza no anaovan'ireo zanaka... Raha mandroaka devoly amin'ny Tenin'Andriamanitra Aho," fa, Izy no Tenin'Andriamanitra, "amin'iza no androahan'ireo zanakareo anaram-piangonana azy ireny?" Ankehitriny, ary Andriamanitra irery ihany no afaka mandroaka ny devoly, fantatsika izany, Andriamanitra irery ihany. Satria, ilay lehilahy mahery dia tsy maintsy mahery lavitra noho ilay anankiray ao an-trano. Nanana ny hery hanaovana an'izany izy ireo.

Fantatrareo, ao amin'ny Apokalypsy ao, dia voalaza fa izy dia...io antikristy izay nitsangana tamin'ny andro farany io, "Dia nanao famantarana sy fahagagana, izay namitaka mihitsy aza an'ireo izay nonina tambonin'ny tany, ary namitaka ny tsirairay avy tamin'izy ireo, Kristiana sy ny rehetra, ireo izay tsy nanana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry," valin'ny Matio 24:24, "ireo izay tsy nanana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

Io ilay Fiainana izay tao amin'ny fototr'ilay—ilay tena hazo voasary, izay niakatra avy tao amin'ireo voasary makirana rehetra sy ny zavatra hafa, ka nanohy ary nametraka ny voankazo teo amin'ny tampon'ilay hazo, ambonin'ireo grefy sy sampan'anaram-piangonana rehetra. Azonareo ve ilay izy? Handeha haingana aho. Ny lehilahy mahery. . .

²³² Tsarovy Davida ankehitriny, nahitsy izy, tso-po, niezaka nanao asa ho an'Andriamanitra, nefa tsy voatendry hanao an'ilay izy.

“Izy ireo,” ireo voahosotra; saingy hoy Jesosy hoe, “Izy ireo dia mampianatra ho Fotom-pampianarana ny fandikana (ny Soratra) avy amin'olona,” hitanareo, tsy ilay Tenin'Andriamanitra, tsy ny Teniny voamarina; fa mampianatra Kristy ara-tantara, hitanareo, zavatra izay efa nisy.

Ary hoy ny Baiboly hoe, “Misy Izy.” “**IZAHO IZAY IZY,**” tsy hoe “Izaho ilay efa izy na ho izy.” “**IZAHO IZAY IZY,** izao ankehitriny izao.” Izy no Teny izay miaina amin'ity.

Izy no, tao amin'ny fiandohana, Izy no tao amin'ny. . . Izy no tao amin'ny—ny ravina; Izy no tao amin'ny felana; Izy no tao amin'ny akofa; saingy ankehitriny kosa Izy dia ao amin'ny Voa.

²³³ Ankehitriny, dia miverina any aoriana ianareo ka miezaka ny ho velona indray? Ahoana moa raha hiverina hidina indray io Aina io, mihevitra ve ianareo fa io (sisa) Aina io dia mbola hiteny, hiverina aorian'ny nahamaina an'ilay akofa maina, mbola hiverina ka hivelona ao anatin'io indray? Tsy hanao an'izany mihitsy io. “Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha,” nefa tsy manohy mandroso miaraka amin'ny Teny araka ny fisehony, “maty izy ireo, lasa; fa ny tsilo sy ny songosongo dia akaikin'ny fandavana, ny hiafarany dia ny ho dorana.” Marina ve izany?

Ankehitriny handeha haingana araka izay azoko atao.

²³⁴ Mariho ny Soratra ankehitriny. Mampianatra Andriamanitra ara-tantara, hitanareo, toy ny hoe miezaka miaina tamin'ny andro lasa izy ireo, ohatra, “Eny, Wesley niteny an'izao-sy-izao. Na, *Ranona-sy-ranona* niteny an'izao-sy-izao.” Mandà an'ilay Teny nampanantenaina ho an'ilay andro ianareo, ilay Mana izay voatondro mazava ho an'ilay andro. Miezkaka izy ireo ny mametraka an'ireo divay tonta Loterana, Batista, Pentekotista ao amin'ilay tavoahangy vaovao antsika. Tsy mety izany. Ary ny Divay vaovao antsika, ao amin'ireo tavoahangy tontan'izy ireo, tsy hety. Raha miezaka ny hametraka an'ity Divay vaovao ity ao amin'ny anaram-piangonana izy ireo, dia voaseho ny fahadalany. Tsy vitan'izy ireo izany. Hanapoaka azy izany.

²³⁵ “Ankehitriny, rahalahy, hitako ny Tenin'Andriamanitra, tanteraka araka ny Teny!”

“Ankehitriny, jereo eto, dokotera, raha... Izahay—izahay tsy mahazo maka an'izany.” Ned, ataoko fa efa nahazo an'izany ianao vao haingana. “Izahay, izahay tsy mahazo maka an'izany eto ankehitriny. Izaho—izaho raha ny marina dia aleoko angamba ianao mandeha fotsiny.” Fantatrareo. Hitanareo, tsy hety izany. Hipoaka izany.

“Tsy mametaka tapa-damba vaovao eo amin'ny lamba tonta anankiray ianareo, satria hampitriatra azy rehetra ianareo.” Hitanareo? Tsy nilaza an'izany ve Jesosy? Tsy afaka mametraka Divay vaovao ao anatin'ny tavoahangy tonta ianareo. Hanapoaka azy ireo izany. Ny Divay vaovao dia manana Aina ao aminy. Eny ary.

²³⁶ Mariho ny zavatra anankiray eto, tena haingana ankehitriny, raha eo am-pamaranana isika ny...ny firesahantsika. Mariho ny Apokalypsy 16:13 ka hatramin'ny 14, raha tianareo ho raisina izany. Tsy hanam-potoana angamba aho handraisana an'izany. Tiako mba hanana antoka ianareo ka hijery an'izany. Ankehitriny mariho, izao no maneno eo anelanelan'ny Lovia Fahenina sy Fahafito.

²³⁷ Ankehitriny isika dia...hamarana isika afaka iray minitra fotsiny, raha afaka miaritra mandritry ny minitra vitsy fotsiny ianareo. Mamarana isika izao.

²³⁸ Mariho ny Apokalypsy 16:13 ka hatramin'ny 14, anelanelan'ny Lovia Fahenina sy Fahafito, “Fanahy maloto telo tahaka ny sahona” (efa mba voamarikareo ve izany?) “no nivoaka avy tao amin'ny vavan'ny olona anankiray.” Ankehitriny mariho, haingana. Vonona ve ianareo? Manaova, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Ny trinite an'ny fanahy!

²³⁹ Ankehitriny ry rahalahy ara-anaram-piangonana, mipetraha tsara iray minitra fotsiny. Aza mitsangana sy mivoaka ny efitrano, ireo izay ao amin'ny radio, fifandraisana an-telefona. Aza vonoina ny vata-fandraisam-peonareo. Mipetraha tsara iray minitra fotsiny, dia henoy. Raha naterak'Andriamanitra ianareo, dia hanaiky ianareo.

²⁴⁰ Trinite an'ny sahona! Ny sahona dia biby anankiray izay mijery any aoriana foana. Tsy mijery izay alehany mihitsy izy; mijery izay nihaviany izy. Hitanareo? Tsy hitanareo ve? Taiza no teraka ny triniterisma? Tsarovy, “fanahy maloto telo,” fanahy manokana. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

²⁴¹ Mariho, mijery any aoriana ao amin'ny Fivoriamben'i Nise izy ireo izay nahaterahan'ny fampianarana trinite, tsy tao amin'ny Baiboly. Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Mijery any aoriana ao amin'ny Fivoriamben'i Nise tao Nise izy ireo, Roma, izay nahaterahan'ny trinite.

Mariho hoe avy taiza izy ireo. Mariho. Ary ny trinite an'ny sahona dia nivoaka avy tao amin'ny trinite tranainy anankiray, niteraka trinite vaovao, ny renin'izy ireo. Inona no nivoaka avy tao? Trinite anankiray, “ny dragona,” hitanareo, “ny bibi-dia,” ary “ny mpaminany sandoka.” Trinite anankiray, vaovao. Fa oviana no nivoaka ireo sahona ireo? Oviana izany? Mariho, teo foana izy ireo hatramin'izay, saingy tsy voaseho izany raha tsy teo anelanelan'ny Lovia Fahenina sy Fahafito, mialoha indrindra ny nanokafana ny Tombokase mba hanambara azy.

“Fa amin'ny Hafatry ny anjely fahafito, dia ho fantatra ireo zava-miafin'Andriamanitra,” ireo zavatra triniterana rehetra ireo, sy batisa sandoka, ary ny zavatra rehetra dia tsy maintsy tonga voaseho. Hanampy antsika anie Andriamanitra mba hahita ny Fahamarinana! Sy ny tsy fiheverana fa olona anankiray izany izay miezaka milaza zavatra amin'ny . . .

²⁴² Tsapako io fanahy io fa tezitra amin'Ity, hitanareo. Tsy miresaka ny tenako aho, rahalahy. Miresaka an'ilay Anjelin'ny Tompo izay ato amin'ny toby aho. Tena marina izany.

²⁴³ Mariho, trinite anankiray! “Ilay dragona,” firy no mahafantatra hoe inona ilay dragona? I Roma izany. “Ary ilay dragona dia nitsangana teo anoloan'ilay vehivavy hihinana ny zanany vantany vao teraka izy.” Marina ve izany? Inona no dikan'ny “bibi-dia” ao amin'ny Baiboly? Hery. Eny àry. “Mpaminany sandoka, mpaminany sandoka iray,” sandoka iray, voahosotra. Hitanareo?

²⁴⁴ Nanomboka taiza? Izy ity dia “mpaminany sandoka,” tokana. “Mpaminany sandoka,” ilay papa voalohany; ary avy tao no nivoaka “ny—ny mpivaro-tena, sy ilay renin'ny mpijangajanga,” ny zavatra manontolo.

Nitsangana ny trinite sandoka anankiray; tsy tamin'ny andro voalohany, tsy tonga voaseho tamin'ny andro voalohany, tena nanohy fotsiny niaraka tamin'ilay izy. Fa rehefa ho tonga ireo Tombokase Fito, ka nanokatra an'ireo zava-miafina ireo ary nanambara azy ireo; tamin'izany “ireo sahona, fanahy maloto fito tahaka ny sahona, no nivoaka nampiseho ny tenany,” fampianarana trinite anankiray manohitra ny Fahamarinana. Hitanareo? Hah!

Hitanareo ve hoe avy taiza ilay izy? Hitanareo ve hoe miverina aiza izy? Fivoriambe Ekiomenika. Mpirahalaha daholo izy rehetra, na izany aza; fanahy mitovy, zavatra mitovy.

Ary diniho. Tena mamitaka, manao fahagagana! Ary izany dia ireo devoly izay mankany amin'ireo andriamanitry ny tany rehetra, manao fahagagana, mba hamitaka azy ireo amin'ny andro farany, ary hahomby amin'ny fanaovana an'izany. Inona no nolazain'Andriamanitra mikasika an'io fanahy ratsy io?

Hoy izy, “Handeha hidina aho ary hiditra ao am-bavan’ireo mpaminany ireo ary hanao azy ireo haminany lainga, hanao an’i Ahaba handeha any mba ho ringana.”

²⁴⁵ Hoy Andriamanitra hoe, “Mandehana. Hahomby ianao. Ho azonao hino an’izany izy ireo. Tsy eo amin’izao Teny izao izy ireo, hatrany am-boalohany.” Hitanareo? “Mandehana, fa haharesy lahatra azy ianao. Ianao no hany tokana hanao an’izany, rehefa miditra ao amin’ireo mpaminany sandoka ireo ianao, satria tena miantehitra amin’ireo izy. Ary tsy mahalala na inona na inona mikasika ny Teny izy, sady tsy hanandrana ny hianatra ny mikasika an’izany akory mihitsy aza. Tsy vitany izany, satria songosongo anankiray izy, hatrany am-boalohany.” Hitanareo? Hitanareo? “Hahomby ianao.”

²⁴⁶ Jereo ireto sahona sandoka ireto, mijery any aoriana, “Nahoana, fantatrareo ve izay nolazain’izy ireo tany Nise tany?”

Tsy ahoako izay nolazain’izy ireo ny amin’izany, tany Nise tany. Izaho milaza izay nolazain’izy ireo eto amin’ny Seza fiandrianan’Andriamanitra eto; izay tsy maintsy hisy, fa tsy izay nisy; izay hisy, satria Izy no “**IZAHO IZAY IZY.**” Hitanareo?

“Sandoka.” Jereo izany. Hah! Mariho hoe avy taiza izy ireo.

²⁴⁷ Ankehitriny henoy tsara. Hitantsika mazava, taorian’ny nisokafan’ireo Tombokase Fito, izany no tsy maintsy nanambara an’io zava-miaina io. Inona io trinite io? Hitanareo? Taiza izy no efa nantsoina hoe trinite? Hitanareo? Taiza tao amin’ny Baiboly no mba Niresahana ny teny hoe trinite? Aiza no mety hisy Andriamanitra telo, ka hanompo Andriamanitra telo isika nefa tsy ho mpanompo sampy?

Ahoana no hahafahan’izy ireo hisaraka, nefa hoy Izy hoe, “Izaho sy ny Raiko dia Iray?” “Raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty amin’ny otanareo ianareo, hitanareo, ny tsy finoanareo.” Ny ota dia ny tsy finoana. “Ho faty amin’ny tsy finoanareo ianareo.”

Oh, ataonao ho iza moa Aho, ataonao ho avy aiza moa Aho,

Oh, fantatrao ve ny Raiko, na azonao lazaina ve ny Anarany?

IZAHO NO ilay Raozin’i Sarona, ilay Kintan’ny Maraina sy Mamirapiratra.

Azonareo lazaina amiko ve hoe Iza Izy?

IZAHO NO ilay niresaka tamin’i Mosesy tao amin’ny roimemy nirehitra Afo,

IZAHO NO ilay Andriamanitr’i Abrahama, ilay Kintan’ny Maraina sy Mamirapiratra.

IZAHO NO ilay Raozin’i Sarona, oh, ataonao ho avy taiza moa Aho;

Oh, fantatrao ve ny Raiko, na azonao lazaina ve ny Anarany? (Amena!)

IZAHO NO Alfa, Omega, ny Fiandohana
hatramin'ny Fiafarana;

IZAHO NO ilay famoronana manontolo, ary
Jesosy no Anarany.

248 Marina izany. Tsy trinite! Tsia, tompoko. Zavatra diso izany.

Ireo Tombokase Fito, nanokatra an'ireo zava-miafina ireo izay “ho tanteraka,” no naneho. Tombokase nisokatra; mampiharihary, maneho, mampahazava an'ireo Fahamarinana voafina izay nafenin'ireo Tombokase nandritr'ireo taona rehetra ireo, tamin'ireo fiangonana sy anaram-piangonana rehetra ireo.

“Ilay mpivaro-tena lehibe,” an'ny Apokalypsy fito-...Iza izy? Fa izy dia “NY RENIN'NY MPIJANGAJANGA,” ihany koa. Hitanareo?

249 “Ankehitriny, ianao no niantso azy ireo ho ‘voltora,’” hoy ianareo, “Rahalahy Branham.” Marina izany.

Fa, tsarovy, ny voltora dia vorona anankiray. Izy dia voahosotra hanidina, ihany koa. “Ireo fanahy roa dia tena hifanakaiky ka hamitaka ny Voafidy izany...” Ny voltora dia tena lehibe tahaka ny—tahaka ny voromahery anankiray. Afaka manidina tahaka an'io voromahery io izy; ary voahosotra hanidina, na hitory teny, na haminany, mariho, tena tahaka ny voromahery mihitsy. Saingy tsy afaka manaraka ny voromahery eny amin'ny hahavo izy. Tsia, tsia. Raha manandrana hanaraka ny voromahery izy, dia ho voaseho ny fahadalany. Eny, tompoko. Tsy afaka manaraka ny voromahery izy.

Oh, afaka milaza izy hoe, “Izaho mino an'i Jesosy Kristy ho Zanak'Andriamanitra. Izaho mino an'Andriamanitra Ray, Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany; Jesosy Kristy Zanany, sy ny sisa.” Oh, azo antoka, fa vitan'izy ireo izany. Saingy ahoana ny mikasika Azy ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay? Hitanareo?

250 Ny voromahery dia vorona voaorina manokana. Tsy misy na inona na inona mitovy aminy, eto an-tany. Hitanareo? Izy—izy...Raha manandrana hanaraka azy ny voltora anankiray, na vorona inona, dia hiparitaka izy. Ho voaseho ireo fahadalany, tena azo antoka. Hipoaka izy raha hanandrana hametraka an'ilay Divay vaovao ao amin'ny tavoahangy tonta. Hitanareo, hipoaka izy. Hiparitaka izy. Izy tsy natao, izy tsy...Ny vatany dia tsy voatambatra tamin'ny rafitra hahatazona azy eny ambony eny. Rehefa miditra ao amin'ireo faritra lehibe eny ambony eny izy ireo, raha tsy natao ho an'izany izy, voatendry, voafidy mialoha, teraka ho voromahery, dia hirefotra ho potipotika izy. Hitanareo? Hiendaka eo amin'ny elany ireo volony, ary hianjera amin'ny

tany izy. Azo antoka. Tsy afaka manaraka ny voromahery izy, eny amin'ny hahavo. Raha manandrana manaraka izy, dia ho voaseho ny fahadalany. Marina izany. Tsy vitanareo.

²⁵¹ Nahoana? Tsy afaka mahita tahaka ny voromahery izy. Inona moa ny soa ho azo amin'ny fanandramana hitsambikina avo indrindra, nefa tsy mahita akory hoe aiza ianareo rehefa eny ambony eny ianareo? Ary raha tsy maintsy hanandrana izy, na dia hanandrana haka tahaka an'io voromahery io fotsiny aza, eny amin'ny hahavo, dia ho lasa tena jamba izy ka tsy fantany hoe inona no nahataitaitra azy. Marina izany. Mikiakiaka sy miantsoantso izy, ary mikorontana; saingy teneno aminy fotsiny anie ny Teny, ry tovolahy, eo no voaseho ny fahadalany.

Resaho aminy anie ny mikasika ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, na, Izy ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakariva, ny rehetra—ny rehetra tahaka an'izany, dia teneno aminy. “Nahoana, oh, andraso kely iray minitra fotsiny ankehitriny!” Hitanareo? Oh, hia, eo no mihintsana ireo volony. Hitanareo, mitsambikina tanteraka izy, sy maminany, sy mandroaka devoly, sy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, sy miantsoantso, sy mikorontana, mihazakazaka mandroso-sy-miverina eo amin'ny gorodona. Fa aza manandrana manaraka Any ambony any; nahoana, azo antoka fa ho voaseho izy.

Kanefa, voatendry izy. Voahosotra izy. Afaka manidina izy. Afaka mampifandanja ny tenany izy, miakatra any ambony any, saingy tsy. . . dia lavitra loatra fotsiny. Hitanareo, afaka mihinana fatim-biby izy, saingy tsy afaka mihinana an'ilay Hena vaovao izay avy eo amin'ilay Seza fiandrianana izy.

Jamba izy. Taitaitra tanteraka izy, saingy tsy fantany hoe inona no nahataitaitra azy. Hitanareo, ilay Fanahy iray ihany no nilatsaka teo aminy, tahaka ny ranonorana, mba hanao azy ho vary; tsy vary izy hatrany am-boalohany. Mipoaka izy. “Oh, tsy afaka hanaiky karazana. . . Oh, tsia, tompoko! Fantatro fa i Dokotera Jones no nilaza. . .” Eny ary, mandehana. Hitanareo? Mandehana, raha tianareo.

²⁵² Tsia, mariho, izy tsy nateraka, na naorina, na nofidiana mialoha, ho io karazam-borona io. Izy dia afaka. . . Izy dia. . . mety ho voasary makirana maniry eo amin'ny hazo voasary anankiray, fa tsy avy ao amin'ilay fototra mihitsy izy. Zavatra anankiray izay nampiana izy. Ary rehefa lasa tena avo ao amin'ireo anaram-piangonany izy ireo ka tsy afaka mahita an'ilay Tenin'Andriamanitra voafidy mialoha nohamarinina, dia amin'izay fotoana izay no voaseho ny fahadalany. “Oh, io karazan-javatra io, Hazavana boribory eo ambony loha, sy ny rehetra, oh, fahadalana Io.” Hitanareo? Voaseho.

²⁵³ Tsy naorina hahita lavitra an'izany izy. Afaka mahita ny lavitra indrindra arak'izay hamelan'ny solomason'anaram-piangonany ho jereny fotsiny izy. Saingy, aorian'izany, dia jamba tahaka ny ramanavy anankiray izy. Amin'izay fotoana izay no voaseho ny fahadalany. Hitanareo? Eo no hipetrahan'ilay tena voromahery mba hihinanana. Eny, tompoko. Eo ireo tena voromahery, voafidy no mahita hoe inona izy. Rehefa tsy afaka mandray an'ity Teny ity izy, dia ho fantatr'izy ireo avy hatrany fa voltoran'anaram-piangonana izy.

²⁵⁴ Nahoana, nahoana no tsy afaka manidina izy? Satria, jereo izay haniny. Mihinana eo amin'ny fatim-bibin'ny anaram-piangonana izy. Izany dia tsy—izany dia tsy hanao ny vatany ho ara-panahy, tsy hametraka azy ao amin'ny toe-batana ara-panahy, amin'ny teny hafa dia, hampiakatra azy any ambonin'ireo fahasamihafan'ny anaram-piangonana. Hitanareo? Hitanareo, misakafo eo amin'ny karazan-javatra lo fotsiny izy; avy amin'izany no nanaovana ny vatany. Tsy afaka miakatra any amin'izay itarihan'ilay Hena vaovao an'io voromahery io izy. Tsy vitany mihitsy izany. Hitanareo?

²⁵⁵ Izany no manatanteraka ny Matio 24:24. Manidina izy, mitsambikina eny amin'ny habakabaka, manakopakopaka ny elany, saingy tsy afaka miakatra avo loatra izy. Hitanareo? Marina izany. Hitanareo, tsy afaka mandeha izy, tsy afaka mihanika avo loatra izy mba hahazo an'io Mana vaovao io. Afaka mihinana an'ilay mana tonta izay eto amin'ny tany ambany eto izy, ilay bitro tranainy maty izay efa voahitsakitsaka herinandro lasa, sy iray volana lasa, na efapolo taona lasa, fahasimbana. Afaka mihinana an'izany izy, sy manao be am-bosika an'izany, sy mikakakaka sy mikiakiaka, ary mikorontana, mitsambikina dia manidina tahaka ny voromahery anankiray hafa. Voahosotra izy, tahaka ny vorona anankiray hafa.

Ary izy dia karazana voromahery anankiray, izany ny voltora. Fantatsika izany. Azo antoka fa izany izy, saingy izy dia tsy afaka manaraka an'ilay voromahery tena izy. Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany mihitsy izy. Tsia, tompoko. Tsy voarina ny vatany; mihinana fatim-biby samihafa izy, hitanareo, ary izany dia tsy ho... izany dia tsy—izany dia tsy ho ilay Hena vaovao, ilay Mana vaovao. Izany dia ho zavatra anankiray izay nolazain'i Lotera, nolazain'i Wesley, na nolazain'i Dokotera *Ranona-sy-ranona*. Izany dia tsy ho izay nolazain'i Jesosy ho an'izao ora izao.

²⁵⁶ Ndao isika ankehitriny, hamarana. Ireo voahosotra, “ireo Kristy,” amin'ny andro farany, saingy “mpampianatra sandoka sy mpaminany sandoka.” Mariho hoe manaitra toy ny inona! Ankehitriny dia tiako ianareo hampitaha an'izao; tsy manam-potoana hamakiana azy isika, Matio 24:24 miaraka amin'ny Timoty Faharoa 3:8.

Matio 24:24 dia nilaza, amin'ny andro farany, hitanareo, “Ho avy ireo Kristy sandoka,” sandoka, ireo voahosotra, “ireo mpaminany sandoka, ary hanao famantarana sy fahagagana,” tena tahaka an'ilay tena Anankiray—tena Anankiray, “ary dia—ary dia saiky hamitaka ny tena Voafidy.” Ankehitriny mariho, Jesosy no niteny.

²⁵⁷ Indro tonga i Paoly, tena tao Aoriany mihitsy, ka nanao hoe, “Ankehitriny, amin'ny andro farany, dia ho avy ireo olona mpivavaka, hitanareo, manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra. Ary hitarika vehivavy adaladala, entin'ireo karazana filàn'izao tontolo izao.”

Ary manontany tena izy ireo, manao hoe, “Nahoana ianareo no mamely mafy ny vehivavy?” Oh, ho fahatsaram-panahy . . . Tsy hitan'izy ireo mihitsy aza Izany.

“Mitarika vehivavy adaladala, vesaran'ny filàna maro,” lavitr'ireo zavatra toy ny . . . an'ny . . . Hitanareo, “Ary tahaka an'i Jana sy Jambra . . .”

Matio 24:24, “ireo Kristy sandoka,” sandoka, voahosotra, manao famantarana sy fahagagana mba hamitaka ny Voafidy.

“Ankehitriny tahaka an'i Jana sy Jambra nanohitra an'i Mosesy, dia ho toy izany koa ireo mpihemotra; fisainana mihemotra ny amin'ny Finoana.” Tsy hoe finoana “anankiray.” “Ny Finoana!”

“Iray ny Finoana, iray ny Tompo, iray ny bat- . . .” Tsy afaka manana “Finoana iray” ianareo raha tsy mino “Tompo iray.” Tsy afaka manana batisa roa ianareo, ary tsy iray ho an'ny Ray, sy Zanaka, ny Fanahy Masina. “Iray ny batisa,” Jesosy Kristy. Marina izany. Hitanareo, batisa sandoka!

²⁵⁸ Mariho, ampitahao miaraka izy ireo ankehitriny rehefa tonga any an-trano ianareo. Mariho Matio 24:24, Jesosy no miteny; Paoly, Timoty Faharoa 3:8; maro hafa. Ary ampitahao izany ankehitriny.

²⁵⁹ Ary avy eo dia asio Soratra hafa anankiray, Lioka 17:30, Malakia 4.

“Tahaka an'i Jana sy Jambra nanohitra an'i Mosesy,” ilay Teny voahosotra an'ilay ora, “dia ho toy izany koa ireo lehilahy ireo,” tsy ilay lehilahy, “ireo lehilahy,” ireo voahosotra, “nanohitra ny Fahamarinana.”

²⁶⁰ “Amin'ilay tena andro izay hisehoan'ny Zanak'olona.” Apokalypsy 10:1 hatramin'ny 7, vakio io rehefa tonga any an-trano ianareo, “ny Hafatry ny anjely fahafito, manokatra an'ireo Tombokase.” Inona izany? Tsy ilay anjely akory no Zanak'olona; fa ilay iraka no manambara ny Zanak'olona. Afaka manao an'ilay fanavahana ve ianareo ankehitriny? Eo no toa ohatry ny maha-sarotra an'ilay izy aminareo, hitanareo. Tsy ilay Zanak'olona, Izy tenany; fa ilay anjely

fahafito, ilay iraka fahafito, no manambara amin'ny be sy ny maro an'ilay Zanak'olona, satria niala tao amin'ilay akofa Izany. Tsy afaka manao rafitra amin'Izany Izy. Izany no ilay Voa, Izy tenany, indray.

“Ary amin'izany andro izany, dia hanohitra i Jana sy Jambra,” ireo voahosotra (ireo mody mpino sy tsy mpino, ilay fiangonana ara-fombafomba sy ireo Pentekotista) no hitsangana hanohitra an'ilay Voa marina, “saingy avelao izy ireo hipetraka tsara; ho voaseho ny fahadalan'izy ireo, tahaka ny azy ireo.” Hitanareo? Azonareo ve ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

²⁶¹ Apokalypsy 10, nanao hoe, “Amin'ny andron'ny feon'ny anjely fahafito.” Ankehitriny tsarovy, fahafito, Taom-Piangonana Laodikia. “Ny feon'io anjely io,” rehefa natao ho anaram-piangonana io taom-piangonana io ka lasa taom-piangonana anankiray, rehefa tafiditra ao amin'ny rafi-pandaminany Pentekotista izy; rehefa ilay iraka ho an'izany. . .

Inona ny iraka tsirairay? Inona i Martin Luther? Fanitsina anankiray ho an'ny Katolika. Inona i Wesley? Fanitsiana anankiray ho an'ireo Loterana. Inona ny Pentekosta? Fanitsiana ho an'ireo hafa. Lasa aiza ilay Aina ankehitriny? Nanalavitra ny rafi-pandaminana. Tsy misy akofa intsony; ny Voa izany. Inona izany? Fanitsiana anankiray ho an'ny Pentekosta, hitanareo, mba hanatanteraka ny Soratra an'izao ora izao. Hitanareo?

²⁶² Mariho, amin'ilay tena andro rehefa io iraka io. . . Tsy hoe rehefa miandoha izy, fa rehefa manomboka milaza ny Hafany izy. Hitanareo? Ilay Fisarihana Voalohany, fanasitranana; Fisarihana Faharoa, faminiana; Fisarihana Fahatelo, ny fanokafana ny Teny, ireo zava-miafina voambara. Tsy misy intsony, tsy misy laharana ambony intsony hanambara ny Teny, afa-tsy ny mpaminany. Fa ny fomba tokana hahafahan'ny mpaminany ho voamarina dia amin'ny alàlan'ny Teny. Ary, tsarovy, ny Fisarihana Fahatelo dia ny fanokafana an'ireo Tombokase Fito ireo, mba hanambara an'ilay Fahamarinana nafenina izay voaisy tombokase ao anatin'ny Teny. Hitanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

Amin'io fotoana io izany, amin'ny andro izay hisehoan'io zavatra io, ilay Jana sy Jambra, ireo mpaka tahaka, no hiseho indray. Tena tahaka ny nataon'izy ireo mihitsy rehefa niseho niaraka tamin'ilay Teny tany am-piandohana i Mosesy, mba hilaza an'Izany; niseho izy ireo mba haka tahaka an'Izany. Tena marina mihitsy izany. Ankehitriny hitanareo ve hoe inona ny Matio 24:24? Hitanareo, ireo voahosotra!

²⁶³ Ankehitriny dia misy zavatra telo ho lazaintsika mialohan'ny hamaranantsika. Izao izany. Tiako ianareo hihaino tsara ankehitriny raha mamarana isika. Zavatra telo, tsarovy, zavatra telo no tanteraka. Zavatra telo no mipetraka eo anoloanareo izao ankehitriny izao.

²⁶⁴ Voalohany. Izao tontolo izao dia ao amin'ny toetran'i Sodoma. Jesosy no nilaza fa izany no hitranga. Jereo ilay fanimbana; ireo vehivavintsika dia miezaka hanao tahaka ny lehilahy; ireo lehilahintsika miezaka hanao tahaka ny vehivavy, sarimbavy; lo, maloto, mahatsiravina, misy devoly, nefa tsy mahalala an'izany akory. Ny Baiboly no nilaza fa izany no hitranga, ary eo izany izao.

²⁶⁵ Faharoa. Amin'io ora io, araka ny Soratra eto, no miseho i Jana sy Jambra. Faharoa.

²⁶⁶ Fahatelo. Amin'io ora io ihany no tsy maintsy voaseho ny Zanak'olona.

²⁶⁷ Io ilay mpinonareo, ilay mody mpinonareo, ary ilay tsy mpinonareo. Misy Teny tena izy anankiray mitsangana, nohamarinina; misy ny mody mpino maka tahaka an'izany; ary misy ny tsy mpino mandà ny zavatra rehetra.

Fa hisy Hazavana eo amin'ny andro hariva,
Ny làlana mankany amin'ny Voninahitra
dia azo antoka fa ho hitanareo. (Marina ve
izany?)

Rava ireo firenena, mifoha Isiraely,
Ireo fanambarana izay nolazain'ny
Baibolintsika mialoha;
Ary voaisa ny andron'ny Jentilisa (Sodoma),
miaraka amin'ny horohoro manarana;
Miverena, O ry niely, amin'ny anareo.

Akaiky ny andro fanavotana,
Ketraka ny fon'ny olona, ao amin'io tahotra
io;

Aoka ho fenoina ny Fanahin'Andriamanitra,
ataovy madio sy mazava ny fanilonareo,
(mba hahafahanareo mahita ny Tenin'ilay
ora.)

Miandrandra, akaiky ny fanavotana anareo!

Mandainga ireo mpaminany sandoka, (nilaza
izy ireo fa ho eto; ireo voahosotra), ny
Fahamarinan'Andriamanitra no nolavin'izy
ireo,

Hoe Jesosy ilay Kristy no Andriamanitsika.

Io dia, tsy mino an'izany izy ireo. Ny Baiboly no nilaza fa hisy io zavatra eo io. Io izy io!

Fa hamindra eo amin'izay nitsahan'ireo apostoly isika. (Hazavana mitovy! "Sy hamerina ny Finoan'ny ray ho amin'ny zanaka.")

Akaiky ny andro fanavotana, tena akaiky,
Ketraka ny fon'ny olona noho ny tahotra,
(miha-milentika ny tany);

Oh, aoka ho fenoina ny
Fanahin'Andriamanitra, ataovy madio sy
mazava ny fanilonareo.

Miandrandra, akaiky ny fanavotana anareo.

Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ndao ary isika hanondrika ny lohantsika.

²⁶⁸ Any amin'ny firenena izay andehanan'ity Hafatra ity, avy ao amin'ny Morontsiraka Atsinanana ka hatrany Andrefana, avy ao California ka hatrany New York, midina any Atsimo, miakatra any Avaratra, any amin'ny toeram-pitoriana, ary na aiza na aiza alehan'izany, sy ato amin'ity tabernakla ity. Mahantra isika. Isika tsy manana an'ireo zavatra lehibe, goavana, madera, sy fandaharana amin'ny televiziona. Miezaka fotsiny isika manao ny tsara indrindra izay vitantsika. "Fa izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona."

²⁶⁹ Ankehitriny, tiako ianareo hahafantatra fa azo antoka izao, ary ianareo izay mihaino an'ity horonam-peo ity. Mety nieritreritra ianareo androany fa niezaka nilaza an'izany avy amin'ny tenako aho, satria hoe izaho no nitondra an'ity Hafatra ity. Tsy misy na inona na inona idirako velively Izany, tsy misy afa-tsy feo fotsiny aho. Ary, ny feoko, dia mifanohitra aza amin'ny fitsarako tsara; naniry ny ho mpamandrika aho. Saingy izay sitrapon'ny Raiko no ambarako fa ataoko, ary nanapahako hevitra fa hatao.

Tsy izaho ilay Anankiray izay niseho teo amin'ilay renirano; nitsangana teo fotsiny aho rehefa niseho Izy. Tsy izaho ilay Anankiray izay manao an'ireo zavatra ireo sy milaza mialoha an'ireo zavatra izay mitranga tanteraka tokoa; fa izaho dia ilay anankiray izay akaiky fotsiny rehefa manao an'izany Izy. Izaho dia feo fotsiny izay Nampiasainy, hilaza an'izany. Ilay izy tsy hoe izay fantatro; ilay izy dia izaho nanolotra ny tenako fotsiny, mba Hitenenany amin'ny alàlako. Tsy izaho ilay izy, tsy ilay anjely fahafito izany, oh, tsia; izany dia ilay fanehoana ny Zanak'olona. Tsy ilay anjely izany, ny hafany; izany no zava-miafina izay novelarin'Andriamanitra. Tsy olona anankiray izany; Andriamanitra izany. Ny anjely dia tsy ny Zanak'olona; iraka avy amin'ny Zanak'olona izy. Ny Zanak'olona dia Kristy; Izy ilay Anankiray izay ivokisanareo. Tsy mivoky amin'ny olona anankiray ianareo; ny olona anankiray, dia ho diso ny teniny. Fa ianareo dia mivoky amin'ny Teny-Vatana tsy mety diso an'ny Zanak'olona.

270 Raha tsy nivoky tanteraka amin'ny Teny rehetra ianareo, mba hanome hery ho an'ny tenanareo hanidinana any ambonin'ireo anaram-piangonana ireo ary ireo zavatr'izao tontolo izao, hanao an'izay ve ianareo amin'izao fotoana izao, raha mivavaka isika?

271 Ray malala, zavatra sarotra anankiray izao. Tsy mora ho an'ny mety maty anankiray ny manao an'ilay izy. Ianao no mahalala ny zavatra rehetra. Ary mivavaka Aminao aho, Andriamanitra malala, mba ho azo tsara izany. Fa, ao amin'ny Fahazavan'ny Teninao, no aoka handehanan'ny olona.

272 Ary, Andriamanitra Ray, izaho tsy mahafantatra hoe iza ilay Voafidy; Ianao no mahafantatra. Izaho tsy mahafantatra hoe rahoviana ny Fihavianao. Saingy fantatro fotsiny fa Ianao no nilaza fa rehefa miseho izao, ireo sandoka, ireo voahosotra; tsy hoe vantany vao miandoha izy ireo.

Navelan'i Mosesy nipetraka tsara fotsiny izy ireo, satria tsy afaka nanao ankoatr'izany intsony izy. Nilaza fotsiny an'izay Nolazainao izy. Nilaza taminy Ianao hiantso parasy; avy eo izy ireo dia niantso an'ireo. Nilaza taminy Ianao hamadika ny rano ho rà; avy eo dia nataon'izy ireo izany. Nanatanteraka fotsiny i Mosesy, Teny amin'ny Teny, arak'izay Nolazainao, saingy avy eo dia Ianao ilay Anankiray Izay nanao an'ilay fahadalana ho voaseho.

273 Ankehitriny, Ray, Andriamanitra Ianao, hatramin'izao. Ilay Teny iray ihany no nilaza fa izao no hitranga amin'ny andro farany. Olona tso-po maro, araka ny nolazainay tamin'ny Alahady lasa, izay nametraka ny tànany teo amin'ilay Fiara teo ambonin'ny sarety vaovao, fa tsy ny sorok'ireto Levita, no maty nianjera, "maty tao amin'ny ota sy ny fandikan-dalàna," niady nanohitra ny fisainany manokana.

274 Mpitoriteny maro mipetraka ao amin'ny biraony, no mamaky an'izao Teny izao, ary mamadika haingana ny pejy; mba hiala amin'ny fahazoana fanerena, mahafantatra fa ho very ny toerany ara-tsosialy eo amin'ny be sy ny maro, eo amin'ny fiangonany ary eo amin'ny anaram-piangonany. Ampio izahay Andriamanitra mba tsy hanao an'izany mihitsy!

275 Diovy ny fonay, Tompo, amin'ireo loto rehetra an'izao tontolo izao. Tompo, vonona aho ny ho diovina. Vonona aho, miaraka amin'ity fiangonana ity sy ireo rehetra izay mihaino, ary na iza na iza hihaino an'ity horonam-peo ity. Mijoro aho, Tompo, ary mangataka mba ho diovina. Tompo, ento ao an-tranon'ilay mpanefy aho ary poteho aho, amboary aho ho mpanompo anankiray arak'izay Hitiavanao azy.

Satria, Tompo Jesosy, "Lehilahy maloto molotra aho," araka ny niantsoantsoan'i Isaia, "mitoetra eo amin'ny olona maloto molotra; ary lozako, fa mahita ny fanambaran'Andriamanitra tonga voaseho aho," raha nahita

an'ireo Anjely tao an-Tempoly i Isaia. Mahita ny andro farany aho, Tompo, ary lozako sy ny fianakaviako; lozako sy ny oloko. O Andriamanitra Mandrakizay, mamindrà fo aminay. Miangavy aho ho an'ny tenako sy ny oloko. Aza avela ho levona miaraka amin'ireo izay tsy mino izahay, fa enga anie izahay ho velona miaraka amin'ireo mpino.

²⁷⁶ Ny anaram-piangonana rehetra, Tompo, ny lehilahy rehetra na vehivavy...Tsy afaka hangataka Aminao aho mba hitahy ny anaram-piangonana, fa fantatro fa manohitra an'izany Ianao. Fa ny azoko lazaina fotsiny, Tompo, dia raha manana ny Ondrinao eo anivon'izy ireny Ianao, dia enga anie izy ireo handre an'ity horonam-peo ity. Enga anie izy ireo handre an'Izany, Tompo, ary hahafantatra an'Izany amin'ny fahafantarana izay Homenao azy ireo, ary enga anie izy ireo hivoaka ka handray Anao. Enga anie izy ireo tsy ho voafitaky ny fahajambana sy ny fombafomban'izao andro izao. Enga anie izy ireo tsy hanandrana hihinana zavatra izay...na faty tamin'ny andro hafa izany. Enga anie izy ireo handray ny Teny.

Izany no fomba nanomboan'ireo Fariseo Anao, Tompo. Naka ny fatin'ny andron'i Mosesy izy ireo, ary niezaka nanao be am-bosika an'izany; rehefa avy nanome an'ilay tandindona Ianao, tany an-efitra, avy tamin'ny mana vaovao isan'alina, izay midika hoe isan-taranaka. Teo no nahadiso azy ireo. Nanapoizina an'izy ireo izany. Namono azy ireo izany, ny nihinana an'io sakafo simba io.

Ary, ara-panahy, dia manao an'ilay zavatra mitovy izany amin'izao fotoana izao; mamono azy ireo, ara-panahy, amin'ny anaram-piangonana anankiray.

Ampio izahay, Andriamanitra malala. Eo an-Tànanao izany rehetra izany ankehitriny. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

²⁷⁷ Miaraka amin'ny lohantsika miondrika, dia hihira an'izany isika raha eo am-pandraisana ny fanapahan-kevitrareo ianareo. Handeha hatramin'ny farany ve ianareo?

Reko ny Mpam... (ary Izy no Teny)...-jiko miantso, reko...

“Oh, nirenireny ela aho, saingy, marina tokoa, mandre Azy aho amin'izao fotoana izao, ‘Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay miraparapa.’ Reko, ‘Ento ny hazo fijalianao, manaraha Ahy isan'andro.’ ‘Hia, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, tsy hatahotra ny ratsy aho; ao amin'ny alokaloky ny ahi-maitso, ary eo amoron'ny rano fialan-tsasatra.’”

Ary izay Itarihany ahy dia izaho...

“Tompo, mahita an'io fahadalana trinitera io aho. Mahita an'izao tontolo rehetra izao voafafin'izany aho; ireo ahi-dratsy maniry n'aiza n'aiza. Fa izay Itarihanao ahy

ankehitriny, Tompo, dia ho tahaka an'ireo izay ao amin'ny Asa 19 aho. 'Rehefa nandre an'Izao izy ireo, dia naverina natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.'"

...dia hanaraka, ("Efa nahavita ny ampahan-dàlana aho, Tompo, ampy mba handraisako Anao.")

Ankehitriny handeha hiaraka Aminy hatramin'ny farany aho.

[Manomboka misamonomonona ny *Izay Itarihany Ahy* Rahalahy Branham—Mpand.]

²⁷⁸ Andriamanitra malala, matoky aho fa avy ao amin'ny foko izany. Matoky aho fa avy ao amin'ny fon'ny olona rehetra izay mihira amin'izao fotoana izao izany, angamba maro no handre an'ity horonam-peo ity, izay tsy tonga na tsy mandre azy ankehitriny. Enga anie izahay hanaiky, Tompo, tsy hijery izay vidiny. Hoy Izy, "Tahaka ny lehilahy anankiray hihaona amin'ny tafika anankiray hafa, miaramila anankiray, mpanjaka anankiray; mipetraka izy aloha ary manao kajy, ho vitany ve ny hanao an'ilay izy, afaka hahafoy ny zavatr'izao tontolo izao ve izy? Afaka hahafoy ve ianareo, hikambana amin'ilay tafiky ny Tenin'Andriamanitra voasoratra; mamindra miaraka amin'ireo Miaramilany, manidina miaraka amin'ireo Voromaheriny?" Ekeo izany, Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy.

²⁷⁹ Mino ve ianareo? Manaiky Azy ve ianareo? Eny àry. Hahita anareo indray izahay, anio hariva, raha sitraky ny Tompo. Mino an'izany ho ny Fahamarinana ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tena mazava ve ilay izy? ["Amena."]

Koa raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Fifaliana sy fiononana no homeny anao,
Raiso izany na aiza- . . .

Ankehitriny, raiso ny tànan'ny olona izay eo akaikinareo izao.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany, ilay fanantenan'ny tany,
fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Mpanjakan'ny mpanjaka any An-danitra
no hosalorantsika... (Andriamanitra Izy,
amin'izay fotoana izay)
Rehefa mifarana ny diantsika.

Anarana sarobidy, Anarana sarobidy, O tena
 mamy! O tena mamy!
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
 Anarana sarobidy, O tena mamy!
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

²⁸⁰ Ataoko fa ny mpitoriteny rehetra dia nampahafantarina daholo izao maraina izao, voarahaba.

Rehefa nivavaka nandritry ny herinandro ny lehilahy anankiray, nanontany tena hoe ahoana, nahita an'ireo Soratra ireo, miavaka tsara eo anoloanareo izy ireo. “Ary lozako,” hoy i Paoly, “raha tsy mitory ny Filazantsara aho.” Teo amin'ny faran'ny lâlany, dia hoy izy hoe, “Tsy niahotrahotra ara honambara taminareo ny Sain'Andriamanitra rehetra arak'izay nanomezana Azy tamiko.”

²⁸¹ Izaho indraindray dia manadino ny mampahafantatra zavatra, fampahafantarana, fanolorana ny zazakely.

Billy no nilaza, indray andro, fa tonga ny lehilahy anankiray, nanao hoe, “Roa taona izay no nahatongavako teto, mba hitondra ny zazakeliko ho voatolotra.”

Hoy i Billy hoe, “Aza manahy ny amin'izany ianao. Manana zazakely anankiray aho, herintaona; mbola tsy voatolotra foana anefa izy, hatramin'izao. Koa hiandry mandra-pahatonga azy ho tena antitra fotsiny aho mba hampanatonany ny tenany, heveriko.”

²⁸² Koa hitantsika rahalahy, ranabavy, tsy izany—tsy izany, hitanareo, izaho...Ny zavatra anankiray, tsy maintsy atolotsika ny zanatsika.

Tsy maintsy hataontsika batisa ny rehetra. Misy dobo io; io ny rano. Raha mbola tsy vita ianao, inona no misakana anao? Io ny rano. Tongava izao ankehitriny izao. Aza miandry hatramin'ny rahariva; tongava izao ankehitriny izao. Misy olona mitsangana eto hanao batisa ny olona rehetra izay nibebaka sy nanao fifonana. Raha efa natao batisa indroa ambin'ny folo ianareo, dia hanao batisa anareo amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo ho famelana ny fahotana. Hitanareo? Izany izahay.

²⁸³ Fa, hitanareo, ny Hafatra no ato am-poko. Tsy maintsy avoakako Izany. Izany no tanjoko tokana, tsy mijery an'izay lazain'ny vadiko, izay lazain'ny zanako, izay lazain'ny pasiterako, izay lazain'ny inoko koa. Ny Tompoko no izy. Tsy maintsy avoakako Izany. Izany no tanjoko tokana.

²⁸⁴ Ary ankehitriny, imbetsaka, dia manadino ny miarahaba an'ireo mpitoriteny aho. Ataoko angamba...ny rahalahintsika, Rahalahy Neville, lehilahy sarobidy anankiray. Ireo rahalahy hafa rehetra eo, faly izahay manana anareo.

²⁸⁵ Tsy hoe tsy miray hevitra aminareo izahay, rahalahy, mba hiavaka. Maro aminareo eto no mety ho mpitory teny

triniterana. Tsy tianay ny ho tezitra aminareo. Tianay ianareo. Raha tsy izany izahay, raha tsy mino an'izany aho, dia tsy handao an'ity fiangonana ity mihitsy aho raha tsy mandohalika ka manao hoe, “Andriamanitra, ahitsio aho.”

Tsy tiako izany fanahy miavonavona, tia tena izany no nifangaro tamin'ny ahy. Tiako ny fanahiko hangarangerana sy madio, fitiavana ny rahalahy, masina miaraka amin'ny Fanahy Masina. Ankehitriny, raha misy olona manao ratsy ahy, mety tsara izany. Ary na dia mety manana zo hamaly azy ireo aza aho, dia tsy tiako izany eo amin'ny fiainako. Tsia, izaho—izaho te-hanana fitiavana. Te-ho vonona hanitsy miaraka amin'ny fitiavana aho, miaraka amin'ny fitiavana izay mamaly tanteraka an'izany any.

²⁸⁶ Tsy tiako ny hiavaka. Metodista, Batista, Katolika, Presbyterana, na iza na iza ianareo, tsy ny hiavaka no ilazako an'ireo zavatra ireo, ny miavonavona aminareo. Raha manao an'izany aho, dia mpihatsaravelatsihy anankiray aho ary tokony ho eto amin'ity alitara ity, mivavaka amin'Andriamanitra.

Fa milaza an'izany aho, noho ny fitiavana, ary hitako izay izoranareo. Ankehitriny, tsy miteny an'izany avy amin'ny tenako aho, ka milaza fa manombatombana aho. Omeko anareo ny HOY NY TOMPO HOE. Izany no Fahamarinana. Ary tia anareo aho amin'ireo zavatra ireo. Andriamanitra hitahy anareo.

²⁸⁷ Ankehitriny raha mihira andininy hafa an'io hira io isika, ndao isika, mialohan'ny handehanantsika. Tianay ho eto ianareo anio hariva, raha afaka ianareo. Raha tsy afaka ianareo, dia homba anareo anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika. Mivavaka fotsiny isika mba Andriamanitra no—no hitahy anareo ary hanome anareo ny tsara indrindra avy ao amin'ny Taniny, hitanareo.

Raiso ny Anaran'i . . .



Ireo VOAHSOTRA AMIN'NY ANDRO FARANY MAG65-0725M
(The Anointed Ones At The End Time)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tany am-boalohany tamin'ny teny Anglisy ny Alahady maraina, 25 Jolay, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org